

# 10 ANDROM-BAVAKA

8-18 Janoary 2025

# *Fa ianao kosa raha mivavaka ...*

“Fa ianao kosa, raha mivavaka, ... dia mivavaha amin'ny Rainao, Izay ao amin'ny mangingina; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin'ny mangingina no hamaly anao.”

MATIO 6.6

FIVONDRONAMBEN’NY FEDERASIONA OSEANA INDIANA

# 10 ANDROM-BAVAKA

**8-18 JANOARY 2025**

## *Fa hianao kosa, raha mivavaka (...)*

Fiangonana Advantista
Mitandrina ny Andro Fahafito

## TARIDALANA HO AN'NY MPITARIKA

Tonga soa eto amin'ny Folo Androm-Bavaka 2025! Mino isika fa ny vavaka no fototra nahatanterahan'ny fifohazana. Andriamanitra dia naneho fahagagana be dia be nandritra ireo taona maro lasa raha niara-nitady Azy tamin'ny vavaka sy ny fifadian-kanina isika. Ny Fanahy Masina dia nitondra fiovam-po, firehetana vaovao ho amin'ny fitoriana ny filazantsara, fifohazan'ny fiangonana ary fahasitranan'ny fifandraisana.

Efa niantso anao ho amin'ny fifohazana ve ny feon'Andriamanitra? Ny Baiboly dia feno teny fikasana ho anao:

*"Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hanasitrana ny taniny."* – 1 Tant. 7:14.

*"Ary hitady Ahy hianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin'ny fonareo rehetra."* – Jer. 29:13.

*"Fa izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo no hovonjena."* – Joe. 3:5.

*"Manatòna an'Andriamanitra, dia hanatona anareo Izy."* – Jak. 4:8.

*"Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy amiko."* – Apôk. 3:20.

Na aiza na aiza misy anao ankehitriny, dia akaiky kokoa anao noho ny fiheveranao azy Andriamanitra. Maniry handrotsaka ny fitahiany amin'ny fianakavianao, ny fiangonanao, ny fiarahamonina misy anao, ary ny tontolo iainanao Izy.

## Lohahevitra ankapobeny ho an'ny Folo Androm-bavaka

Nanolotra taridalana momba ny vavaka atao isan'andro mandritra ny folo androm-bavaka izahay. Ny taridalana tsirairay dia misy andalan-tSoratra Masina, vakiteny hosaintsainina (fampaherezana), andalan-teny hanaovana vavaka, soso-kevitra momba ny vavaka ary soso-kevitra momba ny hira. Manoro hevitra anao izahay mba hanao dika mitovy ny taridalana isan'andro mba hahafahan'ny mpandray anjara tsirairay avy manaraka izany mandritra ny fotoam-bavaka.

Ny fiangonana maneran-tany dia hiombom-bavaka momba ny lohahevitra isan'andro. Miaraha amin'izy ireo hivavaka araka ireo andinin-tSoratra Masina voatondro sy ireo antom-bavaka, kanefa aza mihevitra hoe tsy maintsy hihazakazahanao hovitaina avokoa ireo lisitra rehetra momba ny vavaka. Mety ho tianao ny hizarazara ho vondrona kely ary asao ny vondrona tsirairay hivavaka ho an'ny ampahany amin'ny antom-bavaka.

Nampidirinay koa ny tahiry antsoina hoe: "Antom-bavaky ny Fiangonana Maneran-tany". Zava-dehibe ny miara-mivavaka ho an'ny fianakaviamben'ny fiangonantsika maneran-tany, nefa mety te hanokana fotoana fanampiny hivavahana ho an'ny zavatra ilaina eo an-toerana ianareo raha toa ny vondrona misy anareo ka ahitana mpitsidika avy amin'ny fiarahamonina manodidina. Mivavaha ho an'ny fomba handraisana tsara kokoa ny vahiny sy hahatonga azy ireo hahatsapa fa anisan'ny vondrona misy anareo izy.

**Soso-kevitra momba ny halavan'ny fotoam-bavaka tsirairay**

Ataovy tsotra ny fotoam-bavaka mba hahafahan'ny vondrona mifantoka tsara amin'ny fivavahana. Mety hiovaova ny halavam-potoana lany amin'ny fizarana tsirairay. Ity taridalana manaraka ity dia soso-kevitra fotsiny ihany:

**Fiarahabana sy fampidirana:** 2-5 minitra

**Famakiana ny teny hanaovana fampaherezana (**ao amin'ny taridalana momba ny vavaka isan'andro): 5 minitra

**Vavaka amin'ny alalan'ireo andinin-tSoratra Masina** (ao amin'ny taridalana momba ny vavaka isan'andro): 10-15 minitra

**Vavaka momba ny lohahevitra** ao amin'ny "soso-kevitra hafa momba ny vavaka" (ao amin'ny taridalana momba ny vavaka isan'andro): 20-30 minitra.

**Hira sy fiderana:** 5-10 minitra

**Vavaka ho an'ny hafa**

Entano ny olona tsirairay hivavaka tsy tapaka ho an'ny olona dimy ka hatramin'ny fito izay napetrak'Andriamanitra eo amin'ny fiainany. Mety ho havana izy ireo, namana, mpiara-miasa, mpifanolo-bodirindrina, na olom-pantatra tsotra izao. Ampirisiho izy ireo hangataka ny fitarihan'ny Fanahy Masina amin'ny fisafidianana ireo anarana sy amin'ny fanatonana ireo olona ireo mandritra ny folo andro. Mety ho tianao ny hanome karatra na taratasy kely hitanana an-tsoratra ny anaran'ireo olona tiany hoentina amim-bavaka.

**Fotoam-pivavahana Sabata mandritra ny Folo Androm-bavaka**

Aoka hisy fifantohana amin'ny vavaka iray manokana ary fizarana fanandramana na fijoroana ho vavolombelona momba ny vavaka voavaly mandritra ny fotoam-pivavahana amin'ny Sabata anankiroa. Aoka mba hasiana zava-baovao – misy fomba maro ahafahana mizara amin'ny fianakaviamben'ny fiangonana izay zava-nitranga mandritra ny fihaonana isan'andro.

**Fankalazana ny Sabata farany**

Ny Sabata farany dia tokony hatao fotoam-pifaliana lehibe ny amin'ny zavatra rehetra nataon'Andriamanitra nandritra ny folo andro. Mampidira

fotoana hanaovana fijoroana ho vavolombelona momba ny vavaka voavaly, ny fampianarana / fitoriana ara-Baiboly ary ny hira. Tariho ny fiangonana amin'ny fotoam-bavaka mba hahafahan'ireo izay tsy afaka nanatrika ireo fivoriana isan'andro hanao fanandramana ny amin'ny fifaliana amin'ny fiaraha-mivavaka amin'ny hafa. Jereo azafady ny fizarana momba ny Fankalazana ny Sabata hahitana hevitra misimisy kokoa.

**Fanaraha-maso ny tohin'ny Folo Androm-bavaka**

Mivavaha ny amin'ny fomba tian'Andriamanitra hanohizan'ny fiangonana / vondrona misy anareo ny zavatra natombony nandritra ny Folo Androm-bavaka. Angamba hanohy amin'ny fiaraha-mivavaka isan-kerinandro ianareo. Na angamba tian'Andriamanitra hanangana asa fanompoana vaovao ao amin'ny fiangonanareo ianareo na asa fitoriana eo amin'ny fiarahamonina. Aoka hisokatra hanaraka izay itarihan'Andriamanitra anareo ianareo. Azo antoka fa ho gaga ianareo rehefa miara-mandeha Aminy. Ilay tahirin-kevitra antsoina hoe Fanamby ho an'ny Asa Fitoriana dia ahitana hevitra maro momba ny asa fanompoana.

**Fijoroana ho vavolombelona**

Aoka mba hozaraina ny fomba fiasan'Andriamanitra nandritra ny Folo Androm-bavaka! Hampahery ny hafa ny fitantaranao izany. Ireo fijoroana ho vavolombelona dia azo alefa ao amin'ny aterineto ao amin'ny www.tendaysofprayer.org.

## Ireo teboka maneho ny fiombonam-bavaka

**Mifanaiky (mifanaraka)**

Rehefa misy manonona antom-bavaka iray amin'Andriamanitra dia aoka ho azo antoka fa misy olona hafa koa manao io fangatahana io ary mifanaiky (mifanaraka) ny amin'izany – tena manan-kery izany! Aza mihevitra fa satria nisy olona iray nanonona ilay antom-bavaka dia tsy mila olon-kafa hanonona izany intsony. *"Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky etý ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany."* – Mat. 18:19. Tena mampahery tokoa izany misandratra amin'ny vavaka izany!

**Mitaky ny teny fikasan'Andriamanitra**

Entano ny vondrona mba hitaky ny teny fikasan'andriamanitra rehefa mivavaka. Mora ny mifantoka amin'ny olana mahazo antsika; fa rehefa mitaky ny teny fikasan'Andriamanitra isika dia mampitombo ny finoantsika ary mampahatsiahy ny tenantsika fa tsy misy zavatra tsy hain'Andriamanitra atao. Ny teny fikasana dia manampy antsika hanaisotra ny fijerintsika eo

amin'ny fahalementsika sy ny zava-tsarotra fa hametraka izany eo amin'i Jesôsy. Ho an'ny fahalemena tsirairay sy ny ady sarotra tsirairay dia afaka mahita teny fikasana ao amin'ny Baiboly hotakina isika. Ampirisiho ny olona hitady teny fikasana bebe kokoa ary handray an-tsoratra azy ireny mba hahazoany mitaky izany amin'ny hoavy.

**Fifadian-kanina**

Asao ireo izay miaraka aminareo amin'ny Folo androm-bavaka mba hihevitra karazana fifadiana, toy ny fifadiana fahitalavitra, hiran'izao tontolo izao, horonan-tsarimihetsika, aterineto, vatomamy, na karazan-tsakoafo saro-devonina. Manokàna fotoana fanampiny mba hivavahana sy hianarana ny tenin'Andriamanitra, mangataka an'Andriamanitra mba hanampy anao sy ny fiangonanao mba hitoetra bebe kokoa amin'ny fahafenoany ao amin'i Kristy. Amin'ny fihinana sakafo tsotra dia mamela ny saintsika ho mora mandre ny feon'ny Fanahy Masina isika.

**Ny Fanahy Masina**

Aoka ho azo antoka fa mangataka amin'ny Fanahy Masina ianareo mba hanehoany izay zavatra hangatahina ho an'ny fiainan'ny olona iray na ny toe-javatra iray manokana andalovany. Milaza amintsika ny Baiboly fa tsy fantatsika akory izay angatahintsika fa ny Fanahy Masina no mifona ho antsika (Rôm. 8:26,27).

"*Tsy hoe tsy maintsy mivavaka fotsiny amin'ny anaran'i Kristy isika, fa amin'ny fibitsihan'ny Fanahy Masina koa. Izany dia manazava ny dikan'izay voalaza hoe: 'Ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina'- Rôm. 8:26. Mahafaly an'Andriamanitra ny mamaly fivavahana toy izany. Rehefa manonona vavaka amin'ny anaran'i Kristy amin-kafanam-po sy amin-kery isika, dia ao amin'io hery io indrindra no misy antoka avy amin'Andriamanitra fa hamaly ny fivavahantsika Izy, 'mihoatra lavitra noho izay angatahintsika na heverintsika'* - Efes. 3:20." – HF, t. 120.

**Fanaovana diarim-bavaka**

Ny fanaovana diarim-bavaka mandritra ny Folo Androm-bavaka dia afaka hanampy ny mpandray anjara hitahiry ny lohahevitry ny vavaka isan'andro, hanao fanoloran-tena feno ho an'Andriamanitra, ary hamantatra sy hanaiky ireo fitahiany. Ny fanoratana ny vavaka ataontsika sy ny fitanana an-tsoratra ny valim-bavaka avy amin'Andriamanitra dia lalana azo antoka ho amin'ny faherezana.

Raha sitrakareo, dia afaka manome fotoana mandritra ny fivoriam-bavaka ianareo mba hanoratan'ny olona izay valiny hasetriny an'Andriamanitra ao amin'ny diarim-bavaka manokana. Na azonareo atao koa ny manao diary ho

an'ny vondrona (na tarika) ho an'ny antom-bavaka sy ny valiny – ao anaty karine, amin'ny taratasy lehibe apetaka amin'ny rindrina, na amin'ny mailaka. Mampientanentana sy manamafy orina ny finoana ny manao jery todika ireo fomba namalian'Andriamanitra ny fivavahantsika!

**Fiankohofana**

Mampirisiha sy manomeza ohatry ny fomba fiankohofana. Manatona ny efitra misy ny seza fiandrianan'ny Mpanjakan'izao rehetra izao isika. Aoka tsy hohamaivanina amin'ny alalan'ny fihetsika na fomba amam-panao izany. Kanefa tsy dia ilaina ny handohalehana foana. Tianareo mba hahazo aina ny olona mandritra ny ora iray, koa entano ny tsirairay handohalika, na hipetraka na hitsangana araka ny fitarihan'ny Tompo azy sy izay mahametimety azy.

**Fehezanteny ampiasaina amin'ny vavaka**

Aoka ho fohy sady mivantana ny vavaka. Izany dia manome fotoana ny hafa mba hivavaka ihany koa. Ezaho ferana ho fehezan-teny vitsivitsy ny vavaka ataonareo. Afaka miverina imbetsaka manonona vavaka ny tsirairay. Ny fehezanteny fohy dia mahatonga ny fotoam-bavaka hahaliana, koa avelao ny Fanahy Masina hitarika ny vondrona ny amin'ny fomba hivavahan'izy ireo. Tsy voatery hatomboka na faranana amin'ny alalan'ny teny hoe "Andriamanitra tsara indrindra" sy ny "Amena" ny vavaka fohy tsirairay. Resaka mitohy atao amin'Andriamanitra izany.

**Fahanginana**

Amin'ny maha-mpitarika anao dia aoka tsy hiezaka hanjakazaka eo amin'ny fitantanana ny fotoam-bavaka. Ny zavatra kendrena dia ny mba hahatonga ny rehetra handray anjara amin'ny vavaka. Mahafinaritra ny fahanginana satria manome an'Andriamanitra fotoana hitenenana amin'ny fo. Avelao ny Fanahy Masina hiasa ary hanome ho an'ny tsirairay fotoana hivavahana.

**Hira**

Ny hira miainga avy hatrany ataon'ny vondrona, eny anelanelan'ny vavaka, dia mandravaka sy manampy fahatsarana ny fivoriam-bavaka. Azon'izy ireo atao ny mifidy hira mifanaraka amin'ny lohahevitra dinihina. Ny hira dia fomba tsara anankiray koa hifindrana ho amin'ny fizarana hafa amin'ny fotoam-bavaka.

**Fandraisana ireo antom-bavaka**

Tsy anontaniana ao amin'ny vondrona ny antom-bavaka. Fa ilazao kosa ny olona hanao ny vavaka fangatahany avy hatrany ary ampirisiho ny hafa hiombona amin'izany. Ny antony dia noho ny fotoana! Ny firesahana momba ireny antom-bavaka ireny dia mandany ny ankamaroan'ny fotoam-bavaka. Mibitaka ery i Satana raha afaka mihazona antsika hiresaka momba ny olana

fa tsy hivavaka ho an'ny olana. Misy vondrona mambra afaka manoro hevitra sy manoso-kevitra hanome vahaolana. Ny hery dia avy amin'Andriamanitra! Arakaraka ny ivavahantsika no anomezana antsika ny heriny.

**Ny fotoanao isan'andro**

Tena zava-dehibe tokoa izao! Aoka ho azo antoka fa amin'ny mahampitarika anao dia mandany fotoana manokana isan'andro eo an-tongotr'i Jesôsy ianao, miresaka Aminy sy mamaky ny teniny. Raha ataonao ho laharam-pahamehana ho anao ny fahalalana an'Andriamanitra dia hanokatra fanandramana mahafinaritra ho anao izany. *"Avy tao amin'ny toerampivavahana mangina no nihavian'ny hery izay nanozongozona izao tontolo izao tamin'ny andron'ny Reformasiona Lehibe. Tamin'ireny toerana ireny, tamin'ny fahatoniana masina, no nametrahan'ny mpanompon'i Jehovah ny tongony tambonin'ny vatolampin'ny teny fikasany."* - HM, t. 214. Rehefa mivavaka ny mpitarika dia miasa ao amin'ny fon'ny olona Andriamanitra!

**FAMPIDIRANA**

Tonga soa eto amin'ny Folo Androm-bavaka 2025! Mino isika fa ny vavaka no fototra nahaterahan'ny fifohazana. Andriamanitra dia naneho fahagagana be dia be nandritra ireo taona maro lasa raha niara-nitady Azy tamin'ny vavaka sy ny fifadian-kanina isika. Ny Fanahy Masina dia nitondra fiovampo, firehetana vaovao ho amin'ny fitoriana ny filazantsara, ny fifohazan'ny fiangonana ary ny fahasitranan'ny fifandraisana. Indreto misy fijoroana ho vavolombelona vitsivitsy avy tamin'ny taon-dasa:

*"Nandritra ireo 10 androm-bavaka tamin'ity taona ity, dia nanao fahagagana maro be tokoa Andriamanitra Tsitoha ... Teo amin'ny faritra akaikin'ny iray amin'ireo fiangonanay, dia efa ho roa taona no tsy nanana herinaratra ny mponina tao ... Koa nandritra ny 10 androm-bavaka àry dia nentanin-kafanam-po ny pasitora nangataka ny fiangonana mba hivavaka isa-maraina hiverenan'ny herinaratra ho an'izany faritra izany. Ho an'Andriamanitra ny voninahitra fa nivaly tokoa ny vavaka." (P.C.O.)*

*"[Nandritra ireo 10 androm-bavaka], dia nisy ny fihavaozan'ny fanolorantena, ny fahazotoana, ny hafanam-po ary ny fahatokiana teo amin'ny mpiara-mivavaka. Ho ahy manokana, dia tsapako fa nitondra tanjaka lehibe tokoa izany, indrindra moa fa nandritra ny fotoam-pamaranana tamin'ny alim-bavaka, izay hita fa nitondra vokatra be tokoa! Ilaina hatany ny fisian'ny fotoana mahatalanjona toy izao mba hitondra antsika bebe kokoa ho eo antongotr'i Jesôsy." (E.A.)*

*"Izaho dia olona tsy mba matotra loatra teo amin'ny fahazotoako mamaky ny Soratra Masina sy ny fanokanana fotoana hivavahana. Taorian'ny 10*

*androm-bavaka anefa dia niova be tokoa ny foto-pisainako mikasika ny vavaka. Nanomboka nanokana fotoana misimisy kokoa aho hivavahana, hiderana an'Andriamanitra, hivavahana ho an'ny hafa ary handinihina ny Soratra Masina. Nanana tosi-drà ambony aho teo aloha, saingy efa nihena izany ankehitriny. Ho an'Ilay Tsitoha irery anie ny saotra." (H.R.)*

*Nandritra ny 10 andro-bavaka, dia nivavaka ho an'ny anabavy/rahavavy iray ny rehetra satria hiatrika dinidinika momba ny asa iray tiany ho azo izy. Azony tokoa ilay asa, asa izay mila olona tena mahafehy azy tanteraka, kanefa dia izy no nomena azy. Talanjona izahay ny amin'ny zavatra nataon'Andriamanitra, taorian'ny taona maro nitolomana sy niandrasana. Impiry isika izay no nivavaka? Tsy voaisantsika. Tiako ny hampirisika antsika rehetra mba hivavaka tsy tapaka satria tsy ho zava-poana izany raha mino isika. (L.B.)*

Efa niantso anao ho amin'ny fifohazana ve ny feon'Andriamanitra? Ny Baiboly dia feno teny fikasana ho anao:

"*Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny*."- 2 Tant. 7:14.

"*Ary hitady Ahy hianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin'ny fonareo rehetra.*" - Jer. 29:13.

"*Fa izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo no hovonjena*" - Joe. 3:5.

"*Manatòna an'Andriamanitra, dia hanatona anareo Izy*" - Jak. 4:8.

"*Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondona; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy Amiko*" - Apôk. 3:20.

Na aiza na aiza misy anao ankehitriny, dia akaiky kokoa anao noho ny fiheveranao azy Andriamanitra. Te handrotsaka ny fitahiany amin'ny fianakavianao, ny fiangonanao, ny fiarahamonina ary ny tontolo misy anao Izy!

**NY LOHAHEVITRY NY VAVAKA HATAONTSIKA: FA HIANAO KOSA, RAHA MIVAVAKA (...)**

Ny Dr. Pavel Goia, tonin-dahatsoratry ny gazetiboky *Ministry* no nanomana ny taridalantsika ho an'ity taona ity. Nampiasa ireo tantara avy tamin'ny asa fanompoana efa nataony izy mba handinihina ny Vavaka nampianarin'ny Tompo sy ireo fampianarana hafa nomen'i Jesôsy. Araho àry ny fanomezany hevitra ara-panahy lalindalina kokoa an'ireo andalan-teny efa mahazatra ny mpamaky. Midika inona ny hoe "manamasina" ny anaran'Andriamanitra? Toy ny ahoana ny fanjakan'Andriamanitra ety an-tany? Amin'ny fomba ahoana

no hiovan'ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra rehefa mamela ny heloky ny hafa isika? Moa ve Andriamanitra mitondra ny olona ho amin'ny fakampanahy?

Na efa fotoana ela izay no nivavahanao na tao anatin'ny andro vitsivitsy, ireto vakiteny feno tantara ireto kosa dia hamoha ny filanao sy ny fanirianao hihaona amin'i Jesôsy isan'andro eo am-pandohalehana. Vakio amimpieritreretana lalina ny Baibolinao ary aza atao lavitra anao. Ary raha azo atao, dia mitadiava vondrona mpino mba hiara-mivavaka aminao mandritra ny 10 andro. Rehefa misy olona roa na telo mivory amin'ny anaran'i Jesôsy, dia misy fahagagana miseho!

**Soso-kevitra momba ny fotoam-bavaka**

- Ataovy fohy ny vavakao – fehezanteny iray na roa fotsiny ho an'ny lohahevitra iray. Dia avelao ny hafa handray anjara. Afaka miverina mivavaka imbetsaka araka izay tianao ianao, toy ny miresaka amin'ny resadresaka ifanaovana.
- Aza matahotra ny fahanginana, satria manome fotoana ho an'ny tsirairay hihainoana ny Fanahy Masina izany.
- Fitahiana lehibe koa ny fiarahana mihira araka ny fitarihan'ny Fanahy. Tsy mila zava-maneno amin'izany; tsara ny anaovana azy amin'izao fotsiny.
- Aza mandany ny ora sarobidin'ny fotoam-bavaka amin'ny firesahanao momba ireo antom-bavakao, fa tonony amim-bavaka fotsiny izany. Rehefa izany dia afaka mivavaka koa ho an'ny antom-bavakao ny hafa ary mitaky ny teny fikasana ho anao.

**Mitaky ny teny fikasana**

Tombontsoa ho antsika ny mitaky ny teny fikasan'Andriamanitra amin'ny vavaka ataontsika. Ny baikony sy ny toroheviny rehetra dia teny fikasana koa. Tsy hitaky na inona na inona amintsika izay tsy azontsika atao amin'ny alalan'ny heriny mihitsy Izy.

Mora tokoa ny mifantoka amin'ny zavatra ilaintsika, ny olana mahazo antsika, ny fihaikana atrehintsika - ary ny mitomany sy misento noho ny toe-javatra misy antsika rehefa mivavaka isika. Tsy izany anefa no tanjon'ny vavaka. Ny vavaka dia natao hanamafisana ny finoantsika. Izany no mahatonga anay hampirisika anao hitaky ny teny fikasan'Andriamanitra amin'ny fotoana ivavahanao. Esory ny masonao tsy hifantoka amin'ny tenanao sy ny fahalemenao fa mijere an'i Jesôsy. Rehefa mibanjina Azy isika dia ovana hitovy endrika Aminy.

Manao izao fampaherezana izao i Ellen White: “Ny teny fikasana rehetra ao amin’ny tenin’Andriamanitra dia natao ho antsika. Ao amin’ny vavaka ataonao, dia tonony ilay tenin’i Jehôvah izay nampanantenainy ary takio amim-pinoana ny teny fikasany. Ny teny nambarany no antoka fa raha mangataka amim-pinoana ianao dia handray ny fitahiana ara-panahy rehetra. Tohizo hatrany ny fangatahana dia hahazo be dia be mihoatra noho izay angatahinao na eritreretinao ianao”- In Heavenly Places, t. 71.

Amin’ny fomba ahoana no ahazoanao mitaky ny teny fikasany? Ohatra, rehefa mangataka fiadanana dia azonao atao ny mitaky ny Jao. 14:27 ka manao hoe: “Tompo ô! Nilaza taminay Ianao ao amin’ny teninao manao hoe: *‘Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen’izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo’*. Koa omeo izany fiadanana nampanantenainao havela ho anay izany aho”. Misaora ny Tompo fa manome anao fiadanana Izy, na dia mbola tsy tsapanao avy hatrany aza izany.

**Fifadian-kanina**

Mampirisika anao izahay hanao ny fifadian-kanin’i Daniela mandritra ireo folo andro ireo. Ny fanombohana ny taona amin’ny alalan’ny vavaka sy ny fifadian-kanina dia fomba mahagaga hanokanana ny fiainantsika ho an’Andriamanitra amin’ity taona mitsidika ity. Izao no nambaran’i Ellen White: “Ankehitriny sy amin’ny fotoana manaraka mandra-pahatapitra ny fotoana, ny vahoakan’Andriamanitra dia tokony ho hentitra kokoa, hifoha kokoa, tsy miankina amin’ny fahendren’ny tenany fa amin’ny fahendren’ny Tompontsika. Tokony hanokana fotoana hifadiana hanina sy hivavahana izy ireo. Tsy voatery hifady sakafo tanteraka izy ireo, fa tokony hihinana kely kosa amin’ny sakafo faran’izay tsotra indrindra”- Counsels on Diet and Foods, tt. 188, 189.

Fantatsika ny momba an’i Daniela, izay nihinana voankazo sy legioma nandritra ny folo andro. Mampirisika anao koa izahay mba hanaraka fomba fisakafo tena tsotra mandritra ireo folo andro ireo. Raha te hanana saina mazava kokoa amin’ny fihainoana ny feon’Andriamanitra isika, ary raha te hanakaiky Azy kokoa, dia ilaintsika ho azo antoka fa tsy hanelingelina na hanakana antsika amin’izany ny sakafo hanintsika.

Ny fifadian-kanina dia tsy resaka tsy fihinanana sakafo fotsiny. Mampirisika anareo koa izahay mba hifady fahitalavitra, sarimihetsika, kilalao samihafa, eny fa na dia ny Facebook sy ny YouTube aza. Indraindray ny zavatra izay tsy dia hoe ratsy amin’ny maha-izy azy dia mandany fotoana betsaka. Aoka hajanona izay zavatra rehetra azo ajanona mba hahazoantsika manokana fotoana bebe kokoa ho an’Andriamanitra.

Ny fifadian-kanina dia tsy fomba haingana hahazoana fahagagana avy amin'Andriamanitra tsy akory. Ny fifadian-kanina dia fanetrena ny tenantsika mba hahazoan'Andriamanitra miasa ao amintsika sy amin'ny alalantsika. Andeha hanatona Azy bebe kokoa amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fifadian-kanina dia hanatona antsika Izy.

**Ny Fanahy Masina**

Aoka ho azo antoka fa manao vavaka fangatahana ny Fanahy Masina ianareo mba hanehoany izay zavatra hangatahina ho an'ny fiainan'ny olona iray na ny toe-javatra iray manokana andalovany. Milaza amintsika ny Baiboly fa tsy fantatsika akory izay angatahintsika fa ny Fanahy Masina no mifona ho antsika.

"*Tsy hoe tsy maintsy mivavaka fotsiny amin'ny anaran'i Kristy isika, fa amin'ny fibitsihan'ny Fanahy Masina koa. Izany dia manazava ny dikan'izay voalaza hoe: 'Ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina'- Rôm. 8:26. Mahafaly an'Andriamanitra ny mamaly fivavahana toy izany. Rehefa manonona vavaka amin'ny anaran'i Kristy amin-kafanam-po sy amin-kery isika dia ao amin'io hery io indrindra no misy antoka avy amin'Andriamanitra fa hamaly ny fivavahantsika Izy, 'mihoatra lavitra noho izay angatahintsika na heverintsika.' - Efes. 3:20* – HF, t. 120.

**Finoana**

Hitantsika ao amin'ny Fanahin'ny Faminaniana fa "*ny fivavahana sy ny finoana dia hanome hery hahavita ho an'izay malemy sy tsy manan-kery*" - TMF, t. 431. Lazaina amintsika koa fa "*Azontsika angatahina (…) na inona na inona fanomezana efa nampanantenainy; avy eo dia tokony hino isika fa efa mandray ka manolotra fisaorana an'Andriamanitra satria efa nahazo*."- FK, t. 293. Koa aoka hatao fahazarana ny misaotra an'Andriamanitra mialoha amin'ny alalan'ny finoana ny amin'izay hataony sy ny fomba hamaliany ny fivavahantsika.

**Mivavaha ho an'ny hafa**

Mandritra ireo folo andro ireo dia mampirisika anao izahay mba hivavaka tsy tapaka ho an'ny olona napetrak'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao. Mifidiana olona dimy hatramin'ny fito – mety ho havana izy ireo, namana, mpiara-miasa na mpiara-mianatra, mpifanolo-bodirindrina na olom-pantatra tsotra fotsiny. Manokàna fotoana hanontaniana an'Andriamanitra ny amin'ny olona tiany hoentinao am-bavaka. Mangataha Aminy mba hitondranao enta-mavesatra tokoa ho an'ireo olona ireo. Soraty amin'ny taratasy kely ny anaran'izy ireo ary tehirizo amin'ny toerana manokana, toy ny hoe ao anaty Baiboly. Ho gaga ianao ny amin'ny fomba fiasan'Andriamanitra hamaliana ny vavakao!

**Fanamby ho an'ny Asa fitoriana mandritra ny Folo Androm-bavaka**

I Jesôsy dia tsy miantso antsika mba hivavaka fotsiny fa hanompo ihany koa eo amin'izay ilain'ny olona manodidina antsika. "*Fa noana Aho dia nomenareo hanina; nangetaheta Aho dia nampisotroinareo; nivahiny Aho dia nampiantranoinareo; tsy nanan-kitafy Aho dia notafianareo; narary Aho dia notsaboinareo; tao an-tranomaizina Aho dia novangianareo*" – Mat. 25:35,36.

Toy izao no hitantsika ao amin'ny boky Tanamasoandron'ny Fahasalamana: "*Tsy maintsy mivelona amin'ny fiainana roa sosona isika: dia ny fiainampisainana sy ny fiainan'ny asa, fiainan'ny fivavahana mangina sy fiainan'ny asa mafana*" - t. 433. Nandray fitiavana be dia be tamin'ny Mpamonjintsika isika, ary manana tombontsoa hizara izany fitiavana izany amin'ny namantsika, ny mpifanolo-bodirindrina amintsika, na ny vahiny mila fanampiana.

Angataho Andriamanitra hampahafantatra ny fomba hahazoanao sy ny fiangonanao manao asa fanompoana aorian'ny Folo Androm-bavaka. Rehefa miasa mandamina ny asa fanompoana ianao dia aoka tsy hampivilivily ny fisainana tsy hanatanterahana vavaka ny fanaovana izany fandaminana izany. "*Ny ezaka ataon'ny tena ho an'ny hafa dia tsy maintsy ialohavan'ny fivavahana mangina betsaka; fa mitaky fahendrena betsaka ny fahalalana ny siansan'ny famonjena fanahy. Alohan'ny ifandraisanao amin'ny hafa, miraisa amin'i Kristy. Eo amin'ny seza fiandrianan'ny fahasoavana any andanitra no aoka handraisanao ny fanomanana ho amin'ny fanompoana ny olona*."- Vk, t. 218.

Ao amin'ny tahirin-kevitra amin'ny internety momba ny Folo Androm-bavaka dia ahitana hevitra maro momba ny asa fitoriana. Manasa anao i Jesôsy mba ho tanany sy tongony handeha ho any amin'izao tontolo izao hiasa ho an'izay mila fanampiana!

**Momba ny mpanoratra**

I Pavel Goia, izay manana ny mari-pahaizana Dmin (Doctorat en Ministère) dia mpitandrina voahosotra, mpandaha-teny ary tonian-dahatsoratra. Tao Roumanie tanindrazany izy no nanomboka ny lalany ho amin'ny asa fanompoana. Nifindra monina tany Etazonia izy sy i Daniela vadiny ary ireo zanany roalahy mba hahafahan'i Pavel manohy ny fianarany. Nahatsiaro ho sambatra tokoa izy teo amin'ny asa nataony amin'ny maha-pasitoran'ny fiangonana maro azy tao Roumanie sy Etazonia, ary koa rehefa nitety izao tontolo izao mba hiresaka momba ny vavaka sy lohahevitra hafa koa. Votoatindresaka ao amin'ny boky iray mitondra ny lohateny hoe: *One Miracle After Another: The Pavel Goia Story* (Fahagagana misesisesy: Tantaran'i Pavel Goia) ny momba azy, ary ny tenany koa dia mpanoratra ampahan-dahatsoratra

maro ao anatin'ny boky iray mitondra ny lohateny hoe: *In the Spirit and Power* (Ao amin'ny Fanahy sy ny Hery). Amin'izao fotoana izao i Pavel dia sekretera mpanampy any amin'ny Foibe maneran-tany sady tonian-dahatsoratry ny *Ministry,* gazetiboky iraisam-pirenena ho an'ny Pasitora. Tiany ny manokana fotoana betsaka araka izay azony atao miaraka amin'i Daniela, vady malalany sy ireo zanany roalahy, miaraka amin'ireo zafikeliny efatra ary ny alikany izay tena naman'izy ireo.

**ALIM-BAVAKA**

Hevero ny hanaovana fiaraha-mivavaka mandritra ny alina ho toy ny ampahany amin'ny Folo Androm-bavaka. Ohatra, afaka manomboka amin'ny 6 ora hariva ianao ary mamarana amin'ny 6 ora maraina. Mifidiana fandaharam-potoana izay mety amin'ny vondrona misy anao.

**Nahoana no nasiana ny alim-bavaka?**

Tsy misy maha-"masina" manokana ny miari-tory sy mivavaka mandritra ny alina. Na izany aza, ny alina no mety ho hany fotoana tsy maha-sahirana na mampirotoroto ny olona. Mino izahay fa ny tanjonao dia tsy ny hiari-tory fotsiny mandritra ny alina tontolo tsy akory fa ny hivavaka maharitra araka izay ilaina ary mandra-pahavitan'ny fitondranao amim-bavaka izay rehetra tsapanao fa tian'Andriamanitra entinao amim-bavaka.

Manoso-kevitra izahay mba ho olona maromaro no mitarika mandritra ny alina. Aoka ho azo antoka fa misy fialana sasatra kely. Amin'ny maha-mpitarika anao dia azonao fantarina ny rivo-piainana ary tsapanao raha ilaina ny fiatoana kely sy rehefa mila miroso amin'ny fizaram-bavaka manaraka. Azonao atao koa ny mampiditra famakiana andalan-tSoratra Masina ao anatin'ny fotoam-bavaka. Azonao atao ny mitondra ireo lohahevitra rehetra araka ny soso-kevitra omena na ny sasany amin'izy ireo ihany, miankina amin'izay mety indrindra amin'ny vondrona misy anao. Aza misalasala manova ny filaharany.

**Ny mety ho endriky ny alim-bavaka**

**Manomboha amin'ny fotoam-piderana**. Miderà an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka ary koa amin'ny hira.

**Manokàna fotoana ho an'ny fiaiken-keloka**, mba ho azo antoka fa tsy misy zavatra manakana an'Andriamanitra tsy hihaino anao. Omeo fotoana ny olona hanaovana fiaiken-keloka manokana ary aoka hisy fotoana hanaovana fiaiken-keloka iombonana. Ampirisiho ny olona hiaiky mangina ireo helony manokana ary hiaiky ampahibemaso kosa ireo heloka fanta-bahoaka ihany. Ao amin'ny Dan. 9:1-19 dia hitantsika ny momba an'i Daniela izay nanelanelana sy niaiky ampahibemaso ny fahotan'ny olon'Andriamanitra.

**Mivavaha ho an'izay ilain'ireo olona ao amin'ny fivoriam-bavaka**. Maro ny olona maratra am-po na mila vavaka, na mahafantatra olon-kafa izay tena mila vavaka tokoa. Manaova faribolana, asio seza eo afovoany ary iangavio ireo izay manana antom-bavaka manokana hanatona tsirairay ary hilaza ny fangatahan'izy ireo. Rehefa izany dia hodidino ilay olona ary miangavia olona roa na telo hivavaka ho an'izay ilain'io olona io manokana sy hitaky ny teny fikasan'Andriamanitra.

**Zarao ho antoko roa ny vondrona**. Aoka ny vehivavy hivavaka ao amin'ny efitrano iray (miaraka amin'ny vehivavy mpitarika iray) ary ny lehilahy ao amin'ny efitrano hafa (miaraka amin'ny lehilahy mpitarika iray). Maro ireo antom-bavaka manokana izay tsy azo zaraina ary tsy tokony hozaraina amin'ny rehetra. Mora kokoa ny mizara izany amin'ireo mitovy fananahana aminao.

Rehefa miverina miaraka indray, dia **mivavaha ho an'izay ilain'ny fiarahamonina sy ny fiangonana misy anareo**. Manokàna fotoana ihany koa ho an'ny **antom-bavaky ny fiangonana maneran-tany** (voatanisa amin'ny pejy manokana ao amin'ny tahiry momba ny Folo Androm-bavaka). Aza mahatsiaro ho voatery hihazakazaka hanao ny lisitra manontolo. Azonareo atao ny mizara ho vondrona kely maromaro ka ny vondrona tsirairay dia hivavaka ho an'ny ampahany amin'ilay lisitra.

**Mivavaha ho an'ireo olona dimy ka hatramin'ny fito** izay efa nentinao am-bavaka nandritra izay folo andro izay.

**Mifidiana andalan-tSoratra Masina iray ary ento amim-bavaka izany**.

**Farano ny fotoam-bavaka amin'ny fiderana sy fisaorana.**

## FANAMBY HO AN'NY ASA FITORIANA MANDRITRA NY FOLO ANDROM-BAVAKA

Tsy miantso antsika mba hivavaka fotsiny i Jesôsy fa hanompo koa eo amin'izay ilain'ny olona manodidina antsika ara-panahy sy ara-nofo. "*Fa noana Aho dia nomenareo hanina; nangetaheta Aho dia nampisotroinareo; nivahiny Aho dia nampiantranoinareo; tsy nanan-kitafy Aho dia notafianareo; narary Aho dia notsaboinareo; tao an-tranomaizina Aho dia novangianareo*" – Mat. 25:35, 36.

Toy izao no vakintsika ao amin'ny boky Tanamasoandron'ny Fahasalamana: "*Tsy maintsy mivelona amin'ny fiainana roa sosona isika: dia ny fiainam-pisainana sy ny fiainan'ny asa, fiainan'ny fivavahana mangina sy fiainan'ny asa mafana*" - t. 433. Nandray fitiavana be dia be tamin'ny Mpamonjintsika isika, ary manana tombon-tsoa hizara izany fitiavana izany amin'ny namantsika, ny mpifanolo-bodirindrina amintsika, na ny vahiny mila fanampiana.

Angataho Andriamanitra hampahafantatra ny fomba hahazoanao sy ny fiangonanao manao asa fanompoana aorian'ny Folo Androm-bavaka. Rehefa miasa mandamina izay hanaovana ny asa fanompoana ianao dia aoka tsy hampivily ny sainao tsy hifantoka amin'ny vavaka ny fanaovana izany fandaminana izany. *"Ny ezaka ataon'ny tena ho an'ny hafa dia tsy maintsy ialohavan'ny fivavahana mangina betsaka; fa mitaky fahendrena betsaka ny fahalalana ny siansan'ny famonjena fanahy. Alohan'ny ifandraisanao amin'ny hafa, miraisa amin'i Kristy. Eo amin'ny seza fiandrianan'ny fahasoavana any an-danitra no aoka handraisanao ny fanomanana ho amin'ny fanompoana ny olona."* - Vk, t. 218.

Ireto misy fomba vitsivitsy azo anampiana ny hafa. Safidio izay mifanaraka amin'ny ilain'ny fiarahamonina misy anao ary aza misalasala manampy ny hevitrao manokana.

- Mahandroa sakafo ho an'ny olona iray marary.
- Manasà mpifanolo-bodirindrina iray (izay afaka miara-miasa aminao) ho amin'ny fivoriana ara-tsôsialy.
- Manomeza sakafo ho an'ny olona iray tsy manan-kialofana.
- Manomeza fitafiana, dia izay irinao homena anao koa.
- "Mikarakarà" olona antitra iray. Tsidiho matetika ilay olona ary ampio izy amin'ny raharaha ao an-tranony, ny fiantsenana, ny fahandroana ny sakafony na ny fikarakarana ny zaridainany.
- Manaova mofo ary zarao amin'ny mpifanolo-bodirindrina aminao izany.
- Manampia amin'ny famolavolana ny tetikasan'ny fiarahamonina.
- Manolora tena hiandry marary na olona manana fahasembanana mba hahafahan'ny mpikarakara azy manao raharaha hafa.
- Mandraisa anjara amin'ny tetikasa atao eo amin'ny manodidina.
- Ampahafantaro amin'ny mpifanolo-bodirindrina aminao vaovao ny tenanao, ka mitondrà sakafo ho azy ireo. Ataovy izay hahatsapan'izy ireo fa raisina tsara eo amin'ny fiarahamonina izy.
- Mividiana sakafo ary atero ho an'ny fianakaviana sahirana iray izany.
- Omeo olon-kafa ny solomaso izay tsy ampiasainao intsony.
- Manaova fanasana ho amin'ny fianarana Baiboly.
- Mitsidiha olona any amin'ny trano fitaizana beantitra.
- Manomeza "volan-tsakafo" ho an'ny mpianatra anankiray.
- Manangòna fitafiana ho an'ny sahirana. Azonao atao fanombohana ny manisy lalimoara ao am-piangonanao hanangonana fitafiana hozaraina amin'ny hafa.

- Omeo olona ny solosainanao tranainy na fitaovana elektrônika hafa.
- Omeo olona ny fiaranao tranainy tsy ampiasainao intsony.
- Manaova "Expo Santé".
- Mandefasa karatra misy teny fampaherezana ho an'ny olona tsy afaka mivoaka ny trano.
- Manaova drafitra ho fanatanterahana asa fitoriana amin'ny alalan'ny kaoferansa.
- Antsoy an-tariby ny mpifanolo-bodirindrina aminao ary anontanio hoe manao ahoana ny fahasalamany.
- Omeo boky izay heverinao fa ho tiany ny olona iray.
- Mizarà trakta "GLOW" (azo jerena ao amin'ny: http://www.glowonline.org/).
- Manasà olona mba hanaiky an'i Jesôsy.
- Manaova fampianarana momba fahandroan-tsakafo.
- Mizarà boky momba ny lohahevitra ara-Baiboly.
- Itondrao sakafo ny olona iray izay namoy havan-tiana.
- Mitsidiha olona any amin'ny hôpitaly mba hampaherezana na hanampiana azy araka izay azo atao.
- Mamakia teny ho an'ny olona efa antitra.
- Mitsidiha akany fitaizana ankizy madinika ary mitondrà fanampiana ho an'ny mpiasa ao.
- Manangàna tarika manao zaitra / bà / 'crochet', mba hanaovana akanjo hozaraina.
- Mamakia Baiboly ho an'ny olona tsy mahita na tsy mahay mamaky teny.
- Manaova fandaminana hisian'ny takariva ho an'ny tanora eo amin'ny toerana misy anao.
- Milatsaha an-tsitrapo hanao asa any amin'irony toeram-pialofana ho an'ny olona iharan'ny herisetra irony.
- Manomeza boky ho an'ny akany fitaizana ankizy madinika na toeram-pialofana.
- Ento hitsidika akany fitaizana beantitra ny ankizy ao amin'ny fiangonanao. Manaova fandaharam-potoana ho azy ireo.
- Asao ho tonga eo amin'ny toerana misy anao ny ankizy mila fanampiana manokana sy ny fianakaviany, ka manaova fandaharam-potoana hifalian'izy ireo.
- Manokàna andro hanaovana fanadiovana eo amin'ny fiarahamonina.

- Manangàna klioba mampandroso ny fiainana ara-pahasalamana ao amin'ny fiangonana misy anao, ary asao ny namana sy ny mpiara-monina.
- Manasà olona raha tiany ny hiara-hijery aminao DVD misy hafatra ara-panahy. Eo am-pijerenareo izany dia mivavaha mba hiteny ao am-pon'ilay olona ny Fanahy Masina.
- Volavolao ny tetikasanao manokana.

Raha mila fanazavana fanampiny ianao momba ny fijoroana ho vavolombelona dia tsidiho ny www.revivalandreformation.org/resources/witnessing.

## IREO TENY FIKASANA HOTAKINA AO AMIN'NY VAVAKA

### Teny fikasana hanomezana ny Fanahy Masina

*"Mangataha ranonorana amin'i Jehovah ianareo amin'ny andro fara-orana, dia amin'i Jehovah Izay nanao ny helatra; ranonorana mivatravatra no homeny azy, eny samy homeny ny zava-maitso any an-tsaha ireny."* - Zak. 10:1.

*"Koa raha hianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Rainareo Izay any an-danitra no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy!"* - Lio. 11:13.

*"Fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako, Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo (…) Ary raha tonga Izy, dia hampiaiky izao tontolo izao ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana."* – Jao. 14:26; 16:8.

"*Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria Izaho mankany amin'ny Ray. Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka. Raha mangataka zavatra Amiko amin'ny anarako hianareo dia hataoko izany.*" – Jao. 14:12-14.

"*Dia namaly izy ka nanao tamiko hoe: Izao no tenin'i Jehovah amin'i Zerobabela: 'Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko, hoy Jehovah Tompon'ny maro'.*" - Zak. 4:6.

### Teny fikasana fa hamaly vavaka Andriamanitra

"*Raha miray Amiko hianareo ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona fa ho tonga aminareo izany.*" – Jao. 15:7.

*"Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindram-po sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin'izay andro mahory."* - Heb. 4:16.

*"Koa lazaiko aminareo: Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray hianareo, dia ho azonareo izany."* – Mar. 11:24.

*"Antsoy aho amin'ny andro fahoriana; dia hamonjy anao Aho, ka hanome voninahitra Ahy hianao."* - Sal. 50:15.

*"Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany."* - Mat. 18:19.

*"Ary na inona na inona angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana dia ho azonareo."* - Mat. 21:22.

*"Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka. Raha mangataka zavatra amiko amin'ny anarako hianareo dia hataoko izany."* – Jao. 14:13,14.

*"Ary amin'izany andro izany dia tsy hanontany Ahy na inona na inona hianareo; lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa na inona na inona hangatahinareo amin'ny Ray dia homeny anareo amin'ny anarako izany. Mandraka ankehitriny dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin'ny anarako hianareo; mangataha dia hahazo hianareo, mba ho tanteraka ny fifalianareo."* – Jao. 16:23,24.

*"Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika dia mihaino antsika Izy. Ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona no angatahintsika, dia fantatsika fa azontsika izay angatahintsika Aminy."* - 1 Jao. 5:14,15.

**Teny fikasana ho fanehoana ny herin'Andriamanitra**

*"Fa misy zavatra mahagaga izay tsy hain'i Jehovah va? Amin'ny fotoan'andro raha avy ny taona toy izao dia hiverina aminao Aho, ary Saraha hanana zazalahy."* - Gen. 18:14.

*"Jehovah hiady ho anareo, fa hianareo kosa hangina."* - Eks. 14:14.

*"Fa Jesosy nijery azy ka nanao hoe: Raha amin'ny olona dia zavatra tsy hainy izany, fa tsy mba tahaka izany amin'Andriamanitra; fa ny zavatra rehetra dia hain'Andriamanitra."* – Mar. 10:27.

*"Mahatoky Izay miantso anareo sady Izy ihany no hanefa izany."* - 1 Tes. 5:24.

*"Fantatro fa hainao avokoa ny zavatra rehetra ary tsy azo ferana ny fisainanao."* - Jôba 42:2.

"*Inona àry no holazaintsika ny amin'izany zavatra izany? Raha Andriamanitra no momba antsika, iza no hahatohitra antsika? Izay tsy niaro ny Zanany lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika miaraka Aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra?"* - Rôm. 8:31,32.

*"Andriamanitra tsy mba olona ka handainga, na zanak'olombelona ka hanenina. Moa efa nilaza va Izy fa tsy hefainy? Na efa niteny va Izy, ka tsy hotoviny?"* - Nom. 23:19.

*"Tsy fantatrao va? Tsy efa renao va? Fa Andriamanitra mandrakizay Jehovah, Izay namorona ny faran'ny tany? Tsy mba mety ho reraka na sasatra Izy. Tsy takatry ny saina ny fahalalany. Mampahatanjaka ny reraka Izy ary izay kely hery dia omeny hery be. Na dia ny tanora fanahy aza dia ho reraka sy ho sasatra, ary na dia ny zatovo aza dia mety ho tafintohina mafy fa izay miandry an'i Jehovah dia mandroso hery kosa; elatra no hiakarany tahaka ny voromahery. Hihazakazaka izy nefa tsy ho sasatra, handeha izy nefa tsy ho reraka."* - Isa. 40:28-31.

**Teny fikasana ny amin'ny fitarihan'Andriamanitra**

"*Tsy efa nandidy anao va Aho? Koa mahereza sy matanjaha; aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao*." - Jos. 1:9.

"*Ary, indro, Izaho momba anao ka hiaro anao amin'izay làlan-kalehanao rehetra ary hampody anao indray ho amin'ity tany ity; fa tsy handao anao Aho mandra-panaoko izay voalazako taminao*." - Gen. 28:15.

*"Indro, Izaho maniraka Anjely eo alohanao hiaro anao any an-dàlana sy hitondra anao ho any amin'ny fitoerana izay namboariko."* - Eks. 23:20.

*"Kanefa any hianao no hitady an'i Jehovah Andriamanitrao, ka hahita Azy raha mitady Azy amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra."* - Deo. 4:29.

*"Antsoy aho, dia hovaliako hianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao."* - Jer. 33:3.

"*Aoka hasandratra ny lohasaha rehetra, aoka haetry ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra; aoka ny be havoana ho tonga lembalemba ary ny tany saro-dàlana ho tonga lemaka; dia hiseho ny voninahitr'i Jehovah ary ny nofo rehetra hiara-mahita izany; fa ny vavan'i Jehovah no efa niteny.*" – Isa. 40:4,5.

"*Hanome saina anao sy hampianatra anao izay làlan-kalehanao Aho; hitsinjo anao ny masoko ka hanolo-tsaina anao Aho.*" - Sal. 32:8.

*"Ary Jehovah no mandeha eo alohanao ary Izy ho hiaraka aminao: tsy handao anao na hahafoy anao Izy; koa aza matahotra na mivadi-po hianao."* - Deo. 31:8.

*"Iza no lehilahy matahotra an'i Jehovah? Izy no hampianariny izay làlana tokony hofidiny."* - Sal. 25:12.

*"Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao; maneke Azy amin'ny alehanao rehetra fa Izy handamina ny làlanao."* - Ohab. 3:5,6.

*"Ary afoinao ho an'ny noana izay hanina tianao, ka mahavoky ny ory hianao, dia hiposaka ao amin'ny maizina ny fahazavanao, ary ny haizimpitonao ho tahaka ny mitataovovonana. Ary Jehovah hitari-dalana anao mandrakariva, sady hahavoky ny fanahinao ao amin'ny tany karankaina aza sy hampahatanjaka ny taolanao; dia ho tahaka ny saha vonton-drano hianao sy ho tahaka ny loharano miboiboika izay tsy mety ritra."* - Isa. 58:10,11.

*"Raha tsy mbola miantso aza izy dia hamaly Aho, ary raha mbola miteny izy dia hihaino Aho."* - Isa. 65:24.

**Teny fikasana ny amin'ny fiovam-po**

*"Ary homeko fo hahalalany Ahy ho Jehovah izy, dia ho oloko izy ary Izaho kosa ho Andriamaniny; fa hiverina Amiko amin'ny fony rehetra izy."* - Jer. 24:7.

*"Dia ho foran'i Jehovah Andriamanitrao ny fonao sy ny fon'ny taranakao hitiavanao an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra, mba ho velona hianao."* - Deo. 30:6.

*"Ary homeko fo vaovao hianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ary hesoriko amin'ny nofonareo ny fo vato ka homeko fo vaovao hianareo."* - Ezek. 36:26.

*"Ary matoky indrindra aho fa Izay nanomboka asa tsara tao anatinareo no hahatanteraka izany mandra-pihavin'ny andron'i Jesosy Kristy."* - Fil. 1:6.

*"Koa raha misy olona ao amin'i Kristy dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo efa tonga vaovao ireo."* - 2 Kôr. 5:17.

*"Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra."* - Gal. 2:20.

*"Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika. Mahatoky Izay miantso anareo sady Izy ihany no hanefa izany."* - 1 Tes. 5:23,24.

**Teny fikasana ny amin'ny famelan-keloka**

"*Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka mivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hanasitrana ny taniny*." - 2 Tant. 7:14.

"*Fa Hianao Tompo o! no tsara sy mamela heloka ary be famindrampo amin'izay rehetra miantso Anao*." - Sal. 86:5.

"*Ary raha mitsangana mivavaka hianareo ka misy olona ananananareo alahelo dia mamelà ny helony mba havelan'ny Rainareo Izay any an-danitra kosa ny helokareo*." - Mar. 11:25.

"*Ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy hianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy*." - Efes. 4:32.

"*Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra*." - 1 Jao. 1:9.

"*Avia àry hifandahatra isika, hoy Jehovah: na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo dia ho fotsy tahaka ny orampanala; na dia mangatrakatraka tahaka ny sily aza dia ho tahaka ny volon'ondry fotsy*." - Isa. 1:18.

"*Izaho dia Izaho no mamono ny fahadisoanao noho ny amin'ny tenako; ary tsy hotsarovako ny fahotanao*." - Isa. 43:25.

"*Fa havelako ny helony, ary tsy hotsarovako intsony ny fahotany*." - Jer. 31:34.

"*Izy no ananantsika fanavotana amin'ny rany, dia ny famelana ny fahadisoantsika araka ny haren'ny fahasoavany*." - Efes. 1:7.

**Teny fikasana fa ho resy ny fahotana**

"*Fa izay naterak'Andriamanitra no maharesy izao tontolo izao, ary ny fandresena enti-maharesy izao tontolo izao dia ny finoantsika*." - 1 Jao. 5:4.

"*Kanefa amin'izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan'Ilay tia antsika*." - Rôm. 8:37.

"*Fa isaorana anie Andriamanitra Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika*." - 1 Kôr. 15:57.

"*Aza matahotra hianao fa momba anao Aho; ary aza miherikerika foana fa Izaho no Andriamanitrao. Mampahery anao Aho sady mamonjy anao; eny mitantana anao amin'ny tànana ankavanan'ny fahamarinako Aho*." - Isa. 41:10.

“*Ary ho fanampin’izany rehetra izany dia tano ny finoana ho ampinga izay hahazoanareo hamono ny zana-tsipika mirehitra rehetra izay alefan’ilay ratsy*.” - Efes. 6:16.

“*Voahombo miaraka amin’i Kristy amin’ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin’ny nofo dia ivelomako amin’ny finoana ny Zanak’Andriamanitra*.” - Gal. 2:20.

“*Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony*.” - Fil. 2:13.

*“Fa hoy izaho: Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan’ny nofo hianareo.”* – Gal. 5:16.

“*Fa Andriamanitry ny fiadanana hanorotoro an’i Satana faingana eo ambanin’ny tongotrareo*.” - Rôm. 16:20.

*“Ary aza manaraka ny fanaon’izao tontolo izao fa miovà amin’ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon’Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina.”* - Rôm. 12:2.

“*Aza tia izao tontolo izao na izay zavatra eo amin’izao tontolo izao. Raha misy olona tia izao tontolo izao dia tsy ao anatiny ny fitiavana ny Ray*.” - 1 Jao. 2:15.

**Teny fikasana ny amin’ny fahasitranana**

“*Raha hazoto hihaino ny feon’i Jehovah Andriamanitrao hianao ka hanao izay mahitsy eo imasony sy hihaino ny lalàny ary hitandrina ny didiny rehetra, dia tsy hisy hataoko aminao ireny aretina rehetra ireny izay nataoko tamin’ny Egyptiana; fa Izaho no Jehovah Izay manasitrana anao*.” - Eks. 15:26.

“*Ho vy sy varahina ny hidinao, ary hifamatra amin’ny andronao ny fiadananao*.” - Deo. 33:25.

“*Misaora an’i Jehovah, ry fanahiko; ary aza misy hadinoinao ny fitahiany rehetra, izay mamela ny helokao rehetra, izay manasitrana ny aretinao rehetra, izay manavotra ny ainao tsy hidina any an-davaka, izay manarona famindrampo sy fiantrana anao, izay mahavoky soa ny vavanao; ny fahatanoranao mody indray toy ny an’ny voromahery*.” - Sal. 103:2-5.

“*Natao tsinontsinona sy nolavin’ny olona Izy; lehilahy ory sady zatra ny fahoriana; ary tahaka izay tsy tian’ny olon-kojerena akory Izy; natao tsinontsinona Izy ka tsy mba nahoantsika. Nitondra ny aretintsika tokoa Izy sady nivesatra ny fahoriantsika; kanjo isika kosa nanao Azy ho nokapohina sy nasian’Andriamanitra ary nampahorina. Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika sy notorotoroina noho ny helotsika. Ny fampijaliana*

*nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy, ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika*." - Isa. 53:3-5.

"*Jehovah o! Sitrano aho dia ho sitrana; vonjeo aho dia ho voavonjy. Fa Hianao no fideràko*." - Jer. 17:14.

"*Fa ho tanterahiko ny fanasitranana anao; eny, hositraniko ny faharatranao, hoy Jehovah, noho ny nanaovany anao hoe: Ilay noroahina sy hoe: Ziona tsy misy mpitady ity*." - Jer. 30:17.

"*Dia indro, hotanterahiko tokoa ny fanasitranana azy; eny, hositraniko izy, ary hasehoko aminy ny fiadanana sy ny fahamarinana*." - Jer. 33:6.

"*Ary hiposaka aminareo izay matahotra ny anarako ny Masoandron'ny fahamarinana, manana ny fanasitranana ao amin'ny tànany; ary hivoaka hianareo ka hifalihavanja toy ny zanak'omby mifahy.*" - Mal. 3:20.

"*Misy marary va eo aminareo? Aoka izy hampaka ny loholon'ny fiangonana; ary aoka hanosotra diloilo azy amin'ny anaran'ny Tompo ireo sady hivavaka eo aminy; ary ny fivavaky ny finoana dia hamonjy ilay marary; fa ny Tompo hanangana azy, ary raha nanota izy dia havela ny helony*." - Jak. 5:14,15.

**Teny fikasana hanomezana hery hanaovana ny sitrapon'Andriamanitra**

"*Ary tsy ketraka izahay. Fa na dia mihalevona aza ny toetray ivelany dia havaozina isan'andro isan'andro kosa ny toetray anatiny. Fa ny fahorianay maivana, izay vetivety foana, dia mainka miasa fatratra indrindra ka mahatanteraka voninahitra mavesatra maharitra mandrakizay ho anay, raha tsy mijery ny hita izahay fa ny tsy hita. Fa ny hita dia ho vetivety foana, fa ny tsy hita no haharitra mandrakizay*." - 2 Kôr. 4:16-18.

"*Ary aza mba ketraka amin'ny fanaovan-tsoa isika; fa amin'ny fotoan'andro no hijinjantsika raha tsy reraka isika*." - Gal. 6:9.

"*Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin'Ilay mampahery ahy*." - Fil. 4:13.

"*Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony*." - Fil. 2:13.

"*Nefa hoy Izy tamiko: Ampy ho anao ny fahasoavako, fa ny heriko dia tanterahina ao amin'ny fahalemena. Koa mainka sitrako ny hirehareha amin'ny fahalemeko mba hitoeran'ny herin'i Kristy amiko*." - 2 Kôr. 12:9.

**Teny fikasana ny amin'ny maha-vavolombelon'Andriamanitra**

"*Aza matahotra na mangovitra hianareo; tsy efa nampandre anareo hatramin'ny fahiny va Aho ka nanambara taminareo? Eny, hianareo no vavolombeloko; misy Andriamanitra afa-tsy Izaho va? Tsia, tsy misy Vatolampy, tsy hitako izany*." - Isa. 44:8.

*"Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao; ary ny voninahitr'i Jehovah efa miposaka aminao."* - Isa. 60:1.

*"Fa izany rehetra izany dia avy amin'Andriamanitra Izay nampihavana antsika taminy amin'ny alalan'i Kristy sady nanome anay ny fanompoana fampihavanana."* - 2 Kôr. 5:18.

*"Fa hoy Jehovah tamiko: Aza manao hoe mbola zaza aho. Fa handeha amin'izay rehetra anirahako anao hianao; ary izay rehetra andidiako anao no hambaranao."* - Jer. 1:7.

*"Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany."* - Asa. 1:8.

*"Fa hianareo kosa dia taranaka voafidy, fanjaka-mpisorona, firenena masina, olona nalain'Andriamanitra ho an'ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran'Ilay niantso anareo hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga."* - 1 Pet. 2:9.

*"Fa manamasina an'i Kristy ho Tompo ao am-ponareo ary aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin'ny fahalemem-panahy sy ny fanajana."* - 1 Pet. 3:15.

**SABATA FANKALAZANA**

Aoka hatokana ny Sabata farany amin'ny Folo Androm-bavaka mba hankalazana ny fahatsaran'Andriamanitra sy ny heriny tsitoha. Tantarao, ahoana no nanandramanao ny herin'ny vavaka sy ny vaovao mahafalin'ny filazantsara mandrakizay tao anatin'izay folo andro lasa izay. Mifalia ny amin'izay efa nataon'Andriamanitra, sy izay ataony ankehitriny, ary izay mbola hataony amin'ny hoavy.

Tsy mitovy ny zavatra ilain'ny fiangonana tsirairay avy, koa aoka hiara-miasa amin'ny mpitondra eo an-toerana mba hamolavola drafitra manokana ho an'ny fiangonanao. Ireto misy zavatra azo ampidirina ao amin'ny fotoam-pivavahana Sabata farany hataonareo.

**Lohahevitra**:

Fa hianao kosa, raha mivavaka (...) (Fitsipika nomen'i Jesôsy momba ny vavaka)

**Andininy fototra**:

*"Tompoko, mampianara anay hivavaka"* – Lio. 11:1.

*“Rainay Izay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao etỳ an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay. Ary aza mitondra anay ho amin’ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin’ny ratsy. Fa anao ny fanjakana sy ny hery ary ny voninahitra mandrakizay. Amena.”* – Mat. 6:9-13.

**Hira azo atao:**

Izay mifanaraka amin’ny lohahevitra

**Hevitra ho an’ny toriteny**:

Aoka hisy pasitora, loholona, na mpitarika fotoam-bavaka hanao toriteny fohy momba ny antso ataon’ireo anjely telo amintsika ho amin’ny fivavahana sy ny fifohazana amin’izao andro farany izao.

**[NA]**

Asao ny mpanatrika ny Folo Androm-bavaka hifandimby hanao famintinana ny torolalana tsirairay nandritra ilay folo androm-bavaka, mandritra ny 1 na 2 minitra. Zarao ny lohateny sy ny andininy fototra ary ny hevi-dehibe iray. (Omany mialoha mba ho voafetra ao anatin’ny 1 hatramin’ny 2 minitra ny famintinana. Ho an’ny ankamaroan’ny olona, ny iray minitra dia ahazoana manonona teny miisa 125-150 eo ho eo.)

**[NA]**

Mangataha mambra 3 samy hafa sokajin-taona haneho fohifohy (5-10 mn) ny fanandramany isan’andro ny fiainana kristianina feno fahatapahan-kevitar sy manan-danja.

Farano amin’ny antso miantefa amin’ny mpihaino mba hifantohan’izy ireo bebe kokoa amin’i Kristy eo amin’ny dia izay ataony, handehanany araka ny Baiboly sy hiorenany misimisy kokoa eo amin’ireo lafin-toetra tsara sy soatoavina izay tovoziny ao anatin’ny tari-dalan’ny 10 androm-bavaka.

**Hevitra hafa momba ny prôgrama**:

Fijoroana ho vavolombelona ataon’ny mambra momba ny valim-bavaka.

Fotoam-bavaka ho an’ny isan-tarika.

Filazana ny amin’ny fotoam-bavaka na asa fanompoana hatao amin’ny manaraka.

Tantara ho an’ny ankizy mikasika ny vavaka sy ny fotoam-bavaka isan’andro.

Feon-kira manokana voafantina.

**ANTOM-BAVAKY NY FIANGONANA MANERAN-TANY**

- Tompo ô, ampio re mba hisy fifohazana mahery vaika eo anivon'ny fiangonanao amin'ny andro farany. Mba hijoro amin'ny fahamarinana anie izahay na hikoro aza ny tany. Aoka hanomboka amin'ny tenako izany fifohazana izany.
- Tompo ô, ampianaro izahay hiaina mifanaraka amin'ny fotoam-bavaka ataonay isan'andro, na isam-batan'olona na iarahana amin'ny fianakavianay.
- Tompo ô, sokafy ny masonay hahita ireo zavatra mamily ny sainay tsy hifantoka tanteraka Aminao eo amin'ny fiainanay. Omeo fo manolo-tena tanteraka ho Anao izahay.
- Tompo ô, ampio izahay hamela Anao hamoha anay isa-maraina, na vao mangiran-dratsy aza, mba hananana fotoam-bavaka milamina handinihana ny Teninao.
- Mivavaka izahay mba hampianao hanatona Anao amin'izao toetray izao, amin'izao fihetseham-ponay izao sy ny tsy fahatanterahanay, ny fahotanay, ary ny filanay, ka hamela Anao ho tia anay, hanova anay, sy hanefy anay ho araka ny fanirianao ny aminay.
- Tompo ô, ampianaro izahay hahay hangataka ny batisan'ny Fanahy Masina isan'andro.
- Mivavaka izahay hirotsahan'ny ranonorana faran'ny Fanahy Masina mba hanampy hery ny fijoroanay ho vavolombelona sy hahafahanay manatanteraka ny asa asainao ataonay mialoha ny fiverenanao.
- Ampianaro anay ny fomba tokony hitiavanay ny ankohonanay amim-pahafoizan-tena, sy ny fomba fanaovana mpianatra ho an'ny Fanjakanao, manomboka amin'ireo zanakay sy ny havan-tianay.
- Mangataka fahendrena Aminao izahay hahazoanay mikaroka sy mahatakatra ary mampihatra ny Teninao. Ampianaro izahay hahay hanavaka ny tenin'ny fahamarinana ka hizara izany amim-pahatokiana amin'ny hafa.
- Tompo ô, havaozy re ny fitiavanay mandinika ireo fampianarana hita ao amin'ny asa soratr'i Ellen White, izay tsindrimandry avy Aminao.
- Mivavaka ho an'ny fahafahana ara-pivavahana izahay Tompo ô, sy ho an'ny fahafahana manaraka ny feon'ny fieritreretana manerana izao tontolo izao. Tompo ô, sokafy ny lalana mba hahazoana mitory ny Teninao any amin'ireo faritra mihidy.
- Tompo ô, enga anie ny fiangonanao maneran-tany hanaiky ny antso hitory ireo hafatry ny anjely telo amin'ny firenena rehetra sy ny samy

hafa fiteny rehetra. Ampianaro anay ny fomba hampifantohana ireny fampianarana rehetra ireny amin'ny fitiavana sy ny fahamarinan'i Kristy.

- Tompo ô, ampio izahay haneho ohatra amin'ireo ankizy sy tanoranay momba ny atao hoe miaina mifanaraka amin'ny hafatry ny anjely telo.
- Tompo ô, enga anie ny Advantista maneran-tany hanao hoe "Handeha aho" ka hamaly ny antso hanompo Anao sy hitory ny vaovao mahafalin'ny famonjena.
- Mivavaka ho an'ny mpiasan'ny fahasalamana, ny mpahay siansa, ny mpitondra fanjakana, ary ireo mpiasa misahana ny fahasalamam-bahoaka izahay, mba hananan'izy ireo fahendrena amin'ny fanapahan-kevitra maro raisiny.
- Mivavaka izahay mba hanolotra fanampiana sy fampaherezana ho an'ireo mijaly ny Advantista manerana izao tontolo izao. Omeo herim-po izahay, saina mahiratra, ary toe-tsaina tia mihevitra ny hafa amin'ny fotoana izay ilan'izy ireny anay indrindra.
- Mivavaka ho an'ireo tratry ny fahasahiranana ara-bola izahay, toy ireo very asa noho ny fitotonganan'ny toe-karena.
- Tompo ô, ampianaro anay ny fomba hahafahanay manampy ireo manana olana ara-tsaina, sy ireo tsy tia mifandray amin'ny hafa.
- Mivavaka ho an'ireo pasitora sy fiangonana izahay mba hahitan'izy ireo fomba hihazonana ny fahazotoan'ny mambra miara-mivavaka. Andriamanitra ô, avondrony ny fiangonanao ho tafaray ao amin'ny fivavahana sy ny fanompoana.
- Mivavaka izahay mba hisian'ny fifohazana ara-panahy eo anivon'ny tanora Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, izay mianatra eny amin'ireo lisea sy oniversite maneran-tany. Aoka izy ireo ho tonga ambasadaoron'i Kristy mafana fo.
- Mivavaka izahay ho an'ny 69 isan-jaton'ny mponina eto an-tany izay tsy mbola nahazo fanehoana mazava an'i Jesôsy.
- Mivavaka izahay ho an'ireo olona 62 tapitrisa ao amin'ireo tanàna 28 tsy mbola nidiran'ny hafatra ao amin'ny Firaisana Sôvietika teo aloha (Diviziona Eorô-Azia).
- Mivavaka izahay mba hanangonan'Andriamanitra misiônera be herim-po vonona hiasa amin'ireo vondron'olona 746 amin'ireo firenena miisa 20 ao Moyen Orient.
- Miangavy izahay mba hisian'ny mpianatra tahaka ireo Vaudois amin'izao vanim-potoana môderina izao izay vonona hanompo any

amin'ny toerana sarotra.

- Mivavaka izahay ho an'ireo mambra Advantista miatrika fanenjehana na fampidirana am-ponja noho ny finoany.
- Mivavaka izahay ho an'ny olona 202 tapitrisa ao amin'ireo tanàna miisa 41 tsy mbola nidiran'ny hafatra any amin'ny Diviziona Azia-Pasifika Atsimo mba hahalalany an'i Jesôsy.
- Mivavaka izahay ho an'ny Sampana Sekoly Sabata / Asa ataon'ny tena manokana, any amin'ny fiangonana tsirairay, raha mikatsaka ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny fiarahamonina misy azy izy ireo, amin'ny fanompoam-pitiavana, ny fampianarana Baiboly ary ny fijoroana ho vavolombelona ataon'ny tena samirery.
- Mivavaka izahay ho an'ny ADRA noho ny fiatrehany ireo zavatra ilain'ny olona manerana izao tontolo izao.
- Mivavaka ho an'ireo olona 16 tapitrisa any amin'ny tanàn-dehibe 6 tsy tratran'ny hafatra indrindra any amin'ny Diviziona Pasifika Atsimo izahay.
- Mangataka ny Fanahy Masina izahay mba hanampy anay hahalala ny fomba hanatrarana ireo olona 406 tapitrisa any amin'ireo tanàn-dehibe 105 sarotra tratrarina indrindra any amin'ny Diviziona Azia-Pasifika Avaratra.
- Tompo ô! Tahio ny departemanta advantista misahana ny fiahiana ny fonja sy ny hôpitaly raha mandrisika ireo tompon'andraikitra amin'izany sy ireo mambra liana amin'izany, mba hiasa amin'ireo voafonja.
- Tompo ô! Mivavaka ho an'ireo mpampianatra Sekoly Sabata izahay. Ampahafantaro azy ireo ny lanjan'ny asany ho an'ireo zanakay.
- Tompo ô! Mangataka ny fitarihanao izahay ho an'ireo ivontoeram-panentanana, ny prôgrama momba ny fahasalamana sy ny fianakaviana, ary ny fikambanan'ny Mpisavalalana maneran-tany.
- Andriamanitra ô! Atoroy anay ny fomba handefasana pejy voasoratra mirakitra fahamarinana eo amin'ny fiarahamonina misy anay. Mivavaka izahay mba hamakian'ny olona izany ary koa mba handresen'ny Fanahy Masina lahatra azy ireo ny amin'ny fahamarinan'ny Baiboly.
- Andriamanitra ô! Angatahanay ny hiarovanao ireo misiônera miasa any amin'ny toerana mampidi-doza.
- Andriamanitra ô! Meteza hanangana mpampiely boky, mpianatra mpilatsaka an-tsitrapo, mpanoratra, manam-pahaizana manokana momba ny serasera, ary mpanohana ara-bola mba hanapariaka ny tenin'ny fiainana sy ny fanantenana.

- Mivavaka ho an'ny sekoly sy ny mpianatra ary ny mpampianatra advantista manerana izao tontolo izao izahay. Enga anie ireny sekoly ireny mba hampianatra ny fahamarinan'ny Baiboly am-pahatokiana ary hitarika ny tanora hanao ny asa fitoriana sy ny fanompoana ary hanana fifandraisana mahavonjy amin'i Kristy.
- Andriamanitra ô! Omeo anay ny fahendrena hanatrarana ireo kolontsaina laika izay tsy liana amin'ny fivavahana. Aoka ny Fanahinao Masina handrava ny rindrina izay manidy ny fon'ireo olona tsy mpivavaka.
- Andriamanitra ô! Tahio izahay raha eo am-panatrarana ny olona andevozin'ny fiankohofana amin'ny fanahy sy ny sampy ary ny finoana amin'ny andriamanitra zavaboary. Ampio izahay mba hahatakatra ny fomba fijerin'izy ireo ary hampahafantatra azy ilay Mpamonjinay manokana.
- Tompo ô! Bitsiho amin'ny Fanahinao ny Advantista mitandrina ny andro fahafito maneran-tany mba hivavaka tahaka izay tsy mbola natao hatrizay. Ampianaro anay ny hitaky ny teny fikasanao ary hiandrandra ny famindranao tendrombohitra rehefa mivavaka izahay.
- Mivavaka ho an'ireo vondron'olona 541 any amin'ny firenena 18 any amin'ny Diviziona faritra atsimon'i Afrika sy ny Ranomasimbe Indianina izahay. Meteza hitarika azy ireo ho amin'ny fahamarinan'ny Baiboly.
- Asehoy anay ny fomba hanomezana ny zavatra ara-nofo sy ara-panahy ilain'ireo mpitsoa-ponenana. Enga anie ny fiangonanay ho fantatra amin'ny fitiavana ny olona rehetra na iza izy ireo na iza ary na avy aiza na avy aiza fiaviany.
- Mangataka Aminao izahay mba hanangana misiônera any an-drenivohitra izay hanangana fiangonana ho an'ny olona 806 any amin'ireo firenena 20 any amin'ny Diviziona Inter-Eorôpeanina.
- Mangataka Aminao izahay mba hanangana tafiky ny mpiasa izay hanangana fiangonana ho an'ny vondron'olona 948 any amin'ireo firenena 38 any amin'ny Diviziona Inter-Amerikanina.
- Andriamanitra ô! Ampianaro izahay hitory ireo foto-pinoan'ny fiangonana amin'ny fomba mazava sy tia karokaroka, ary araka ny Baiboly tokoa. Enga anie ny fitiavan'i Jesôsy no ho ivon'ny zavatra rehetra inoanay.
- Tompo ô! Omano ny tanoranao mba hanangana fiangonana ho an'ny vondron'olona 789 any amin'ny firenena 9 any amin'ny Diviziona Amerika Avaratra.
- Mangataka Aminao izahay mba hanomana mpilatsaka an-tsitrapo izay hanompo ireo vondron'olona 70 any amin'ny sahan'i Isiraely.

- Mangataka Aminao izahay mba hanangana misiônera mpitsabo izay hanangana fiangonana any amin'ireo olona 830 any amin'ny firenena 11 any amin'ny Diviziona Afrika Afovoany-Atsinanana.
- Mangataka Aminao izahay mba hanangana mpiadin'ny vavaka izay hanao fanelanelanana ho an'ny olona miisa 2 568 any amin'ny firenena 4 any amin'ny Diviziona Azia Atsimo.
- Mangataka Aminao izahay mba hamela ny fianakavianay haneho ny fitiavanao any an-tokantrano sy any amin'ny fiarahamonina misy anay. Mangataka aminao izahay mba hampirindra ny tokantrano, hanasitrana ny fifandraisana rava, hiaro ireo marefo amin'ny herisetra, ary haneho ny herinao manamasina ao anatin'ny toe-javatra izay toa tsy misy fanantenana.
- Mangataka Aminao izahay mba hanangana mpitsabo mpanampy sy mpitsabo izay hanangana fiangonana vaovao any amin'ireo vondron'olona 1 978 any amin'ny firenena 22 any amin'ny Diviziona Afrika Afovoany-Andrefana.
- Mivavaka izahay ho an'ireo olona 49 tapitrisa any amin'ny firenena miisa 19 izay tsy tongan'ny hafatra advantista any amin'ny Diviziona Trans-Eorôpeanina.
- Mivavaka ho an'ireo zanakay izahay. Ampeherezo izy ireo mba hijoro am-pahasahiana ho Anao rehefa miatrika ny sakana sy ny fanerena ataon'ny hafa. Ampio izy ireo hanao safidy hendry sy hijoro amin'ny fahamarinana.
- Ampianaro izahay hanaraka ny ohatra tsy misy fitiavan-tenan'i Kristy amin'ny fanomezana ny zavatra ilain'ireo olona akaiky anay isan'andro. Omeo anay izay ilaina mba hahafahanay manompo amin'ny maha misiônera mpitsabo, mpilatsaka an-tsitrapo eo amin'ny fiarahamonina ary namana ho an'ireo sahirana.

# *Fa hianao kosa, raha mivavaka (...)*

## ANDRO 1 - TOMOERA AMIKO

"*Izaho no voaloboka, hianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa hianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona*." - Jao. 15:5.

**Miray Aminy tsy tapaka - ny fepetra iankinan'aina ho an'ny fitondrana voa**

Voantso hiasa tany amin'ny distrika iray nanana fiangonana kely telo aho taorian'ny nahazoako ny mari-pahaizana maha-pasitora ahy. Ririnina tamin'izay. Saika efa antitra ny mambra tao amin'ny iray amin'ireo fiangonana

ireo. Rehefa mahafinaritra ny Sabata, toy ny fandaharam-potoana faran'ny taona, dia 40 eo ho eo ny olona ao am-piangonana. Indraindray anefa 10 eo ho eo monja no tonga.

Nangatsiaka tokoa ny andro indray Sabata izay, -35° ny mari-pana; olona sivy no tonga tao am-piangonana tamin'izay: ny ankohonako izay misy olona efatra, ary olona dimy hafa. Nanontany tena aho hoe: "Tokony hitoriteny ihany ve aho?" Izao no nambaran'ilay loholona voalohany, vehivavy iray 90 taona teo ho eo: "Mamerina ampahafolony izahay ka tokony hitoriteny ianao." Dia nitoriteny aho tamin'izay.

Tao amin'ny Jao. 15:4-8 ny toriteny nataoko. Izao no averin'i Jesôsy intelo ao anatin'ny andininy efatra: "Tomoera Amiko." Teo amin'ny kolontsaina hebreo, ny zavatra izay averina intelo dia manan-danja tokoa, eny, iankinan'aina mihitsy aza. Nasongadiko tamin'izay fa tsy izany loatra no ataontsika eo amin'ny fiainana maha-Kristianina antsika. Antsoina hanompo isika saingy tsy hahazo vokatra raha amin'ny herin'ny tenantsika samirery. Nanome ny Teniny anefa i Jesôsy fa raha mitoetra ao Aminy isika, dia ho tanteraka izay rehetra angatahintsika. Tsy misy zavatra miolakolaka eto, fa antoka zato isan-jato ho amin'ny fahombiazana izany.

Izao no nambarako tamin'ireo mpihaino: "Araka izany, Tsy izay azontsika atao no manova zavatra fa izay azon'Andriamanitra atao."

Hoy ny mpanoratra Ellen G. White: "*Tsy ireo fahaiza-miasa anananao ankehitriny na mety mbola ho azonao no hanome anao fahombiazana, fa izay azon'ny Tompo atao ho anao. Tokony ho kely mihitsy ny fitokisantsika izay azon'ny olona atao, fa ny fitokisantsika izay azon'Andriamanitra atao ho an'ny fanahy mino kosa, dia tokony ho be lavitra*." - Fanompoana Kristianina, t. 119.

Nambarako tamin'ireo mpiangona vitsy ireo fa ny vavaka no "*tsiambaratelon'ny hery ara-panahy*"- Ny vavaka, t. 7. Mampifandray antsika amin'Ilay "*Loharanon'ny hery*" izany (Ny vavaka, t. 38). Ny vavaka no manokatra lalana hananantsika ireo "*haren'ny Tsitoha tsy hita lany*" - Ny dia ho eo amin'i Kristy, t. 108. Izany no fiadiana mahomby indrindra hanoherana ny famelezan'i Satana (Testimonies For the Church, b. 1, tt. 295, 296, 345, 346).

Nolazaiko tamin'izy ireo ny teny fikasana nomen'i Jesôsy ao amin'ny Mat. 18:19, 20. "*Ary lazaoko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany. Fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'ny anarako, dia ao afovoany Aho*." Tsy milaza Izy fa raha "200 na 300 no mangataka", fa hoy Izy: "*raha misy roa (…) hangataka*" ao anatin'ny firaisan-tsaina. Ary ny valin'izany dia "ho azony avy Amiko" mazava fa tsy hoe: "mety ho azony avy Amiko."

Izao no nambarako tamin'ireo olona vitsy dia vitsy nihaino ahy: "Tsy afaka misafidy ny hitomoe-poana isika. Tsy maintsy mivavaka sy miasa isika, dia homen'Andriamanitra antsika ny vokatra izay nampanantenainy." Toriteny lehibe mikasika ny herin'ny vavaka izany.

Rehefa nitodi-doha hody izahay sy ny vadiko, dia izao no nambarako azy tao anatin'ny fiaranay: "Mila mifindra isika. Tsy misy fanantenana momba ny fitomboana na izay mety ho zavatra maneho izany ao amin'io fiangonana io." Naveriny tamiko ny toriteny nataoko sy ny teny fikasana nambaran'i Jesôsy, ary nanontany ahy izy hoe: "Nahoana ianao no tsy nanao antso tamin'izy ireo mba hivavaka?" Nanao izany aho saingy tamim-pisalasalana. Tonga isa-maraina ireo vehivavy vitsy an'isa ireo, amin'ny 6:30, mba hiara-mangataka ny Fanahy Masina, ny fitomboan'ny fiangonana, mba hivavaka ho an'ireo fianakaviany sy ny tanàna misy anay, ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny fiangonanay, ary fahazavan-tsaina mahakasika izay zavatra tokony hataonay. Telo volana taty aoriana, dia 120 teo ho eo ny isan'ny olona tonga tao am-piangonana.

Manasa anao Andriamanitra mba hitoetra ao Aminy mandrakariva, mba hivavaka ka tsy hitsahatra, ary mba tsy hisaraka Aminy fa hiara-mandeha Aminy. Manasa anao Izy mba hitoetra ao Aminy, ary tokony hanasa Azy hitoetra ao anatinao isan'andro koa ianao. Izany no hany loharanon-kery marina ho anao. Izany no antoka ho anao. Raha mbola manana firaisana amin'Andriamanitra ianao, dia tsy manan-kery aminao i Satana. Ao aminao i Kristy ary ianao Aminy, izany no hany fomba hitomboana sy hahombiazana.

Hiaraka hivavaka isika.

**Fotoam-bavaka (30-45 minitra)**

Samy manana ny fomba anaovany ny fiarahany mivavaka ny vondrom-bavaka rehetra. Mampirisika anao izahay mba hanokana ny 30-45 minitra ho an'ny vavaka iraisana, araka izay itarihan'ny Fanahy Masina. Ampirisihina ny fanaovana vavaka ifandimbiasana, ifampivavahana ao anatin'ny fotoana fohy (fehezanteny 1-3), mba hahafahan'ny olona maro kokoa mivavaka imbetsaka. Misy ohatra vitsivitsy amin'izany eo ambany, vavaka izay mifototra amin'ny Soratra Masina araka ny lohahevitra. Azonao atao koa ny mivavaka mifototra amin'ny andinin-tSoratra Masina hafa ary mampiditra antom-bavaka hafa mandritra ny fotoana ivavahanao. Jereo ny tari-dalana ho an'ny mpitarika sy ny antom-bavaky ny fiangonana maneran-tany mba hahitanao ireo antom-bavaka azo tononina.

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra - Jao. 15:5**

"*Izaho no voaloboka, hianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa hianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona*."

***"Tomoera amiko ary Izaho aminareo"***

Jesôsy ô! Ampianaro izahay mba hitoetra ao Aminao isan'andro. Raha tsy eo Ianao, dia tahaka ny sampana maina tafasaraka amin'ilay Voaloboka manome aina izahay. Miaraha mandeha aminay, miasà ao anatinay, mitenena amin'ny alalanay. Meteza hitoetra ao am-ponay sy haneho fitiavana amin'izao tontolo izao amin'ny alalanay.

**"Hamoa be ianareo"**

Tompo ô! Fantatray fa avy Aminao ny fahamarinana rehetra. Ampitomboy eo amin'ny fiainanay ny vokatry ny Fanahy. Fenoy ny ny fitiavana, ny fifaliana, ny fiadanana, ny faharetana, ny fahalemem-panahy, ny fahatsarana, ny fahatokiana, ny fahamoram-po ary ny fahaizana mifehy tena avy Aminao izahay. Aoka ny fiainanay haneho taratra ny toetranao tsy misy pentina amin'ireo rehetra mifanerasera aminay.

"***Raha misaraka amiko kosa hianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona***"

Tompo ô! Tahaka ny lamba mihosin-dra ny fahamarinanay. Tsy manaja ny teny nomenay izahay, manafintohina ireo fahavalonay, ary mamitaka ireo olon-tianay. Malemy sy very izahay raha lavitra Anao. Ilainay ny fitiavanao sy ny fahari-ponao ary ny fahasoavanao mba hitoetra ao am-ponay isan'andro. Hazony eo anilanao izahay.

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**

**Fisaorana sy fiderana**: Manaova vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary miderà an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

**Fiaiken-keloka**: Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaora an'Andriamanitra noho ny famelany.

**Fitarihana**: Angataho Andriamanitra mba hanome fahendrena ho an'ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra horaisina.

**Ny fiangonantsika**: Angataho Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eto an-toerana sy maneran-tany (jereo ny takila manokana misy ny fangatahana)

**Antom-bavaka eo an-toerana**: Mivavaha ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina.

**Mihaino ary mamaly**: Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra sy hamaliana izany amin'ny alalan'ny fiderana na ny hira.

**Soso-kevitra momba ny hira**: (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra).

## ANDRO 2 - MAMPIANARA ANAY HIVAVAKA

"*Ary Jesosy nivavaka tao amin'ny fitoerana iray, ka rehefa nitsahatra Izy, dia hoy ny mpianany anankiray taminy: Tompoko, mampianara anay hivavaka (…)*." - Lio. 11:1

**Ny ivon'ny fiainana kristianina**

Manan-danja ny vavaka, iankinan'aina mihitsy aza.

"Isa-maraina, manokàna fotoana anombohana ny asanao amin'ny fivavahana. Aza heverina ho fotoana lanilany foana izany fa fotoana izay haharitra mandrakizay. Amin'ny alalan'izany no hahazoana fahombiazana sy fandresena ara-panahy." - Testimonies for the Church, b. 7, t. 194.

Matetika ireo mpianatra no nanatri-maso an'i Jesôsy nivavaka. Voamarik'izy ireo fa samy hafa amin'ny azy ny fiainam-bavak'i Jesôsy. Olona ara-panahy tokoa ireo mpianatra ireo, efa nanolotra ny fony sy naniry hanompo an'Andriamanitra izy ireo. Nankany am-piangonana izy, nitandrina ny Sabata, namerina tamim-pahatokiana ny ampahafolony ary nihinana hanina madio. Mahay mivavaka ny olona rehetra tany Isiraely, indrindra ireo mpianatra; sa tsy izany?

Mihevitra isika fa mahay mivavaka. Na ny ankizy aza dia mahay mivavaka. Saingy rehefa nijery an'i Jesôsy nivavaka ireto mpianatra ireto, ary koa nampitaha ny vavaka fanaony tamin'ny Azy - dia tsapany fa tsy nahay nivavaka izy ireo. Izany no nahatonga azy niteny hoe: "*Mampianara anay hivavaka*." - Lio. 11:1.

Heverintsika fa mora ny mivavaka. Eny tokoa, mihaino ny vavaka tsotra indrindra Andriamanitra, kanefa tsy maintsy manatsara hatrany ny fiainam-bavaka efa iainantsika isika.

Voamarik'ireo mpianatra fa nitoriteny izy ireo nefa tsy nanohina ny olona izany. Niezaka nanasitrana izy ireo na koa namoaka demonia, saingy tsy nanana hery hanaovana izany. Nanontany an'i Jesôsy izy ireo hoe: "Ahoana no hanaovanao izao?" Dia hoy i Jesôsy taminy: "Amin'ny fivavahana sy ny fifadian-kanina."

Raha fotorina, dia izao no tian'i Jesôsy hambara: "Tsy afaka manao na inona na inona amin'ny fahendrenareo ianareo, fa amin'ny herin'Andriamanitra irery ihany." Mba hahombiazanao, dia ilainao ny mivavaka amin-kafanampo marina. Ambaran'i Paoly ao amin'ny bokin'ny Rômanina fa tsy maintsy manao fanelanelanana ho antsika ny Fanahy Masina satria tsy haintsika akory izay vavaka tokony hotononina (Rôm. 8:26).

"*Ny vavaka no ain'ny fanahy. Io no tsiambaratelon'ny herin'ny finoana*. (…) *Izay manao tsinontsinona ny vavaka na manao tsirambina azy dia manapaka ny fifandraisany amin'Andriamanitra*." - Ny vavaka, t. 19.

Nanana fiainam-bavaka tena izy i Jesôsy ary matetika no nandaniany ny alina manontolo tamin'ny fivavahana. "*Na dia i Jesôsy aza, dia matetika no nivavaka, fony Izy niara-nonina tamintsika olombelona. (...) Izy no marika alaintsika tahaka amin'ny zavatra rehetra. (...) Ny toetra maha-olombelona Azy dia nahatonga ny fivavahana ho zavatra tsy maintsy nataony sady tombon-tsoa taminy. Nahita fampaherezana sy fifaliana Izy tamin'ny fidinihana tamin'ny Rainy. Ary raha Ilay Mpamonjy ny olombelona, dia Ilay Zanak'Andriamanitra aza, nahatsiaro fa mila fivavahana, mainka fa isika mpanota malemy, mety maty, dia tokony hahatsiaro fa tsy maintsy ilaina ny fivavahana amim-paharetana sy amin-kafanam-po*." - Ny Dia Ho eo amin'i Kristy, t. 107.

Nataon'i Jesôsy laharam-pahamehana ny vavaka, izany no nataony voalohany indrindra alohan'ny hanombohany ny tontolo andro. "*Ary nifoha maraina alina koa Izy, dia nivoaka nankany an-tany foana ka nivavaka tany*." - Mar. 1:35. Nanana fotoana sy toerana nivavahana i Jesôsy.

Rehefa niteny ireo mpianatra hoe: "Mampianara anay hivavaka" dia tsy nilaza taminy i Jesôsy hoe: "Izao teny izao atao tonom-bavaka" tahaka ny fitanisana lavareny. Raha ny marina, dia nambarany mazava tamin'izy ireo aza ny tsy tokony hamerimberenany teny isaky ny mivavaka (Mat. 6:7). I Jesôsy koa aza dia nanao karazam-bavaka miavaka mihitsy ao amin'ny Jao. 17, izay nifanaraka tamin'ny zavatra notakin'ny toe-javatra.

"*Ny fivavahana dia famborahana ny fo amin'Andriamanitra, toy ny amin'ny sakaiza tiana indrindra*." - Ny Dia Ho eo amin'i Kristy, t. 106. Manokatra ny fontsika amin'Andriamanitra isika rehefa mivavaka, tahaka ny miresaka. Raha tsy miova ny tonom-bavakao isaky ny mivavaka, dia manjary fahazarana fotsiny izany ary tsy hisaina akory izay teny holazainao ianao.

Tokony hiara-mandeha mandrakariva ny fivavahana sy ny fianarana ny Tenin' Andriamanitra. Amin'ny alalan'ny vavaka no iresahantsika amin'Andriamanitra, ary amin'ny alalan'ny Teniny no iresahan'Andriamanitra amintsika.

Nanana fiainam-bavaka i Jesôsy. Mifoha maraina Izy mba hivavaka, mankany amin'ny toerana iray manokana izay ivavahany koa, ary miresaka amin'Andriamanitra mivantana. Izy no ohatra ho antsika; miantso antsika Izy mba hivavaka tahaka izay nataony.

Hiaraka hivavaka isika.

**Fotoam-bavaka (30-45 minitra)**

Samy manana ny fomba anaovany ny fiarahany mivavaka ny vondrom-bavaka rehetra. Mampirisika anao izahay mba hanokana ny 30-45 minitra ho an'ny vavaka iraisana, araka izay itarihan'ny Fanahy Masina. Ampirisihina ny fanaovana vavaka ifandimbiasana, ifampivavahana ao anatin'ny fotoana fohy (fehezanteny

1-3), mba hahafahan'ny olona maro kokoa mivavaka imbetsaka. Misy ohatra vitsivitsy amin'izany eo ambany, vavaka izay mifototra amin'ny Soratra Masina araka ny lohahevitra. Azonao atao koa ny mivavaka mifototra amin'ny andinin-tSoratra Masina hafa ary mampiditra antom-bavaka hafa mandritra ny fotoana ivavahanao. Jereo ny tari-dalana ho an'ny mpitarika sy ny antom-bavaky ny fiangonana maneran-tany mba hahitanao ireo antom-bavaka azo tononina.

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra - Lio. 11:1**

"*Ary Jesosy nivavaka tao amin'ny fitoerana iray, ka rehefa nitsahatra Izy, dia hoy ny mpianany anankiray taminy: Tompoko, mampianara anay hivavaka* (…)."

***"Ary Jesosy nivavaka tao amin'ny fitoerana iray"***

Ray ô! Ampianaro mivavaka tahaka izay nataon'i Jesôsy izahay. Miaiky izahay fa mitady fialan-tsiny sy mora variana ary sahiran-dava. Ampio izahay mba hifidy ny fotoana tsara indrindra sy ny toerana hihaonana Aminao isan'andro. Ovao ny laharam-pahamehanay ary amorony fahazarana vaovao izay hitarika anay ho eo Aminao izahay.

***"Tompoko, mampianara anay hivavaka"***

Tompo ô! Ampianaro anay ny fomba fivavaka tahaka izay nampianaranao ireo mpianatra. Misaotra Anao noho ny ohatra tsara nasehonao ao amin'ny Vavaka nampianarin'ny Tompo. Ampianaro izahay haka tahaka ny fomba fivavakao sy ny fiainanao. Fenoy ny Fanahy Masina izahay, ary ampiasao ny vavakay mba hanova ny tokantranonay, ny fiangonanay, ny fiarahamonina misy anay, ary ny fanjakanao.

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**

**Fisaorana sy fiderana**: Manaova vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary miderà an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

**Fiaiken-keloka**: Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaora an'Andriamanitra noho ny famelany.

**Fitarihana**: Angataho Andriamanitra mba hanome fahendrena ho an'ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra horaisina.

**Ny fiangonantsika**: Angataho Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eto an-toerana sy maneran-tany (jereo ny takila manokana misy ny fangatahana)

**Antom-bavaka eo an-toerana**: Mivavaha ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina.

**Mihaino ary mamaly**: Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra sy hamaliana izany amin'ny alalan'ny fiderana na ny hira.

**Soso-kevitra momba ny hira**: (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra).

## ANDRO 3 - ATAOVY MAZAVA NY ANTOM-BAVAKA

*"Ary raha mivavaka hianareo, dia aza mba manao teny maro foana tahaka ny jentilisa; fa ataony ho ny hamaroan'ny teniny no hihainoana azy. Koa aza manahaka azy hianareo; fa fantatry ny Rainareo izay tokony ho anareo, raha tsy mbola mangataka Aminy aza hianareo."* - Mat. 6:7,8

**Tonòny manokana izay tianao hangatahina amim-bavaka**

Nividy trano tamin'ny vidiny mora dia mora i Ovidiu zanakay, saingy efa ratsy ny toetr'ilay trano ary kelikely koa izany. Tsy maintsy nanova ny endrik'ilay trano manontolo izy ary nanitatra izany mba hahatonga izany hamaly ny filan'ny ankohonany. Niakatra izaitsizy anefa ny vola tokony holanina. Naverimberiny fa toa tsy ho vitany ny asa noho ny tsy fahampian'ny vola.

Nasaiko nitondra ny zavatra ilainy eo amin'Andriamanitra i Ovidiu; nasaiko nentiny am-bavaka tsirairay izany. Nilazako izy mba tsy hivavaka ho amin'izay ilainy amin'ny iray volana na rahampitso fa hangataka anio izay ilainy anio. Mamaly amin'ny fomba mazava ny fangatahana manokana Andriamanitra. Tsy ankapobeny ny fomba famaliany vavaka.

Aza mankeo amin'Andriamanitra ka milaza hoe: "Tompo ô! Vonjeo ny mpiara-monina amiko." Azonao atao kosa ny milaza hoe: "Raiko ô! Manao fangatahana ho an'i John mpiara-monina amiko aho. Kasiho ny fony. Omeo ahy koa ny fahendrena sy ny fomba hahafahako manorina fisakaizana aminy sy hanatrarana azy amin'ny vaovao mahafalin'ny filazantsara."

Maneho an'i Bartimeo mangataka fanampiana amin'i Jesôsy ny Mar. 10:47. Izao no antsoantsony: "*Ry Jesosy, Zanak'i Davida ô, mamindrà fo amiko!*" Nanontany azy izay nilainy mazava i Jesôsy ao amin'ny and. 51: "*Inona no tianao hataoko aminao?*" Hoy i Bartimeo taminy: "*Rabôny ô, ny mba hampahiratina ny masoko*."

Iverenantsika ny tantarako - nanomboka nivavaka ny zanakay lahy, ary notononiny mazava izay nilainy. Nangataka tamin'Andriamanitra izy mba hanampy azy hahita mpiasa hihady lavaka hanaovana ny fototry ny trano. Nanomboka nitady olona izy. Izay mpiasa rehetra niresahany anefa dia efa nisy nanao famandrihana amam-bolana maro mialoha, ary eo amin'ny 18.000 dôlara hatramin'ny 22.000 dôlara eo ny karaman'izy ireo amin'izany. Nony farany, dia nahita ekipa iray ihany izy ary nifanaraka tamin'izy ireo ka 16.000 dôlara no hihadiana ny fototra ny herinandro manaraka.

Tonga ny mpitarika ireo mpiasa ireo, saingy tsy tonga ny milina lehibe hanaovana ny asa. Rehefa niandry nandritra ny maraina tontolo ilay lehiben'ireo mpiasa ireo, dia tsy nahandry intsony ary nambarany fa tsy afaka

ny hiverina izy ao anatin'ny telo volana, rehefa izay dia lasa izy. Kivy tanteraka ilay zanakay lahy. Tsy nahita vahaolana izy.

Nony farany, dia nangatahin'i Ovidiu manokana tamin'Andriamanitra ny hanomezana azy mpiasa hihady haingana ny fototra amin'ny vidiny mirary. Rehefa vita ny fivavahany, dia nanatona azy ny mpiray vodirindrina aminy.

Mpiray vodirindrina: "Manahoana ianao?"

Ovidiu: "Salama aho, saingy mitady ekipa hihady fototra hanaovana trano."

Mpiray vodirindrina: "Manana ekipa mihady ny fototry ny tranoko aho izao. Anontanio izy ireo fa mety afaka manao ny anao koa."

Nihazakazaka haingana nankao amin'ny tranon'ilay mpiray vodirindrina aminy i Ovidiu ary nanontany.

Izao no navalin'ny mpitarika ireo ekipa ireo azy: "Koa satria efa eto miaraka amin'ny fitaovanay izahay, dia afaka mankao aminao izahay ary manao ny asa raha vao vitanay ity."

Ovidiu: "Afaka mankao ve ianao, ary manombana ny vola tokony hatao karamanareo?"

Nijery ny toerana hiasana ilay lehibe nitarika ireo mpiasa ka nilaza hoe: "Hataoko 2.500 dôlara izany."

Fifaliana re izany! Hitan'i Ovidiu fa efa nanomana valim-bavaka Andriamanitra, ary niandry fotsiny an'i Ovidiu Izy mba hangataka izany.

"*Ny fivavahana dia famborahana ny fo amin'Andriamanitra, toy ny amin'ny sakaiza tiana indrindra*." - Ny Dia Ho eo amin'i Kristy, t. 106. Miantso anao Andriamanitra mba hiresaka Aminy, mba hitondra eo Aminy izay ilainao amin'ny fomba mazava sy voafaritra tsara. Iriny ny hinoanao Azy, ny hiandrandranao valiny araka ny Fitiavany sy ny fahendreny ary ny teny fikasany. Hamaly izany Izy amin'ny fotoany sy ny fombany, ary raha miandry Azy amim-pinoana ianao, dia ho hitanao fa ny valinteny avy Aminy no tsara indrindra.

Hiaraka hivavaka isika.

**Fotoam-bavaka (30-45 minitra)**

Samy manana ny fomba anaovany ny fiarahany mivavaka ny vondrom-bavaka rehetra. Mampirisika anao izahay mba hanokana ny 30-45 minitra ho an'ny vavaka iraisana, araka izay itarihan'ny Fanahy Masina. Ampirisihina ny fanaovana vavaka ifandimbiasana, ifampivavahana ao anatin'ny fotoana fohy (fehezanteny 1-3), mba hahafahan'ny olona maro kokoa mivavaka imbetsaka. Misy ohatra vitsivitsy amin'izany eo ambany, vavaka izay mifototra amin'ny Soratra Masina araka ny lohahevitra. Azonao atao koa ny mivavaka mifototra amin'ny andinin-tSoratra Masina hafa ary mampiditra antom-bavaka hafa

mandritra ny fotoana ivavahanao. Jereo ny tari-dalana ho an'ny mpitarika sy ny antom-bavaky ny fiangonana maneran-tany mba hahitanao ireo antom-bavaka azo tononina.

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra - Mat. 6:7,8**

"*Ary raha mivavaka hianareo, dia aza mba manao teny maro foana tahaka ny jentilisa; fa ataony ho ny hamaroan'ny teniny no hihainoana azy. Koa aza manahaka azy hianareo; fa fantatry ny Rainareo izay tokony ho anareo, raha tsy mbola mangataka aminy aza hianareo*."

***"Aza mba manao teny maro foana"***

Andriamanitra ô! Mampianara anay hiresaka Aminao tahaka ny amin'ny sakaiza tiana. Toa zary fahazarana sy mandeha ho azy ny vavaka ataonay indraindray, ary toa tsy mihoatra ny valin-drihana akory aza izany. Fohazy amin'ny torimasom-panahy izahay! Ampio izahay hahatsapa ny Fanatrehanao eo anilanay.

***"Fantatry ny Rainareo izay tokony ho anareo"***

Tompo malala ô! Efa fantatrao avokoa ny momba anay. Fantatrao ny tahotra sy ny fanantenana ao anatinay, ny hery sy ny fahalemenay. Matetika izahay no mangataka noho ny faniriana tsotra, tahaka ny hanina na ny vola na koa ny fahombiazana, kanefa Ianao mahalala izay ilainay indrindra. Misaotra Anao noho ny Fanahy izay manao fanelanelanana ho anay amin'ny fivavahana tsy hain'ny teninay tononina. Matoky ny valinteninao araka ny fomba tsy takatry ny sainay izahay!

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**

**Fisaorana sy fiderana**: Manaova vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary miderà an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

**Fiaiken-keloka**: Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaora an'Andriamanitra noho ny famelany.

**Fitarihana**: Angataho Andriamanitra mba hanome fahendrena ho an'ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra horaisina.

**Ny fiangonantsika**: Angataho Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eto an-toerana sy maneran-tany (jereo ny takila manokana misy ny fangatahana)

**Antom-bavaka eo an-toerana**: Mivavaha ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina.

**Mihaino ary mamaly**: Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra sy hamaliana izany amin'ny alalan'ny fiderana na ny hira.

**Soso-kevitra momba ny hira**: (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra).

# ANDRO 4- VAVAKA (SY FINOANA) TSY AHAZOAM-BALINY

"*Fa izay miandry an'i Jehovah dia mandroso hery kosa.*"- Isa. 40:31a

**Miandry…**

Tsy mahafinaritra loatra ny miandry. Iza moa no tia ampiandrasina? Miandry any amin'ny biraon'ny dokotera, miandry eo am-pilaharana, miandry fiaramanidina tara fahatongavana any amin'ny seranana, miandry olona iray tara fahatongavana mandritra ny fivoriana.

Tsy maintsy niandry nandritra ny 25 taona i Abrahama vao nahazo valim-bavaka. Nampiandrasina 40 taona i Mosesy vao niditra an-tsehatra Andriamanitra. Andevo nandritra ny taona maro i Josefa ary nijanona tao an-tranomaizina an-taona vitsivitsy- tsy toerana mahafinaritra hiandrasana ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra izany! Misy ohatra maro maneho ny fiandrasana fanampiana ao amin'ny Baiboly.

Na dia mizaha toetra ny faharetantsika aza ny fiandrasana, dia ambaran'ny Baiboly fa anisan'ny toetra iray mampiavaka ny vahoakan'Andriamanitra ny faharetana. Tahaka izany koa amin'ny fivavahana. Matetika isika no tsy maintsy miandry vao mahazo valim-bavaka.

"(…) hovaliana ny vavaka rehetra atao amin'ny fo. Mety tsy hifanandrify amin'ny fanirianao na amin'ny fotoana ilanao azy; fa ho avy izany amin'ny fotoana mahamety araka izay ilanao azy indrindra. Ny vavaka tononinao amin'ny fotoana maha-irery sy trotraka anao, ao anatin'ny fitsapana, dia valian'Andriamanitra, mety tsy araka izay andrasanao, nefa araka izay mahasoa anao mandrakariva."- Messages to Young People, t. 250.

Rehefa manetry tena isika ary mitondra izay ilaintsika eo anatrehan'Andriamanitra, amin'ny fomba mazava sy manokana, ary koa miaiky fa miankina tanteraka Aminy, dia mamaly antsika Izy. Matetika anefa isika no tsy maintsy miandry. Matetika isika no efa nandany izay rehetra ananantsika sy nanaraka ny lalana rehetra azontsika arahina vao miditra an-tsehatra Andriamanitra, mba hahalalantsika amin'ny fomba azo antoka fa Izy no miasa. Raha toa mantsy Izy namaly avy hatrany, dia mety hihevitra ny tenantsika ho zavatra isika.

Rehefa tsy mahita fomba azo heverina hamahana zava-tsarotra isika, dia milaza teny iray Andriamanitra ka misy zavatra tsy takatry ny saintsika mitranga. "*Antsoy Aho, dia hovaliako hianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao.*"- Jer. 33:3.

Raha tsy mamaly amin'izany fotoana izany kosa Andriamanitra, ary koa tsy araka ny fomba nangatahintsika, dia mety hihevitra isika fa tsy mamaly mihitsy Izy. Mamaly ny vavaka atao amin'ny fo tokoa, sy amim-panetren-tena Andriamanitra, ary ny valinteny avy Aminy no tsara indrindra amin'ny valinteny rehetra.

Antsoina ianao mba hahalala ny fitiavan'Andriamanitra (Efes. 3:19). Izay ihany no ilainao. Arakaraka ny hahalalanao Azy no hitokianao Aminy bebe kokoa. Arakaraka ny hihavananao Aminy no hanekenao hiandry ny fitarihany sy ny fidirany an-tsehatra. Banjino Izy, ny fitiavany, ny teny fikasany, ary ny fomba nitarihany lalana anao teo amin'ireo toe-java-tsarotra tamin'ny lasa.

"*Ny saina tsy miovaova dia harovanao ao amin'ny fiadanana tanteraka*"- Isa. 26:3

Fantatr'Andriamanitra ny hoavy. Mihevitra anao Izy, ary mihevitra ny hafa koa. Mety tsy izao Izy no mamaly satria manana valiny tsara kokoa, na koa tsy izao no fotoana mety indrindra, na koa tsy mbola vonona ho amin'ny drafiny ianao. Mety hanana valinteny hafa izay mifanandrify amin'ny zavatra hafa ilainao Izy, zavatra izay tsy heverinao akory. Mety avelany hiseho koa ny toe-javatra iray eo amin'ny fiainanao satria izany ihany no fomba hanatrarana olona izay tsy ho voatohina amin'ny fomba hafa. Maro ny zava-mitranga izay tsy ho takatsika raha tsy any an-danitra.

Tadidio, tsy tonga teto an-tany sy maty mba hanome antsika fiainam-piadanana eto i Jesôsy. Nambarany aza fa eto amin'izao tontolo izao no ahitantsika fahoriana (Jao. 16:33). Matetika Izy no mampiasa ny fizahan-toetra hampianarana antsika ny lesona manan-danja mba hitomboan'ny toetsika sy hahazoantsika famonjena. "*Fa ny fahorianay maivana, izay vetivety foana, dia mainka miasa fatratra indrindra ka mahatanteraka voninahitra mavesatra maharitra mandrakizay ho anay*."- 2 Kôr. 4:17.

Araka izany, aza mangataka amin'Andriamanitra mba hanaisotra ny zava-tsarotra, fa angataho Izy hanampy anao hitombo sy hisintona lesona amin'ny alalan'ireny. Tsy izay angatahintsika no ilaintsika indrindra, na dia tena ilaintsika tokoa aza ireny. Ny hahalala an'Andriamanitra no ilaintsika indrindra. Arakaraka ny hahalalanao Azy no hitokianao Aminy sy hamelanao Azy hiasa.

Miantso anao Andriamanitra mba hivavaka sy hitady Azy, hitady ny fanatrehany sy ny drafiny ary ny fitarihany. Katsaho ny fahalalana Azy mialoha ny hitadiavanao valinteny sy fanampiana, rehefa izay dia apetraho eo Aminy avokoa ireo tebitebinao ka miandrasa Azy.

Hiaraka hivavaka isika.

**Fotoam-bavaka (30-45 minitra)**

Samy manana ny fomba anaovany ny fiarahany mivavaka ny vondrom-bavaka rehetra. Mampirisika anao izahay mba hanokana ny 30-45 minitra ho an'ny vavaka iraisana, araka izay itarihan'ny Fanahy Masina. Ampirisihina ny fanaovana vavaka ifandimbiasana, ifampivavahana ao anatin'ny fotoana fohy (fehezanteny 1-3), mba hahafahan'ny olona maro kokoa mivavaka imbetsaka. Misy ohatra vitsivitsy amin'izany eo ambany, vavaka izay mifototra amin'ny Soratra Masina araka ny lohahevitra. Azonao atao koa ny mivavaka mifototra amin'ny andinin-tSoratra Masina hafa ary mampiditra antom-bavaka hafa mandritra ny fotoana ivavahanao. Jereo ny tari-dalana ho an'ny mpitarika sy ny antom-bavaky ny fiangonana maneran-tany mba hahitanao ireo antom-bavaka azo tononina.

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra- Isa. 40:31a**

*"Fa izay miandry an'i Jehovah dia mandroso hery kosa."*

***"Izay miandry an'i Jehovah"***

Ray ô, tsy tia miandry izahay. Mahatonga tebiteby sy tahotra ao anatinay ny fiandrasana, ka manjary mihazakazaka dieny mialoha izahay ary mitady vahaolana amin'ny herin'ny tenanay. Ampianaro izahay mba hitsahatra ao Aminao tahaka ny zaza miankina eo an-tsandrin'ny rainy. Omeo anay ny finoana hahalalanay fa Ianao no tompon'ny ampitso sy mitana izany amin'ny sandrinao mahery. Handeha amin'ny finoana anie izahay fa tsy amin'ny fahitana.

***"dia mandroso hery kosa"***

Tompo ô, Misy fotoana izahay trotraky ny fiainana eto amin'ity tontolo maratra ity. Torovan'ny aretinay izahay, reraky ny fifandirana, ny fahantrana, ny tsy rariny ary ny fahatsiarovan-tena ho irery. Meteza hampitraka ny masonay hibanjina ny lanitra sy hanavao ny herinay. Ampianaro izahay hiantehitra Aminao ka hahita hery ao amin'ny teny fikasanao tsy manampetra. Ampiraiso amin'ny herinao izahay rehefa osa.

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**

**Fisaorana sy fiderana**: Manaova vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary miderà an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

**Fiaiken-keloka**: Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaora an'Andriamanitra noho ny famelany.

**Fitarihana**: Angataho Andriamanitra mba hanome fahendrena ho an'ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra horaisina.

**Ny fiangonantsika**: Angataho Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eto an-toerana sy maneran-tany (jereo ny takila manokana misy ny fangatahana)

**Antom-bavaka eo an-toerana**: Mivavaha ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-borindrina.

**Mihaino ary mamaly**: Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra sy hamaliana izany amin'ny alalan'ny fiderana na ny hira.

**Soso-kevitra momba ny hira**: (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra).

## ANDRO 5 - HOHAMASININA ANIE NY ANARANAO

"*Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra*." - Mat. 5:16

**Taratasy misokatra isika**

Indray andro, dia niezaka nanasa ireo mpiara-monina taminy hanatrika hetsika sasantsasany ny mambran'ny fiangonana iray sy ny pasitoran'izy ireo. Maro no nandà tsy hanatrika izany. Nanontany fianakaviana vitsivitsy ny antony tsy nanirian'izy ireo ho avy ilay pasitora. Izao no nambaran'izy ireo saingy teny samy hafa fotsiny no nanambarany izany: "Raha any ingahy __________ dia aleonay tsy mankany. Ratsy fanahy sady tsy manam-pitiavana izy. Tsy manaja ny hafa izy no sady tsy mahalala menatra. Mampirafy izy, mampijaly ireo biby fiompiny, ary tezitra sy mitratrevatreva mandrakariva." Naneho firaisam-po tamin'izany ny ankamaroan'ireo mambran'ny fiangonana.

Toy izao no fanombohan'ny Vavaka nampianarin'ny Tompo: "*Rainay Izay any an-danitra*." Tsy Andriamanitr'izao rehetra izao fotsiny i Jehôvah fa manana fifandraisana ety amintsika koa Izy. Izao no tohin'ilay vavaka: "*hohamasinina anie ny anaranao*." Tsy *hagios* ny teny grika ampiasaina eto, izay midika hoe: "masina, nohamasinina, mendrika", fa *hagiazo*, izay midika hoe "manamasina." Ahoana no hanamasinantsika an'Andriamanitra nefa masina Izy?

Ambaran'i Paoly fa taratasy misokatra izay vakin'ny olona rehetra isika (2 Kôr. 3:2). Izao no soratany ao amin'ny 1 Kôr. 4:9: "*fa izahay dia natao ho fizàhan'izao rehetra izao*."

Tsy mahita an'Andriamanitra ny olona fa isika no hitany. Mety hanome voninahitra an'Andriamanitra ny fitondrantenantsika isan'andro na koa

hanala baraka ny Anarany sy haneho sary ratsy mahakasika ny fiangonana ka hanimba ny asany (Mat. 5:13-16).

Mankanesa eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra amin'ny fiderana, ary ekeo ny maha-Rainao be fitiavana Azy. Aza mifantoka amin'ny tenanao sy izay ilainao, fa mifantoha aloha amin'Andriamanitra sy ny Anarany ary ny Voninahiny. "Asain'Andriamanitra mikatsaka ireo zavatra izay hanome voninahitra ny Anarany isika. Tsy tokony hitady izay hahazoam-boninahitra na oviana na oviana isika; tokony hitady an'Andriamanitra isika mba hahazoantsika fahasoavana sy fitahiana ara-panahy, mba hanomezantsika voninahitra ny Anarany eo amin'ny toetrantsika. Omen-kaja Andriamanitra ary hamasinina ny Anarany, rehefa asehon'ireo zanany eo amin'ny fiainan'izy ireo ny toetran'i Kristy." - Manuscript 34, 1903, paragrafy 15).

Manonòna vavaka toy izao: "Ray ô, ampio aho mba hanome voninahitra Anao eo amin'izay ataoko rehetra. Ampio aho haneho Anao araka ny tokony ho izy sy hitondra ny Anaranao mba hideran'ny olona Anao rehefa mijery ahy izy ireo. Aoka aho hitondra tena amin'ny fomba izay hamela ny hafa hahita ny toetran'i Jesôsy amin'ny alalan'ny asa sy ny teny rehetra ataoko."

Ao amin'ny vavakao koa, dia izay hanome voninahitra an'Andriamanitra sy hanompo Azy ihany no katsaho. Hoy ny 1 Jao. 5:14: "*Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy*."

Amin'ny anaran'i Jesôsy no tsy maintsy ivavahantsika. Mihoatra noho ny fanononana ny hoe "amin'ny Anaranao" fotsiny anefa izany. Tamin'ny andron'ny Baiboly, ny anarana dia maneho toetra. Ny hoe mivavaka amin'ny anaran'i Jesôsy dia midika hoe mivavaka araka ny Sitrapony, mangataka zavatra izay haneho Azy sy ny Toetrany. Hoy ny Jak. 4:3: "*Mangataka hianareo, nefa tsy mahazo ihany, satria diso fangataka*." "*Midika zavatra betsaka anefa izany mivavaka amin'ny anaran'i Kristy izany. Midika izany fa tokony hanaiky ny toetra amam-panahiny isika, haneho ny toe-tsainy, ary hanatanteraka ny asany*." - Ilay Fitiavana Mandresy, t. 720.

Nampanantena ny hamaly ny vavaka ataontsika i Jesôsy raha mangataka amin'ny Anarany sy araka ny sitrapony isika ary koa mangata-javatra izay hanomezam-boninahitra sy haja an'Andriamanitra (Jao. 14:13, 14; 1 Jao. 5:14).

Ary rehefa mamaly Andriamanitra, dia aoka ho azo antoka fa midera sy manome voninahitra Azy ianao. Tsy azontsika atao ny midera ny tenantsika. Miezaka mandrombaka ny voninahitr'Andriamanitra ho an'ny tenany i Satana. Amim-panetren-tena, ekeo amim-pankasitrahana amin'ny teninao sy ny asanao ary ny vavakao Andriamanitra, ary omeo voninahitra Izy.

Rehefa mimonomonona isika, dia mandefa hafatra tsy izy momba ilay Andriamanitsika. Amin'ny lafiny iray, dia ambarantsika amin'izany fa tsy tsara Andriamanitra ary tsy mihevitra antsika no sady tsy mitana ny teny fikasany. Mifalia mandrakariva (1 Tes. 5:16; Fil. 4:4). Mivavaha, miresaha, ary mitondrà tena amin'ny fomba izay manome voninahitra an'Andriamanitra. Ahoana moa no hitaomanao ny hafa hino kanefa ianao aza misalasala? Ahoana no hilazanao amin'ny hafa mba hidera an'Andriamanitra kanefa ianao mimonomonona?

Izao no vavaka tokony hiloatra avy ao am-pontsika: "Raiko be fitiavana any an-danitra ô! Ampio aho anio hanao teny sy asa izay maneho Anao araka izay tokony ho izy amin'ny hafa. Izay zavatra manome voninahitra Anao irery ihany omena ahy, ary ampio aho mba hampiasa ireny amin'ny fomba izay manompo Anao. Aoka aho mba hanome voninahitra ny Anaranao anio."

Hiaraka hivavaka isika.

**Fotoam-bavaka (30-45 minitra)**

Samy manana ny fomba anaovany ny fiarahany mivavaka ny vondrom-bavaka rehetra. Mampirisika anao izahay mba hanokana ny 30-45 minitra ho an'ny vavaka iraisana, araka izay itarihan'ny Fanahy Masina. Ampirisihina ny fanaovana vavaka ifandimbiasana, ifampivavahana ao anatin'ny fotoana fohy (fehezanteny 1-3), mba hahafahan'ny olona maro kokoa mivavaka imbetsaka. Misy ohatra vitsivitsy amin'izany eo ambany, vavaka izay mifototra amin'ny Soratra Masina araka ny lohahevitra. Azonao atao koa ny mivavaka mifototra amin'ny andinin-tSoratra Masina hafa ary mampiditra antom-bavaka hafa mandritra ny fotoana ivavahanao. Jereo ny tari-dalana ho an'ny mpitarika sy ny antom-bavaky ny fiangonana maneran-tany mba hahitanao ireo antom-bavaka azo tononina.

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra - Mat. 5:16**

"*Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra*."

***"Aoka hazava (...) ny fahazavanareo"***

Tompo ô! Ianao no Loharanon'ny fahazavana rehetra. Mamirapirata aminay mba hahitan'ny hafa ny fahatsaran'ny Toetranao. Ampio izahay mba hamirapiratra sy ho feno herim-po ka hahatonga ny hafa ho voataona hiditra ao amin'ny Fanjakanao amin'ny alalan'ny fitiavana asehonay.

***"Mba hahitany ny asa soa ataonareo"***

Andriamanitra ô! Hadinonay indraindray fa mijery izay rehetra ataonay ny hafa. Ampio izy ireo hahita fitiavana fa tsy fankahalana eo amin'ny fiainanay.

Ampio izy ireo hahita fahalalahan-tanana fa tsy fitiavan-tena eo amin'ny fiainanay. Miasà eo amin'ny fiainanay mba hahatonga fitahiana amin'ireo zanakay sy ny mpiara-monina aminay, eny na ny fahavalonay aza.

***"ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra"***

Andriamanitra ô! Izahay tsy maintsy mihena fa Ianao tsy maintsy mitombo. Omeo fanetren-tena izahay ary ampio ireo mpiara-monina aminay mba hahita taratra ny herinao sy ny fangorahanao eo amin'ny asa fanasoavana ataonay.

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**

**Fisaorana sy fiderana**: Manaova vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary miderà an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

**Fiaiken-keloka**: Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaora an'Andriamanitra noho ny famelany.

**Fitarihana**: Angataho Andriamanitra mba hanome fahendrena ho an'ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra horaisina.

**Ny fiangonantsika**: Angataho Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eto an-toerana sy maneran-tany (jereo ny takila manokana misy ny fangatahana)

**Antom-bavaka eo an-toerana**: Mivavaha ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina.

**Mihaino ary mamaly**: Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra sy hamaliana izany amin'ny alalan'ny fiderana na ny hira.

**Soso-kevitra momba ny hira**: (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra).

***Fa hianao kosa, raha mivavaka, ...***

## ANDRO 6 – HO TONGA ANIE NY FANJAKANAO

*"Indro, ny fanjakan'Andriamanitra dia ao anatinareo."* – Lio. 17:21b.

**Tonga ny famonjena**

Nilaza i Jesôsy ao amin'ny Lioka 19 fa hiantrano ao amin'ny Zakaiosy. Avy eo dia hoy i Jesôsy: "*Anio no tonga eto amin'ity trano ity ny famonjena*" (and. 9). Ao amin'ny toerana misy anao ny lanitra rehefa monina ao i Jesôsy. Ary mialoha ny hahafahanao miditra ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy maintsy miditra ao am-ponao ny fanjakan'Andriamanitra. Nivavaka i Jesôsy ao amin'ny Jaona 17, tsy ny hanasarahana ara-batana ny mpianany amin'izao tontolo

izao, fa mba tsy ho naman'izao tontolo izao kosa izy ireo (Jao. 17:15,16).

Tsy maintsy mizatra miaina toy ny efa any an-danitra sahady isika. Ho tonga tahaka an'izao tontolo izao isika raha mifantoka amin'ny zavatry ny tany. "*Fa izay itoeran'ny harenao, dia ho any koa ny fonao.*" - Mat. 6:21. Fa raha mifantoka amin'Andriamanitra sy ny fanjakany kosa isika, dia hifindra ao anatintsika sy eo amin'ny manodidina antsika ny fanjakany. "Ahitana fiadanana avy amin'Andriamanitra ny endrik'ireo lehilahy sy vehivavy izay miresaka amin'Andriamanitra. Zava-misy ho azy ireo ilay tontolo tsy hita maso. Entiny manaraka azy ny rivo-piainan'ny lanitra malefaka sy feno fahatsarana." - Medical Ministry, t. 252.

Nanao dia misiônera maro tany Cuba aho. Indray mandeha, raha nitory ny filazantsara toy izany aho dia ankizy maro niaraka tamin'ny ray aman-dreniny no tonga nihaino. Nitantara tamiko ny pasitora fa vokatry ny nataon'ny ramatoa iray no nahatongavan'ireo mpamangy betsaka ireo. Dia nanontaniako ilay ramatoa: "Inona no nolazainao azy ireo ka nahatonga azy ho avy?" Dia namaly izy hoe: "Tsy ny zavatra nolazaiko no nahatonga izany;" avy eo dia nanasa anay ho any aminy izy ny andro manaraka; koa tonga tany izahay.

Kely dia kely tokoa ny tranony, tahaka ny trano kely fametrahana fitaovana. Tsy dia nisy fanaka tao, afa-tsy fandriana mifanongoa roa, latabatra kely iray, seza kely roa, ary fatana iray. Niainga aloha izy ny antoandro, nankeo ampitan'ny tranony. Avy eo dia tonga izy rehetra – ankizy efa ho 200 isa! Nasainy nipetraka tamin'ny tany ireo ankizy ireo, sy nampiseho azy taratasy voasonian'ny ray aman-dreniny. Nilahatra ny ankizy; samy nomeny vary avokoa; avy eo, nipetraka nihinana.

Nohazavainy taminay teo am-pisakafoana fa tsy an'asa ny ankamaroan'ireo mpifanolo-bodirindrina aminy, fa izy kosa notahin'Andriamanitra ka manana asa. Tsy ampy nividianana karazan-tsakafo ny karamany, kanefa azony nividianana vary kosa. Dia hoy izy: "Antsoina isika mba ho tahaka an'i Jesôsy, haneho amin'ny olona ny atao hoe fanjakan'Andriamanitra mba hanirian'izy ireo izany. Natao hanahaka ny fomba fiasan'i Jesôsy isika, mamahana ny olona sy mamboly fifandraisana aminy. Raha velona ho an'ny tenako aho, amin'inona no itoviako amin'i Jesôsy? Ary raha mofo ara-bakiteny fotsiny no omeko azy, hahasoa azy ireo marina ve izany? Koa vary no ampiasaiko mba hanehoana fitiavana amin'ireo ankizy ireo. Avy eo omeko mofo ara-panahy koa izy. Saingy matetika ny ankizy no tsy dia mifantoka. Koa mba ho azoko antoka fa nihaino izy, dia tsy maintsy mody aloha izy ka mitantara amin'ny ray aman-dreniny ny tantara sy ny hira nianaranay androany. Amin'izany fomba izany no hanatrarako ny ray aman-dreniny koa. Hatramin'ny nanaovako izany

tao anatin'ny fotoana vitsivitsy, dia nanjary tian'izy rehetra sy itokiany aho, ary vonona hihaino ahy izy."

Raha vao avy nisakafo ny ankizy dia nanomboka nampianatra azy ireo momba an'i Jônà izy, sy nampianatra hira azy ireo koa. Taorian'izany dia nofihinin'ireo ankizy izy ary nisaorany. Reko izy ireo nanao hoe: "Totoa ô, tianay ianao!" Ary hoy koa ilay ramatoa: "Marina fa miezaka maneho azy ireo ny fanjakan'Andriamanitra aho, kanefa tsy izany fotsiny fa fitahiana sy fifaliana ho ahy koa izy ireo. Fifaliana lehibe lavitra ny mahita azy ireo tonga any am-piangonana mivavaka sy mianatra momba an'Andriamanitra. Kanefa ny fifaliako faratampony dia ny hahita azy ireo any an-danitra. Koa tiako raha handraman'izy ireo kely dieny ankehitriny sahady ny lanitra."

Ho avy tsy ho ela i Jesôsy! Kanefa mba hahatonga anao ho vonona hiditra ao amin'ny fanjakany dia tokony ho ao anatinao dieny ankehitriny izany fanjakany izany. Aoka ianao hivavaka isan'andro hoe: "Tompo ô, midira ato am-poko anio, miaraka amin'ny fanjakanao." Miantso anao Andriamanitra anio mba hanao ny fanjakany ho zava-misy tokoa. Ivelomy dieny eto ny fiainan'ny lanitra, amin'ny alalan'ny vavaka isan'andro, ny fianarana ny tenin'Andriamanitra, ary ny fanompoana amim-pifaliana. Aoka honina ao anatinao ny lanitra. Aoka ianao ho tanan'Andriamanitra eto an-tany, toy ireo olon'ny finoana tamin'ny lasa.

Maniry hampiditra ny fanjakany ao am-ponao sy ao an-tranonao Andriamanitra anio sy isan'andro. Tiany ho zatra ny fanatrehany eo amin'ny fiainanao ianao, tahaka ny olom-pirenen'ny lanitra. Asao isan'andro ny lanitra hiditra ao am-ponao, ka aoka ny fitiavany hipololotra sy hiitatra amin'ny manodidina anao, amin'ny alalan'ny asa sy ny fihetsikao.

Andeha hiaraka hivavaka isika.

**Fotoam-bavaka (30–45 minitra)**

***Samy manana ny fomba anaovany ny fiarahany mivavaka ny vondrom-bavaka rehetra. Mampirisika anao izahay mba hanokana ny 30-45 minitra ho an'ny vavaka iraisana, araka izay itarihan'ny Fanahy Masina. Ampirisihina ny fanaovana vavaka ifandimbiasana, ifampivavahana ao anatin'ny fotoana fohy (fehezanteny 1-3), mba hahafahan'ny olona maro kokoa mivavaka imbetsaka. Misy ohatra vitsivitsy amin'izany eo ambany, vavaka izay mifototra amin'ny Soratra Masina araka ny lohahevitra. Azonao atao koa ny mivavaka mifototra amin'ny andinin-tSoratra Masina hafa ary mampiditra antom-bavaka hafa mandritra ny fotoana ivavahanao. Jereo ny tari-dalana ho an'ny mpitarika sy ny antom-bavaky ny fiangonana maneran-tany mba hahitanao ireo antom-bavaka azo tononina.***

**Mivavaka araka ny tenin'Andriamanitra – Lio. 17:21b**

*"Indro, ny fanjakan'Andriamanitra dia ao anatinareo."*

***"Ny fanjakan'Andriamanitra"***

Tompo ô, fantatray fa tsy araka ny hery na ny fahefana eto amin'izao tontolo izao ny fanjakanao. Omeo fahendrena izahay hahatakatra sy hivelona araka ny fanjakanao feno fanetren-tena eo amin'ny fiainanay ankehitriny. Ataovy mahay manompo, mampionona, ary mampahery ireo zanakao eto an-tany izahay.

***"(...) dia ao anatinareo"***

Andriamanitra ô, ampio izahay hiaina tahaka ny olom-pirenen'ny lanitra manomboka anio. Aoka ny masonay hiala amin'ny tenanay ka hitodika any amin'ny hafa. Iza amin'ireo olona manodidina anay no mila sofina hihaino azy ankehitriny? Iza no mila sakafo mafana na fitafiana ho an-janany? Iza no te handre ny fijoroana ho vavolombelona ataonay momba ny herin'i Jesôsy manova fiainana? Miresaha amin'ny fonay ka ampitoero eo amin'ny fiainanay anio ny fanjakanao.

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**

**Fisaorana sy fiderana**: Misaora an'Andriamanitra noho ireo fitahiana manokana nomeny, ary derao Izy noho ny fahatsarany.

**Fiaiken-keloka**: Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaora an'Andriamanitra noho ny famelany heloka.

**Fitarihana**: Angataho Andriamanitra hanome fahendrena hiatrehana ny zava-tsarotra sy hahaizana mandray fanapahan-kevitra.

**Ny fiangonantsika**: Angataho Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eo an-toerana sy maneran-tany.

**Antom-bavaka eo an-toerana**: Mivavaha hahazoan'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana, ary ny mpifanolo-bodirindrina, izay ilainy ankehitriny.

**Mihaino sy mamaly**: Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra, ary manaova fiderana na hira fankalazana ho setrin'izany.

**Soso-kevitra momba ny hira**: (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra)

# ANDRO 7 – HATAO ANIE NY SITRAPONAO ETỲ AN-TANY TAHAKA NY ANY AN-DANITRA

*"Fa Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, (...) mba hanome anareo fanantenana ny amin'ny farany."* – Jer. 29:11.

**Izy no Tompo**

Samy manana drafitra isika rehetra, drafitra mahafaoka andro maro sy drafitra ho an'ny andro iray. Matetika no mitady ny fanampian'Andriamanitra sy ny fitahiany ho fanatanterahana ny drafitsika isika, rehefa mivavaka, fa tsy mitady hahafantatra ny drafitr'Andriamanitra. Hoy Andriamanitra: "*Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo*" - Jer. 29:11. Tsy maintsy manaraka ny drafitr'Andriamanitra ianao raha te hahazo fitahiana sy harena avy Aminy.

Isika indray no milaza amin'Andriamanitra izay tokony hatao, toy ny hoe isika no tompo fa Izy kosa mpanompo. Tsarovy fa Andriamanitra Izy, Izy no Tompo. Izy no tokony hilaza amintsika izay tokony hatao. *"Isa-maraina dia manokàna ny tenanao ho an'Andriamanitra mandritra io andro io. Atolory Azy ny fikasanao rehetra, mba hotanterahiny na hajanona, araka ny fandaharana asehony. Mametraka ny fiainanao isan'andro isan'andro ho eo am-pelatanan'Andriamanitra ianao raha manao izany; ary amin'izay dia ho voamboatra lalandava ho tonga tahaka ny fiainan'i Kristy ny fiainanao."* – Ny Dia Ho eo amin'i Kristy, t. 81).

Tsarovy izao teny izao, ao amin'ilay vavaka nampianarin'ny Tompo: *"hatao anie ny sitraponao etỳ an-tany tahaka ny any an-danitra."* Manompo an'Andriamanitra ny anjely any an-danitra. Manome asa hotanterahin'izy ireo ny Tompo, ary dia ataony izany. Izao no valin-teniny, "Eny Tompoko," dia lasa izy ireo. Tsy misy amin'izy ireo milaza Aminy izay tokony hatao, tsy misy miady varotra na milaza hoe: "Mbola sahirana aho" na hoe "Rehefa avy eo izany hataoko." Tsy misy milaza hoe: "Tsy ananako ny fitaovana hanaovana izany" na hoe "Mahita hevitra tsara kokoa aho." Rehefa maniraka ny anjely hanao zavatra Izy, dia manatanteraka izy ireo, satria fantany fa omen'Andriamanitra ny fitaovana rehetra ilaina amin'izany.

Indray andro dia nandeha fiara hanao dia lavitra mandritra ny iraika ambin'ny folo ora izahay mivady. Araka ny mahazatra dia nanontany ny drafitr'Andriamanitra ho an'io andro io izahay, ary nangataka Azy haneho aminay ny fotoana ahafahana manao fanompoana. Rehefa adiny dimy teo no lasa, dia niantso anay ny pasitora namanay akaiky iray. "Mivavaha ho ahy" hoy izy. "Tokony handeha ho any Cuba aho izao hanao asa fitoriana, saingy simba ny fiarako, ary tsy tonga ny fiara fitateram-bahoaka."

Fantatro fa tao amin'ny faritra nolalovanay tamin'io fotoana io indrindra ny fonenany, ka hoy aho: "Aiza marina moa no misy anao izao?" Dia natorony anay teo ny lalana mankany. Raha mbola niteny tamiko izy, dia tonga teo amin'ilay lalana tokoa izahay. "Efa eto izahay!" hoy aho nihoraka. "Ahoana no nahatonga izany?" hoy ilay namako. "Adiny dimy mianavaratra ny tranonay no misy anao!" Dia nizotra tamin'ny lalana nankany amin'ilay toerana nisy azy izahay, naka azy, ary nitondra azy tany amin'ny seranam-piaramanidina. Tafiditra soamantsara tao anatin'ny fiaramanidina izy ary lasa tany Cuba!

Matetika loatra isika no mitebiteby lava ka tsy mahomby amin'ny ezaka ataontsika satria ny drafitra ataontsika ihany no arahintsika. Tsy mahita lavitra anefa isika, tsy fantatsika amin'ny fahafenoany ny zava-misy. Tsy fantatsika ny hoavy, fa Andriamanitra no mahafantatra izany. Ary tia antsika Izy.

"*Betsaka loatra ireo izay manao drafitra no tonga eo amin'ny tsy fahombiazana tanteraka. Avelao Andriamanitra hanao drafitra ho anao. (…) Na oviana na oviana, Andriamanitra dia tsy mitarika ny zanany amin'ny fomba hafa noho izay nofidin'izy ireo hitarihana azy, raha hitan'izy ireo ny voalohany sy ny farany, ka fantany ny voninahitry ny fikasana tanterahiny amin'ny mahampiara-miasa azy Aminy.*" – Tanamasoandron'ny Fahasalamana, t. 319 (np).

Tsy maintsy mahafantatra ny sitrapon'Andriamanitra ianao mba hanatanterahanao izany, koa mila mihaino Azy koa ianao ao anatin'ny vavaka. Manan-danja lehibe lavitra izay lazainy aminao, mihoatra noho izay lazainao Aminy. Ilaintsika "*ny hanao fanandramana manokana ny amin'ny fahalalana ny sitrapon'Andriamanitra. Tsy maintsy ny tenantsika manokana no mandre Azy miteny amin'ny fo. Rehefa mangina ny feo hafa rehetra, ka miandry eo anatrehany amim-pahatoniana isika, dia hampahazava ny feon'Andriamanitra ny fahanginan'ny fanahy.*" – Tanamasoandron'ny Fahasalamana, t. 31.

Miresaka amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka isika, ary miresaka amintsika amin'ny alalan'ny Teniny Izy. Miara-dalana mandrakariva ny vavaka sy ny fandinihana ny Tenin'Andriamanitra; tsy tokony hosarahina velively ireo. "Feon'Andriamantra miteny amintsika ny Baiboly; dia toy ny fandrenesantsika feo eo am-poto-tsofintsika mihitsy." - Testimonies for the Church, b. 6, t. 393.

Azontsika ambara Aminy tokoa izay ilaintsika. Asaina mametraka Aminy ny fanahiantsika rehetra isika (1 Pet. 5:7). Tsy mahadiso antsika tsy akory ny mangata-bonjy Aminy. Kanefa amin'izany dia tsy mampahafantatra an'Andriamanitra izay tsy mbola fantany isika, fa maneho ny fanekentsika ny fanampiany kosa. Nomen'Andriamanitra fahafaha-misafidy isika, ary hajainy ny safidintsika. Tsy hanery antsika hanaraka ny sitrapony na oviana na oviana Izy. Miandry antsika hangataka Izy, miandry antsika hifidy ny fanampiany, izay vao afaka miditra an-tsehatra.

Mivavaha, ianaro ny Teny, saintsaino izany. Ambarao izay ilainao sy ny fikasanao, ary angataho ny fitarihana sy ny fitantanan'Andriamanitra. Ataovy laharam-pahamehana ny drafitr'Andriamanitra. Katsaho aloha Andriamanitra, dia matokia fa Izy no hiahy anao amin'izay rehetra ilainao, araka ny teny fikasany (Mat. 6:33). Aoka ianao ho vonona mandrakariva hanompo Azy sy hanao ny sitrapony. Lazao hoe: "Inty aho Tompo ô. Ampiasao aho anio. Aoka ho tanteraka eo amin'ny fiainako anio ny sitraponao."

Andeha hiaraka hivavaka isika.

**Fotoam-bavaka (30–45 minitra)**

***Samy manana ny fomba anaovany ny fiarahany mivavaka ny vondrom-bavaka rehetra. Mampirisika anao izahay mba hanokana ny 30-45 minitra ho an'ny vavaka iraisana, araka izay itarihan'ny Fanahy Masina. Ampirisihina ny fanaovana vavaka ifandimbiasana, ifampivavahana ao anatin'ny fotoana fohy (fehezanteny 1-3), mba hahafahan'ny olona maro kokoa mivavaka imbetsaka. Misy ohatra vitsivitsy amin'izany eo ambany, vavaka izay mifototra amin'ny Soratra Masina araka ny lohahevitra. Azonao atao koa ny mivavaka mifototra amin'ny andinin-tSoratra Masina hafa ary mampiditra antom-bavaka hafa mandritra ny fotoana ivavahanao. Jereo ny tari-dalana ho an'ny mpitarika sy ny antom-bavaky ny fiangonana maneran-tany mba hahitanao ireo antom-bavaka azo tononina.***

**Mivavaka araka ny tenin'Andriamanitra – Jer. 29:11**

*"Fa Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, (...) mba hanome anareo fanantenana ny amin'ny farany."*

***"Fa Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo"***

Tompo ô, revo loatra miezaka manatratra ny tanjonay izahay. Mamelà ny helokay amin'ny fanirianay fatratra hanatanteraka ny sitraponay, amin'ny fitiavam-bolanay, amin'ny fitiavan-tenanay. Fa asehoy anay kosa ny drafitrao. Ataovy mitodika any amin'izay ilain'ny manodidina anay izahay. Aoka ho vonona hanompo ny tananay sy ny tongotray.

***"(...) mba hanome anareo fanantenana ny amin'ny farany"***

Andriamanitra ô, rava sy mandamòka ny drafitray etỳ an-tany, fa ny drafitrao kosa mahafaoka hatrany amin'ny mandrakizay. Enga anie mba tsy haharitra ao anatin'ny tsy fahombiazana izahay. Omeo finoana izahay hahitanay topy maso ny amin'ny fanjakanao anio. Aoka ny fiainanao ho fiainanay.

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**

**Fisaorana sy fiderana**: Misaora an’Andriamanitra noho ireo fitahiana manokana nomeny, ary derao Izy noho ny fahatsarany.

**Fiaiken-keloka**: Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an’ny tena manokana ary misaora an’Andriamanitra noho ny famelany heloka.

**Fitarihana**: Angataho Andriamanitra hanome fahendrena hiatrehana ny zava-tsarotra sy hahaizana mandray fanapahan-kevitra.

**Ny fiangonantsika**: Angataho Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon’ny fiangonantsika eo an-toerana sy maneran-tany.

**Antom-bavaka eo an-toerana**: Mivavaha hahazoan’ny mambran’ny fiangonana, ny fianakaviana, ary ny mpifanolo-bodirindrina, izay ilainy ankehitriny.

**Mihaino sy mamaly**: Manokàna fotoana hihainoana ny feon’Andriamanitra, ary manaova fiderana na hira fankalazana ho setrin’izany.

**Soso-kevitra momba ny hira**: (Mifidiana hira mifanaraka amin’ny lohahevitra)

## ANDRO 8 – OMEO ANAY ANIO IZAY HANINA SAHAZA HO ANAY

*“Ary aza mba ketraka amin’ny fanaovan-tsoa isika; fa amin’ny fotoan’andro no hijinjantsika, raha tsy reraka isika. Koa araka ny ananantsika andro hanaovana, dia aoka isika hanao soa amin’ny olona rehetra, indrindra fa amin’ny mpianakavin’ny finoana.”* – Gal. 6:9,10.

**Hanome izay ilaintsika Andriamanitra**

Nanokana fotoana hitsinjarana ny volako aho indray andro. Natokako aloha ny ampahafolony, ary ampahany kely kokoa hanohanana ny asa fitoriana sy ny mahantra, dia naloako avokoa ny faktiora. Nisy ampahany natokako handoavana ny saram-pianaran’ny zanako, ary kely sisa ny ambiny ho an’ny sakafo sy izay zavatra hafa mety hilainay. Dia namelona ny fiara aho ka lasa nandoa ny saram-pianaran’ny zanako. Avy be ny orana tamin’izay.

Teo aloha kelin’ilay lalana mankany an-tsekoly dia nisy ramatoa iray toa nila vonjy. Nijanona aho ary nahita fa io ilay ramatoa vao avy nataoko batisa volana vitsivitsy izay. Nitomany izy.

“Fa misy inona?” hoy aho nanontany. Dia notantarainy fa very asa izy sy ny namany maro vokatry ny fikatonan’ny orinasa teo akaiky teo. Avy eo dia voaroaka niala ny tranony izy sy ny zanany roa satria tsy nahaloa hofan-trano. Ary izao dia tsy misy hohanina intsony izy ireo.

Nentiko tany amin'ny fivarotana enta-madinika iray izy, ka nividianako sakafo iray harona tamin'ny ampaham-bola tokony handoavako ny saram-pianarana. Teo am-piverenanay tamin'ilay lalana mankany an-tsekoly dia nantsoiko ilay tompon-trano ka rehefa nifanazava ela izahay dia nanaiky nifanaraka tamiko ny amin'ilay hofan-trano ihany izy nony farany, ka naloako tamin'ny ambin'ny saram-pianarana ny antsasak'ilay hofan-trano, ary ny antsasany kosa navotsotr'ilay tompon-trano. Niantso ireo mambran'ny kômitin'ny fiangonana aho, ary izy ireo no nandoa ny faktioran'ny jiro. "Izao koa" hoy aho, "rehefa tafarina amin'izao toe-javatra manjo anao izao ianao, dia manampia olona hafa izay sahirana koa." Dia velom-pankasitrahana izy.

Rehefa tonga tao an-trano aho ka nilaza tamin'ny vadiko ny fanahiako momba ny fandoavana ny saram-pianaran'ny zanakay, dia namaly ahy tamim-pifaliana izy hoe: "Hanome izay ilaintsika Andriamanitra". Ny folakandro, raha nisava tao amin'ny boaty fitoeran'ny taratasy tonga aho dia nahita valopy iray nisy taratasim-bola. Ny vola laniko nanampiana ilay ramatoa indrindra no tontalim-bola nisoratra tao.

Miahy antsika mihoatra noho ny fiahiantsika ny zanatsika Andriamanitra. Manome toky Izy fa tsy ho diso sakafo hohanina isika (Isa. 33:16). Mariho anefa ilay teny hoe *"anay"* ato amin'ity andininy ity: *"Omeo **anay** anio izay hanina sahaza ho **anay**."* Hazavain'i Jesôsy amin'izany fa tsy tokony hangataka ho an'ny tenantsika fotsiny isika fa ho an'ny manodidina antsika koa. Raha ny marina dia manambara mazava ny Baiboly fa tokony ho tia ny hafa tahaka ny tenantsika isika (Mar. 12:31), ary mila mivavaka ho an'ny hafa (Jak. 5:16). *"Mifampitondrà izay mavesatra, ary aoka izany no hahatanterahanareo ny lalàn'i Kristy."* - Gal. 6:2. Izany no nataon'ireo mpianatra tamin'ny taonjato voalohany. Niray fo sy saina izy ireo tamin'izay rehetra nataony (Asa. 4:32).

*"Tsy tokony ho fangatahana feno fitiavan-tena ny fivavahantsika, ka hifantoka amin'ny tombontsoa ho antsika fotsiny. Tokony hangataka isika mba hahazoantsika manome. Ny fotokevitry ny fiainan'i Kristy no tsy maintsy ho foto-kevitry ny fiainantsika. (…) Tokony hangataka fitahiana avy amin'Andriamanitra isika mba hahazoantsika mampita izany amin'ny hafa. Tsy voatana ny fahazoa-mandray raha tsy mizara. Tsy azontsika atao ny mitohy mandray harena avy any an-danitra raha tsy mampita izany amin'ireo manodidina antsika isika."* – Henoinareo ny Fanoharana, tt. 115,116.

Mariho fa tsy miresaka momba ny hanina rahampitso ny vavaka nampianarin'ny Tompo, fa ny anio ihany. Tsy afaka nanangona mana afa-tsy izay sahaza hohaniny ao anatin'ny iray andro ihany ny Isiraely isan'andro (Eks. 16:4). Tsy tian'Andriamanitra hanahy ny amin'ny ampitso isika (Mat. 6:34). Ny ho an'ny anio no angataho. Mangataha mba ho afaka hizara. Katsaho

izay hanampiana ny hafa. Tokony hanaporofo ny fitiavany an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanampiana ny manodidina azy aloha ny mpianatr'i Kristy, izay vao mitory ny filazantsara.

Amin'ny andro fitsarana dia tsy hanontany anao i Jesôsy raha nankany am-piangonana ianao na nanao zavatra tsara hafa, na marina aza fa tsy tokony hanadino ny fiarahantsika miangona isika (Heb. 10:25). Izao kosa no holazainy, "Nitanjaka sy noana ary nangetaheta aho. Ny fomba nanehoanao fitiavana tamin'ny manodidina anao dia naneho marina ny fitiavanao Ahy" (Jereo ny Mat. 25:31–45).

Miantso anao Andriamanitra hivavaka ho an'ny mpifanolo-bodirindrina aminao, haneho fitiavana aminy, ary ho fitahiana ho an'ny manodidina anao rehetra.

Andeha hiaraka hivavaka isika.

**Fotoam-bavaka (30–45 minitra)**

***Samy manana ny fomba anaovany ny fiarahany mivavaka ny vondrom-bavaka rehetra. Mampirisika anao izahay mba hanokana ny 30-45 minitra ho an'ny vavaka iraisana, araka izay itarihan'ny Fanahy Masina. Ampirisihina ny fanaovana vavaka ifandimbiasana, ifampivavahana ao anatin'ny fotoana fohy (fehezanteny 1-3), mba hahafahan'ny olona maro kokoa mivavaka imbetsaka. Misy ohatra vitsivitsy amin'izany eo ambany, vavaka izay mifototra amin'ny Soratra Masina araka ny lohahevitra. Azonao atao koa ny mivavaka mifototra amin'ny andinin-tSoratra Masina hafa ary mampiditra antom-bavaka hafa mandritra ny fotoana ivavahanao. Jereo ny tari-dalana ho an'ny mpitarika sy ny antom-bavaky ny fiangonana maneran-tany mba hahitanao ireo antom-bavaka azo tononina.***

**Mivavaka araka ny tenin'Andriamanitra – Gal. 6:9,10**

*"Ary aza mba ketraka amin'ny fanaovan-tsoa isika; fa amin'ny fotoan'andro no hijinjantsika, raha tsy reraka isika. Koa araka ny ananantsika andro hanaovana, dia aoka isika hanao soa amin'ny olona rehetra, indrindra fa amin'ny mpianakavin'ny finoana."*

***"Ary aza mba ketraka amin'ny fanaovan-tsoa isika"***

Ray ô, indraindray reraky ny fanaovana asa fanompoana izahay. Mifantoka loatra amin'ny drafitra ataonay sy ny vokany izahay ka manadino fa Ianao no Loharanon'ny hery rehetra. Mba atodiho Aminao re ny masonay. Velombelomy ny fanahinay ary fenoy ny fitiavanao tsy mety ritra izahay, hoenti-manampy izao tontolo izao mahantra.

***"(…) fa amin'ny fotoan'andro no hijinjantsika, raha tsy reraka isika"***

Misaotra Tompo ô noho io teny fikasanao io, fa ho avy tokoa ny andro fijinjana. Aoka ny tananay ho mahatoky eo am-pambolenay sy eo am-panondrahanay ny voan'ny finoana ao amin'ny hafa. Miantehitra Aminao izahay ny amin'izay ho vokany!

***"(...) aoka isika hanao soa amin'ny olona rehetra"***

Andriamanitra ô, aoka ny masonay ho masonao, mba hahitanay ireo fotoana rehetra fanararaotra hanaovana asa fanompoana. Ampianaro anay ny fomba fanehoana fitiavana amin'ny zanakay, amin'ny vadinay, amin'ny mpifanolo-bodirindrina aminay, ary amin'ireo mambra mpiray fanantenana aminay. Faly tokoa izahay fa anisan'ny ankohonanao Andriamanitra!

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**

**Fisaorana sy fiderana**: Misaora an'Andriamanitra noho ireo fitahiana manokana nomeny, ary derao Izy noho ny fahatsarany.

**Fiaiken-keloka**: Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaora an'Andriamanitra noho ny famelany heloka.

**Fitarihana**: Angataho Andriamanitra hanome fahendrena hiatrehana ny zava-tsarotra sy hahaizana mandray fanapahan-kevitra.

**Ny fiangonantsika**: Angataho Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eo an-toerana sy maneran-tany.

**Antom-bavaka eo an-toerana**: Mivavaha hahazoan'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana, ary ny mpifanolo-bodirindrina, izay ilainy ankehitriny.

**Mihaino sy mamaly**: Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra, ary manaova fiderana na hira fankalazana ho setrin'izany.

**Soso-kevitra momba ny hira**: (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra)

## ANDRO 9 – MAMELÀ NY HELOKAY TAHAKA NY NAMELANAY IZAY MELOKA TAMINAY

*"Fa raha mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia mba hamela ny anareo kosa ny Rainareo Izay any an-danitra."* – Mat. 6:14.

**"Tsy tsapako izany"**

Efa be taona ilay ramatoa iray izay, ary efa loholona tao amin'ny fiangonana misy ahy nandritra ny taona maro. Any amin'ny hôpitaly izy ankehitriny. Rehefa namangy azy aho dia hoy izy: "Aza mivavaka ho ahy fa efa very aho."

“Nahoana ianao no miteny izany?” hoy aho. “Pasitora ô, nanota aho. Nahavita heloka lehibe aho tamin’ny fahatanorako.” “Nangataka famelan-keloka tamin’Andriamanitra ve ianao?” “Oh, nangataka izany isan’andro teo amin’ny fiainako aho, saingy tsy namela ahy velively Izy.” “Ahoana no ahafantaranao izany?” “Ka tsy tsapako izany” hoy izy. Nifanakalo hevitra teo izahay, ary teo am-pamaranana ny resakay dia nahita fiadanana sy fifaliana izy.

Ahoana no fahatsapanao ny famelan-keloka? Mahatsiaro hafanana ao amin’ny vatanao ve ianao, sa hatsiaka amin’ny tananao ankavanana, sa volivoly eo amin’ny hatoka? Misy fofona ve izany?

Mazava ny voalazan’ny Baiboly. “*Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin’ny tsi-fahamarinana rehetra.*” - 1 Jao. 1:9. Tsy milaza izany fa ny fahotana madinika ihany no avelany, na koa hoe misy fetra ny isan’ny fahotana azo avela. Milaza mazava kosa izany fa raha miaiky ny fahotantsika isika dia avelany avokoa ny helotsika REHETRA. Ny fepetra: tsy maintsy miaiky ianao. Ny toky omena: mamela heloka Andriamanitra. Ataovy ny anjaranao, dia hanao ny anjarany Andriamanitra.

Tsy zavatra tsapanao na azonao porofoina ara-tsiansa ny famelan-keloka. Finoana no anekenao izany. Hazony amin’ny teniny Andriamanitra, ary minoa fa Andriamanitra tsy mba mandainga. Tsy hainao hazavaina izany, tsy mendrika izany ianao, kanefa fantatrao fa efa nanome toky Andriamanitra, ary azo antoka zato isan-jato ny fahatanterahan’ny teny fikasany satria miorina amin’ny toetrany sy ny Teniny izany. Tsy misy zavatra hafa azo antoka mihoatra noho ny Tenin’Andriamanitra.

Amin’ny fotoana iaikenao ny fahotanao indrindra no voavela ny helokao. Efa naloan’i Jesôsy teo amin’ny hazo fijaliana ny onitra noho ny fahotanao. Izy no *“Zanak’ondrin’Andriamanitra, Izay manaisotra ny fahotan’izao tontolo izao”* – Jao. 1:29. Ampy ho antsika ny rany, ary amin’ny rany no ananantsika fanavotana, dia ny famelana ny helotsika rehetra (Efes. 1:7).

Rehefa avy miaiky ny fahotanao ianao dia mila maneho finoana, mila mifidy ny hino fa manatanteraka tokoa ny teny fikasany Andriamanitra. *“Abrahama nino an’Andriamanitra, ka dia nisaina ho fahamarinany izany”* - Rôm. 4:3. Tsarovy fa “ny marina ho velon’ny finoana.” - Rôm. 1:17 (naoty erỳ ambany). Miasa Andriamanitra rehefa mino ianao, ary voavela ny helokao. Aza miezaka hanazava izany na miezaka ny ho mendrika izany. “*Fa fahasoavana no namonjena anareo amin’ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin’Andriamanitra*” - Efes. 2:8.

*“Tamin’izany finoana tsotra an’Andriamanitra izany, no efa naharian’ny Fanahy Masina fiainam-baovao ao am-ponao. Tonga anisan’ny ankohonan’Andriamanitra*

*ianao, ka tiany tahaka ny itiavany ny Zanany.*" – Ny Dia Ho eo amin'i Kristy, t. 62. Na ny famelan-keloka na ny fahamarinana na ny famonjena, dia samy fanomezana avy amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny finoana.

*"Dia toy izany koa amin'ny maha-mpanota anao. Tsy azon'ny tenanao atao ny hahafaka ny fahotanao tamin'ny lasa; tsy hainao ny hanova ny fonao, ka hahatonga ny tenanao ho masina. Nefa manaiky hanao izany ho anao amin'ny alalan'i Kristy Andriamanitra. Minoa izany teny fikasana izany. (…) Raha mino izany teny fikasana izany ianao, (…) dia hanefa ny anjarany kosa Andriamanitra. (…) Aza miandry hahatsiaro ho sitrana ianao, fa ataovy hoe: 'Mino aho fa sitrana; izany tokoa, tsy satria nahatsiaro fa sitrana, fa satria nampanantena izany Andriamanitra'"* – ny Dia Ho eo amin'i Kristy, t. 61.

Rehefa mibanjina ny hazo fijalian'i Jesôsy ianao, dia mahita topy maso ny amin'ilay fanehoam-pitiavana faratampony: Jesôsy, Ilay Mpahary, Ilay niteny dia ary ny zavatra rehetra, manarona ny tavany ny anjely eo anatrehany, Ilay Andriamanitr'izao tontolo rehetra izao, Izay nidina ka tonga olombelona. Izy Izay masina no nanaisotra ny fahotanao, ary maty ho anao manokana Izy. Maty ho anao Andriamanitra.

Banjino ny hazo fijaliany. Ho hitanao fa izay efa nanandrana ny fahasoavana dia mizara fahasoavana be amin'ny hafa koa. Izay efa nanandrana ny famelan-keloka dia mamela heloka. "*Ny fototry ny famelan-keloka rehetra dia hita eo amin'ilay fitiavan'Andriamanitra izay tsy mendrika ho antsika akory, nefa ny fihetsitsika amin'ny hafa dia mampiseho na noraisintsika ho antsika izany fitiavana izany na tsia.*" – Henoinareo ny Fanoharana, t. 212.

Andeha hiaraka hivavaka isika.

**Fotoam-bavaka (30–45 minitra)**

***Samy manana ny fomba anaovany ny fiarahany mivavaka ny vondrom-bavaka rehetra. Mampirisika anao izahay mba hanokana ny 30-45 minitra ho an'ny vavaka iraisana, araka izay itarihan'ny Fanahy Masina. Ampirisihina ny fanaovana vavaka ifandimbiasana, ifampivavahana ao anatin'ny fotoana fohy (fehezanteny 1-3), mba hahafahan'ny olona maro kokoa mivavaka imbetsaka. Misy ohatra vitsivitsy amin'izany eo ambany, vavaka izay mifototra amin'ny Soratra Masina araka ny lohahevitra. Azonao atao koa ny mivavaka mifototra amin'ny andinin-tSoratra Masina hafa ary mampiditra antom-bavaka hafa mandritra ny fotoana ivavahanao. Jereo ny tari-dalana ho an'ny mpitarika sy ny antom-bavaky ny fiangonana maneran-tany mba hahitanao ireo antom-bavaka azo tononina.***

**Mivavaka araka ny tenin'Andriamanitra – Mat. 6:14**

*"Fa raha mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia mba hamela ny anareo kosa ny Rainareo Izay any an-danitra."*

***"Fa raha mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo"***

Ray ô, miaiky izahay fa indraindray dia tsy te hamela heloka. Afaho amin'ny fangidiana sy ny lolom-po izahay. Ovao ny fonay, ka aoka izahay ho fantsona hiampitan'ny fahasoavanao amin'ny hafa. Aoka hanjary namanay ny fahavalonay, ka ampiraiso ao amin'ny fanompoana ny fonay ho fampandrosoana ny fanjakanao.

***"(...) hamela ny anareo kosa ny Rainareo Izay any an-danitra"***

Misaotra Tompo ô, noho ny fibebahana sy ny fanavotana, izay fanomezana avy Aminao kanefa tsy mendrika anay akory. Indraindray sarotra aminay ny manaiky ny famelan-keloka avy Aminao, ka miezaka manao izay ahazoana sitraka Aminao izahay. Ampianaro handray amim-pifaliana ny famelan-keloka avy Aminao izahay, sy haneho fahasoavana amin'ny hafa koa.

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**

**Fisaorana sy fiderana**: Misaora an'Andriamanitra noho ireo fitahiana manokana nomeny, ary derao Izy noho ny fahatsarany.

**Fiaiken-keloka**: Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaora an'Andriamanitra noho ny famelany heloka.

**Fitarihana**: Angataho Andriamanitra hanome fahendrena hiatrehana ny zava-tsarotra sy hahaizana mandray fanapahan-kevitra.

**Ny fiangonantsika**: Angataho Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eo an-toerana sy maneran-tany.

**Antom-bavaka eo an-toerana**: Mivavaha hahazoan'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana, ary ny mpifanolo-bodirindrina, izay ilainy ankehitriny.

**Mihaino sy mamaly**: Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra, ary manaova fiderana na hira fankalazana ho setrin'izany.

**Soso-kevitra momba ny hira**: (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra)

## ANDRO 10 – AZA MITONDRA ANAY HO AMIN'NY FAKAM-PANAHY

*"(...) fa Andriamanitra tsy azon'ny ratsy alaim-panahy, sady tsy mba maka fanahy olona Izy."* – Jak. 1:13.

**Izany tokoa ve no ataon'Andriamanitra?**

Masina Andriamanitra, fitiavana Izy. Tsy maka fanahy na iza na iza Izy; isika ihany no maka fanany ny tenantsika (Jak. 1:14,15). Koa efa mba nosaininao ve ny tian'i Jesôsy ambara ao amin'ilay vavaka nampianariny hoe: *"Aza*

*mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy"*? Tsy nilaza tsy akory i Jesôsy fa Andriamanitra no maka fanahy antsika hanota ka mila mitalaho Aminy isika mba tsy hanosehany antsika ho amin'izany.

Koa inona àry ny hevitr'izany? Saika manana heviny mihoatra ny iray avokoa ny voanteny sy ny voambolana rehetra amin'ny teny grika. Koa tsy maintsy mijery ilay teny tany am-piandohana isika ka mikaroka ny tontolon-keviny. Ny teny grika nadika hoe: *"mitondra"* dia *eisphero*. Azo adika toy izao io andininy io: "Aza avelanao handeha izahay, aza ilaozanao izahay, sakano izahay." Tsy midika hoe "mitaona" ho amin'ny fahotana izany.

Ny teny grika hoe *peirasmon* kosa no nadika hoe *"fakam-panahy"*. Azo adika hoe "fizahan-toetra, fitsapana, na zava-tsarotra" sns, izany. Koa azo lazaina ho toy izao ny hevitry ny hoe *"aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy"*: "Aza ilaozanao re izahay, fa raha irery mantsy izahay dia ho lavo amin'ny fahotana na hitoetra ao amin'ny fahotana izay efa nahalavo anay" na koa: "Raha zahanao toetra aho, dia aza avela ho irery, na aza avelanao hijanona irery eto ela loatra, fandrao ho lavo amin'ny fahotana."

Indraindray misy toe-javatra manokana avelan'Andriamanitra mitranga aminao mba hahafantaranao marina ny toe-po sy ny toe-panahinao, hanokafana ny masonao hahita ny momba anao sy izay ilainao. *"Tsy fantatrao fa hianao no ilay ory sy mahantra sy malahelo sy jamba ary mitanjaka"* - Apôk. 3:17, hoy ny Baiboly. Raha marary ianao dia mankany amin'ny dokotera; saingy ahoana no ahafahanao mamaha ny olana izay tsy fantatrao akory ny fisiany?

Rehefa fantatsika ny tenantsika, dia tsapantsika ny maha-mpanota antsika sy ny filantsika an'i Jesôsy. *"Ireo izay velona akaiky indrindra an'i Jesosy dia hahita mazava kokoa ny fahalemen'ny olombelona sy ny toe-pahotana misy azy, ary ny hany fanantenana dia ny fahamendrehan'ny Mpamonjy nohomboana tamin'ny hazo fijaliana sy nitsangana tamin'ny maty."* – Hery Mifanandrina, tt. 485,486.

Nizaha toetra ny mpanjaka Hezekia Andriamanitra (2 Tant. 32:31). Voalaza ao amin'ny Ohab. 17:3 fa zahan'Andriamanitra toetra ny fontsika. Nivavaka toy izao i Davida: *"Diniho aho, Jehovah ô, ka fantaro; izahao toetra ny voako sy ny foko"* - Sal. 26:2. Milaza i Petera fa indraindray ny fizahan-toetra mahamay dia natao ho fitsapana ny toetrantsika (1 Pet. 4:12).

"*Ny fahalalantsika ny faharatsiantsika no manetsika antsika hiantoraka eny an-tsandrin'Ilay mahavela heloka. Ary raha ny fanahy izay mahatsiaro tsy fahombiazana no mitady an'i Kristy dia hiseho amin-kery amin'izany fanahy izany Izy.*" – Ny Dia Ho eo amin'i Kristy, t. 75.

Noho izany, *“Mikendry mandrakariva ny hampanalavirana ny fanahy vesaram-pahoriana amin’Andriamanitra ilay fahavalontsika lehibe.”* - Vavaka, t. 104. Fantany fa raha misaraka amin’Andriamanitra isika, dia ho lavo amin’ny fahotana.

Ezahin’i Jesôsy asongadina ny tsiambaratelon’ny hery sy ny fandresena ao amin’ny tapany farany amin’ilay vavaka nampianariny. Ambarany fa ny hany fanantenantsika dia ny mitoetra mandrakariva ao amin’i Jesôsy, ny manana an’i Jesôsy ao anatintsika, ny tsy misaraka Aminy na oviana na oviana, ny tsy manalavitra Azy na oviana na oviana. *“Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra”* - Kôl. 1:27b.

Raha ny tenantsika samirery dia tsy manan-kery hanova na hanamboatra ny fontsika ho vaovao isika. Saingy mazava sy azo antoka ny teny fikasana fa izay “(…) *olona ao amin’i Kristy, dia olom-baovao (…)*” - 2 Kôr. 5:17.

Koa ahoana no hahafantaranao ny tenanao mba hahitanao ny toerana misy anao eo amin’ny dianao ara-panahy? Ny voa no amantarana azy, hoy i Jesôsy (Mat. 7:16). Amin’ny fomba ahoana no hamoazanao? Amin’ny fifandraisanao tsy tapaka amin’i Kristy (Jao. 15:1–5) sy amin’ny alalan’ny Fanahy Masina manjaka ao anatinao (Gal. 5:22,23).

“Mametraka ny olona ho isan’ny fiangonana ny fiaikem-pinoana, kanefa ny toetrany sy ny fitondran-tenany no maneho raha mifandray tsy tapaka amin’i Kristy izy.” – Desire of Ages, t. 676. Ary raha mitoetra ao Aminy mandrakariva ianao, dia tsy ilainao ny hahafantatra ny fomba fiasany; mila matoky Azy fotsiny ianao. Mamonjy izay rehetra manatona Azy Izy (Heb. 7:25).

“*Ny hany fiarovana amin’ny ratsy dia ny fitoeran’i Kristy ao amin’ny fo*.” – Ilay Fitiavana Mandresy, t. 340.

Miantso anao Andriamanitra mba hivavaka tsy mitsahatra, mba hiantso tsy tapaka ny anaran’ny Tompo, hiara-dia Aminy, ary amin’ny fahatsapana ny fanatrehany sy amin’ny fianteherana tanteraka Aminy, mba tsy hisaraka Aminy na oviana na oviana. Izany no hany tanjakao. Ary manome toky Izy fa raha manatona Azy ianao “dia hanatona anao Izy” – Jak. 4:8.

Andeha hiaraka hivavaka isika.

**Fotoam-bavaka (30–45 minitra)**

***Samy manana ny fomba anaovany ny fiarahany mivavaka ny vondrom-bavaka rehetra. Mampirisika anao izahay mba hanokana ny 30-45 minitra ho an’ny vavaka iraisana, araka izay itarihan’ny Fanahy Masina. Ampirisihina ny fanaovana vavaka ifandimbiasana, ifampivavahana ao anatin’ny fotoana fohy (fehezanteny 1-3), mba hahafahan’ny olona maro kokoa mivavaka imbetsaka. Misy ohatra vitsivitsy amin’izany eo ambany,***

***vavaka izay mifototra amin'ny Soratra Masina araka ny lohahevitra. Azonao atao koa ny mivavaka mifototra amin'ny andinin-tSoratra Masina hafa ary mampiditra antom-bavaka hafa mandritra ny fotoana ivavahanao. Jereo ny tari-dalana ho an'ny mpitarika sy ny antom-bavaky ny fiangonana maneran-tany mba hahitanao ireo antom-bavaka azo tononina.***

**Mivavaka araka ny tenin'Andriamanitra – Jak. 1:13**

*"(...) fa Andriamanitra tsy azon'ny ratsy alaim-panahy, sady tsy mba maka fanahy olona Izy."*

***"Andriamanitra tsy azon'ny ratsy alaim-panahy"***

Ray ô, misaotra Anao izahay noho ny nanirahanao an'i Jesôsy mba hiady sy handresy ny ratsy eo amin'ny toeranay. Tsy misy haizina velively ny miaraka Aminao, fa fahatsarana sy fahazavana. Fantatray fa efa nandresy ny ota sy ny fahafatesana Ianao, ary manova anay ho tahaka Anao. Aoka hifantoka Aminao mandrakariva ny fijerinay!

***"(...) sady tsy mba maka fanahy olona Izy"***

Tompo ô, mba arovy tsy ho azon'ny fakam-panahy re izahay andrao tafasaraka Aminao. Ampianaro izahay handositra ny filana feno fitiavan-tena izay mampanota anay, ary atodiho hahita ny toetranao tsy misy pentina ny fijerinay. Ampio izahay hankahala izay ankahalainao, ary ho tia izay tianao.

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**

**Fisaorana sy fiderana**: Misaora an'Andriamanitra noho ireo fitahiana manokana nomeny, ary derao Izy noho ny fahatsarany.

**Fiaiken-keloka**: Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaora an'Andriamanitra noho ny famelany heloka.

**Fitarihana**: Angataho Andriamanitra hanome fahendrena hiatrehana ny zava-tsarotra sy hahaizana mandray fanapahan-kevitra.

**Ny fiangonantsika**: Angataho Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eo an-toerana sy maneran-tany.

**Antom-bavaka eo an-toerana**: Mivavaha hahazoan'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana, ary ny mpifanolobodirindrina, izay ilainy ankehitriny.

**Mihaino sy mamaly**: Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra, ary manaova fiderana na hira fankalazana ho setrin'izany.

**Soso-kevitra momba ny hira**: (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra)

2024 Natontan'ny Trano Pirinty Advantista
Soamanandrariny Antananarivo
Tel. 037 23 107 18 - 037 37 107 25 - 034 86 606 99
e.mail <impriad@mea.adventist.mg>

Voatolotra ara-dalàna: DL: 751-D/10.24
Ny Natonta: 8430 isa



8 – 18 Janoary, 2025

# 10 ANDROM-BAVAKA

## Fitaovana ho an’ny ankizy

Ministera Miadidy ny Ankizy Advantista

***Ny vavaka nampianarin’ny Tompo***



## *Andro 1*
# *Miresaka amin'i Dada*

Nipetraka teo amin'ny seza tiany indrindra i Dada. Nitsiky tamin'i Katie sy i Kenny izy ary nanatsotra ny sandriny. Nihazakazaka nankeny aminy izy ireo; feno fitiavana sy fifaliana ny fihomehiny! Notsenain'i Dada tamin'ny sandriny lava be izy ireo raha nitsambikina nankeo am-pofoany. Kambana i Katie sy i Kenny, ary isaky ny avy misakafo hariva, dia niaraka nivavaka izy ireo. Nahafinaritra azy mianadahy ny fotoana mamy namihinany an'i Dada sy nihomehezany ary niresahany momba ny tontolo andron'izy ireo, ary niarahany nivavaka. Nampianatra azy momba ny vavaka iray manokana i Dada; vavaka izay nampianarin'i Jesôsy an'ireo mpianany izany.

“Tiako ianao ry Katie! Tiako ianao ry Kenny! Faly aho fa Dadanareo!” hoy i Dada sady nanoroka ny handrin'izy ireo sy ny volony miolankolana.

“Tiako ianao ry Dada!” hoy i Katie sady nanoroka ny takolak'i Dada izy.

“Izaho koa faly fa ianao no Dadako!” hoy i Kenny nibitsibitsika teo an-tsofin'i Dada.

Notantarain'izy ireo tamin'i Dada ny vaovao mampientanentana azy! Ny naoty azony tany an-tsekoly sy ny fanasana azy ireo hanatrika ny fetin'i Sammy.

“Inona ny zavatra nampalahelo indrindra nitranga androany?” hoy i Dada. Notantarain'i Kenny ny momba ny ankizilahy iray ratsy fanahy taminy. “Ohhh! Mampalahelo izany zavatra izany. Inona no azoko atao mba hahatonga anao ho faly kokoa?” Tsy azon'i Kenny antoka izay havaly izany, saingy nampahazo aina azy fotsiny ny nitantara izany tamin'i Dada.

Nalahelo i Katie satria very ny “nounours” (kilalaon'ankizy miendrika orsa vita amin'ny lamba volovoloina) tiany indrindra. “Hampiako ianao hitady an'i Nounours mialoha ny hatoriana!” hoy i Dada nampionona azy.

Namihina azy ireo i Dada raha nivavaka. “Fantatrareo ve fa toy ny fotoana ifamihinantsika sy ifampiresahantsika isan'andro ny fotoana manokana iarahantsika amin'Andriamanitra? Tiany isika, ary faly Izy rehefa miresaka Aminy isika. Mampahery antsika Izy rehefa malahelo isika, ary faly Izy rehefa faly isika!” Nitsiky i Katie sy i Kenny. Mahafinaritra ery izany tian'ilay Ray any an-danitra izany!



## Fampiharana

- Manaova zavatra izay mampahatsiahy anao fa tia anao Andriamanitra. Mitsiky Izy mijery anao ary miaraka aminao mandrakariva sy vonona hihaino ny vavakao!
- Ataovy eo an-tratranao ireo sandrinao ka fihino ny tenanao ary ataovy toy ny mamihina anao Andriamanitra! Azonao atao izany isaky ny mila fampahatsiahivana ianao fa tena tia anao Izy.

- Vakio ny Sal. 23; 103; 145; 1 Kôr. 13 ary ny 1 Jao. 4:7-21, ary ataovy lisitra ireo fomba rehetra anehoan'Andriamanitra ny fitiavany anao! Maneteza taratasy lehibe miendrika fo ary soraty eo amin'io fo lehibe io ny lisitra nataonao. Ampio hevitra vaovao hatrany izany! Hianatra bebe kokoa momba ny fitiavan'Andriamanitra isika mandritra ny mandrakizay.
- Jereo ao amin'ny https://artfulparent.com/how-to-cut-outhearts/ ny fanoroana ny fanamboarana fo taratasy.



## Hivavaka isika

- Misaora an'Andriamanitra noho ny vavaka izay fanomezana mahagaga! Azontsika atao ny miresaka amin'ilay Ray be fitiavana amin'ny fotoana rehetra, ary henony isika sady tia antsika Izy.
- Misaora an'Andriamanitra noho ny Fitiavany! Mivavaha amin'ny alalan'ny alfabeta ka derao Andriamanitra noho ireo fomba samy hafa anehoany ny Fitiavany anao; atombohy amin'ny litera tsirairay ao amin'ny alfabeta izany.
- Mangìna ka henoy ny Fitiavan'Andriamanitra anao. Inona no hambarany aminao anio, mba hampahafantarany anao fa tiany tokoa ianao?



## *Andro 2*

# *Rainay izay any an-danitra*

Nipetraka teo amin'ilay seza manokana fipetrahany niaraka tamin'i Katie sy i Kenny i Dada. Toa nalahelo ny fijery azy. Tamin'io folakandro io, dia hadinony ny naka azy ireo tany am-pianarana! Nitomany i Katie ary nalahelo koa i Kenny. Tsy mbola nanadino naka azy ireo tany am-pianarana mihitsy i Dada hatrizay.

Niantso an'i Dada tamin'ny findainy ramatoa kely Peterson, mpampianatra azy mianadahy. Nampahatsiahiviny an'i Dada fa miandry azy i Katie sy i Kenny. Nalahelo tokoa i Dada! Niala tany am-piasana haingana izy raha vao afaka nody ary naka azy ireo. Teny an-dalana hody, dia nividianan'i Dada gilasy izy dahy, mba hanehoany aminy fa nalahelo tokoa izy noho ny nanadinoany azy ireo. Nofihinin'i Dada mafy i Katie sy i Kenny.

"Tiako ianareo, ary faly aho fa zanako ianareo!" Nisy ranomaso nikoriana teo amin'ny takolak'i Dada.

"Azafady fa hadinoko ny naka anareo tany am-pianarana androany. Manantena aho fa tsy hanao izany intsony."

“Tianay ianao ry Dada!” Hoy i Katie nankeo an-tratran’i Dada. “Fantatray fa tianao izahay ary tsy fanahy inianao ny nahatonga anay natahotra sy nalahelo.”

“Tena tiako ianareo saingy olombelona ihany i Dada. Mety manao fahadisoana. Mila mifona aminareo sy amin’Andriamanitra aho rehefa mampalahelo anareo tahaka izao.”

“Ary hamela anao mandrakariva izahay, ry Dada!” hoy i Kenny. “Tahaka ny hamelan’Andriamanitra mandrakariva rehefa mifona isika.”

“Misaotra ry Kenny!” hoy i Dada nitsiky. Nampianatra ny mpianany hivavaka amin’ilay Rainy be fitiavana any an-danitra i Jesôsy. Izy ilay Ray izay tsy mba manadino antsika. Izy ilay Ray izay vonona mandrakariva hamela ny helotsika. Tadidio fa na dia manao fahadisoana aza ianao ray na reny, dia tia anao amin’ny fomba tonga lafatra kokoa mihoatra noho izay saininao Andriamanitra! Ary i Jesôsy dia nampianatra antsika hivavaka, mba hahafahantsika miresaka amin’ilay Raintsika izay any an-danitra amin’ny fotoana rehetra ary momba ny zavatra rehetra! Mahagaga tokoa izany!



## Fampiharana



- Toy ny ahoana ny sary ao an-tsainao momba ny Rainao any an-danitra rehefa mivavaka Aminy ianao? Samy hafa avokoa ny sary ao an-tsaintsika, ary tsy maninona izany! Ataovy sary ny fomba fahitanao an’Andriamanitra.
- Voalaza fa “fitiavana - be fitiavana” Andriamanitra. “*Isika tia, satria Izy efa tia antsika taloha*.” - 1 Jao. 4:19. Miresaha amin’ny ankohonanao momba ireo fotoana niainanao ny fanandraman’ny fikarakarana feno fitiavana nataon’Andriamanitra taminao.



## Hivavaka isika

- Manana Ray mahatalanjona isika, Izy koa no Andriamanitr’izao rehetra izao!
- Tsy ilaintsika ny hilaza teny manokana rehefa mivavaka. Fantatr’Andriamanitra ny zavatra rehetra tiantsika holazaina Aminy. Rehefa mivavaka ianao, dia alao sary an-tsaina hoe mipetraka eo am-pofoan’Andriamanitra ary mitantara Aminy ny tontolo andronao, toy ny firesahanao amin’ny ray na ny reny tsara fanahy sy be fitiavana indrindra.
- Andriamanitra no Ray tsara indrindra ho antsika! Misaora Azy noho ireo fomba samihafa ikarakarany anao, izay tsara noho ny fikarakaran’ny ray aman-dreninao anao!



### *Andro 3*

# *Hohamasinina anie ny anaranao*

Nipetraka teo ambonin’ilay seza mampahazo aina azy i Dada ary nanatsotra ny tanany hamihina an’i Katie sy i

Kenny. Nihazakazaka izy ireo nankeo am-pofoany! Andro manokana tokoa izany satria vao tonga avy any amin'ny hôpitaly i Neny sy ny zandrin'izy ireo lahy kely! Nofonosin'i Neny bodofotsy ilay zazakely ary napetrany moramora teo an-trotroan'i Dada! Nitandrina fatratra i Dada nitrotro azy. Navelan'i Katie hitazona ny rantsan-tanany iray tamin'ny tanany kely dia kely ilay zazakely. Nosafosafoin'i Kenny moramora ny takolak'ilay zazakely.

"Tsara tarehy izy!" hoy i Kenny.

"Ahoana izany no fiantsoantsika azy?" hoy i Katie.

"Natao hoe Katie araka ny anaran'i Nenibe Baker ny anaran'i Katie" hoy i Neny, "satria i Nenibe no olona tsara fanahy indrindra fantatro! Ary natao hoe Kenny ny anaran'i Kenny araka ny anaran'i Dadabe Johnson satria dokotera nikarakara ireo mahantra tsy afaka nanome vola azy izy. Tianay ianareo raha mba haka tahaka ny hatsaram-panahin'i Dadabe sy i Nenibe!"

"Nieritreritra izahay hoe hatao hoe Kristopher ny zandrinareo vaovao, satria Christopher ny anaran'ny Dadan'i Dadabenareo. Isan'andro izy dia nampianatra teny anglisy an'ireo ankizy mpifindra monina, mba hahatonga ireo ankizy ireo haharaka any am-pianarana" hoy i Dada. "Saingy soratana hoe 'K' ny anarany amin'izay mitovy amin'ny anareo mianadahy."

"Manokana avokoa ny anaranareo" hoy i Neny. "Izany no milaza ny fanantenanay fa hitombo ianareo ka ho tonga tsara fanahy sy be fitiavana toa an'i Jesôsy." Nikofokofoka i Kristopher kely.

Nosafosafoin'i Dada moramora ny lohany ary nobitsibitsihiny teny mampitony teo an-tsofiny izy.

"Manana anarana manokana marobe Andriamanitra!" hoy i Dada. "Ny tsirairay avy amin'ireny dia milaza momba ny toetrany tsara fanahy sy be fitiavana! Manana anarana manokana koa aza Izy, izay nomen'i Hagara, andevon'i Abrahama sy i Saraha. Nantsoin'i Hagara hoe 'El Roi' Izy, izany hoe, ilay Andriamanitra mahita ahy."

"Tiako kosa izany!" hoy i Katie nitsiky. "El Roi! Izy ilay Andriamanitra izay mahita antsika koa!"

"Nampianatra antsika nivavaka i Jesôsy hoe: 'Hohamasinina anie ny Anaranao!'" hoy i Dada. "Satria manokana sy masina ny anaran'Andriamanitra, ary asehontsika Azy ny fitiavantsika amin'ny firesahana momba ny Anarany, amin'ny fitiavana sy ny fitalanjonana."



# Fampiharana



- Ataovy lisitra ireo anarana samihafa iantsoana an'Andriamanitra. Fantaro bebe kokoa ny momba ireo anarany ireo sy izay ambaran'izany momba ny toetrany be fitiavana.
- Raha asaina manome anarana an'Andriamanitra ianao, anarana izay milazalaza ny momba Azy, tahaka izay nataon'i Hagara, inona no iantsoanao Azy?
  - Mpamonjy
  - Mpanavotra
  - Yahweh



## Hivavaka isika

- Fidio ny anankiray amin'ireo anarana iantsoana an'Andriamanitra; fantaro ny hevitr'izany ary ampiasao izany anarana izany hoentinao manao vavaka fiderana.
- Fidio ny anarana fiantsoana an'Andriamanitra tianao indrindra. Soraty eo afovoan'ny taratasy iray izany ary manorata fehezanteny misy fiankohofana momba izany anarany izany.
- Anankiray amin'ny anarana iantsoana an'Andriamanitra ny Yahweh. Misintona rivotra isika rehefa miteny hoe "Yah" ary mamoaka rivotra rehefa miteny hoe "Weh." Miezaha miteny hoe "Yahweh" amin'ny fo feno fiankohofana, toy ny hoe misintona rivotra sy mamoaka rivotra ianao. Ny rivotra tsirairay fohintsika dia fiderana ny anaran'Andriamanitra masina.



## *Andro 4*
# *Ho tonga anie ny fanjakanao*

Nitantara tantara ao amin'ny Baiboly momba an'i Davida mpanjaka tamin'i Katie sy i Kenny i Dada. Nohazavainy fa tsara fanahy tamin'ny zanakalahin'ny sakaizany i Davida; i Mefiboseta izay tsy afaka nandeha izany. Nanasa an'i Mefiboseta honina ao an-dapa sy hihinana eo amin'ny latabany i Davida mpanjaka (2 Sam. 9). "Tsara fanahy kosa i Davida mpanjaka!" hoy i Kenny.

"Nampianatra an'i Davida ho tonga mpanjaka malemy fanahy Andriamanitra, satria Izy Andriamanitra malemy fanahy," hoy i Dada.

"Hahafinaritra ahy ny honina ao amin'ny fanjakana iray izay tsara fanahy avokoa ny olona ao aminy" hoy i Katie.

"Fantatsika fa tena tia antsika Andriamanitra, ary tia Azy isika no sady tia ny hafa koa! Izy izany no Andriamanitsika, ary velona ao amin'ny Fanjakany isika dieny ety sy amin'izao fotoana izao!" hoy i Neny. "Rehefa Andriamanitra no Mpanjakan'ny fonao, dia monina ao amin'ny Fanjakany ianao na aiza na aiza misy anao! Nampianatra ireo mpianany i Jesôsy mba hivavaka mba hahatonga ny fanjakan'Andriamanitra hiainan'izy ireo. Vavaka mahatalanjona tokoa izany!"

"Misy anefa ny mpanjaka sasany izay ratsy fanahy sady tia tena, ary mila ady izy ireo mba hakany ny tanin'ny hafa" hoy i Katie sady nalahelo.

"Eny, satria te ho mpanjakan'ny fiainany manokana izy ireny, ary te hanana fahefana sy fifehezana ary koa tany sy harena be" hoy i Dada. "Andriamanitra kosa dia fitiavana, ary tsy tiany ny mifehy antsika, tsy tia tena Izy. Raha Izy no Mpanjakantsika dia miaina amim-pilaminana miaraka amin'ny hafa isika, mizara izay ananantsika amin'izy ireo, ary manam-paharetana sy misaina tsara. Fomba fiaina feno fifaliana kokoa izany! Ary rehefa miaina tahaka izany isika, dia hitan'ny hafa fa tsara tokoa ny miaina ao anatin'ny fanjakan'Andriamanitra!"

"Mahafinaritra izany!" hoy i Kenny. "Maniry ny hiaina ao anatin'ny fanjakan'Andriamanitra dieny izao aho! Toy izany no toerana tsara indrindra!"

“Eny tokoa, ry Kenny!” hoy i Neny nitsiky. “Miaina ao anatin’ny fanjakan’Andriamanitra isika ato an-tokantrano, sy any am-piangonana ary eo amin’ny fiarahamonina! Na aiza na aiza iainantsika araka ny foto-kevitra be fitiavana nomen’Andriamanitra, dia mampitombo ny fanjakan’Andriamanitra eto an-tany isika amin’izany. Indray andro isika dia hiara-monina any amin’ny tany izay hohavaozina, ary honina ao amin’ny fanjakan’Andriamanitra tonga lafatra mandrakizay!”

## Fampiharana

- Resaho ny maha-samy hafa ny fanjakan’Andriamanitra feno fitiavana amin’ny fanjakana eto an-tany.
- Manamboara satroboninahitra vita amin’ny taratasy na baoritra. Mialoha ny hanambàranao ny sisiny roa, dia velaro eo ambony latabatra izany ary soraty eo ny soatoavin’ny fanjakan’Andriamanitra, toy ny fitiavana, ny fiadanana, ny fifaliana, ny faharetana, ny fahalemem-panahy, ny fahatsarana, ny fahatokiana, ny fahamoram-po ary ny fifehezan-tena (Gal. 5:22,23).
- Fomba fanamboarana satroboninahitra taratasy: https://superstarworksheets.com/wpcontent/uploads/2024/02/KingCrownTemplate.pdf.

## Hivavaka isika

- Asao Andriamanitra mba ho Mpanjakan’ny fiainanao, Ilay Mpanjaka be fitiavana.
- Angataho Izy mba hanampy anao hampitombo ireo soatoavin’ny fanjakany izay efa ananananao, mba hampisehoanao amin’ny hafa ny endriky ny fanjakan’Andriamanitra.



## *Andro 5*

# *Hatao anie ny sitraponao etỳ an-tany tahaka ny any an-danitra*

Namaky ny Vavaka nampianarin’ny Tompo tamin’i Katie sy i Kenny i Dada. Misy zavatra tsy azon’i Kenny: “Inona no tiany holazaina amin’izany hoe hatao ny sitrapon’Andriamanitra etỳ an-tany tahaka ny any an-danitra?”

“Tsara izany fanontanianao izany, ry Kenny” hoy i Dada. “Ny fahafantarana ny fomba fanaovana ny sitrapon’Andriamanitra no zava-dehibe indrindra tokony hianarantsika!”

"Ahoana anefa no hahalalantsika ny Sitrapony? Lazainy amintsika ve izay tiany hataontsika?" hoy i Katie.

"Misy fotoana rehefa mivavaka aho, dia omen'Andriamanitra hevitra tsara momba izay tokony hatao. Rehefa nivavaka momba ny fangatahako an'i Neny ho vady aho dia nahatsapa fa nolazain'Andriamanitra tamiko hoe izany no zavatra tokony hataoko! Dia izany tokoa!"

"Hay ve! Nanampy anao Andriamanitra mba hifidy an'i Neny! Hafa kosa izany!" hoy i Katie sady namihina moramora an'i Neny satria natory teo an-trotroan'i Neny i Kristopher zazakely.

"Tonga i Jesôsy mba haneho amintsika ny toetran'Andriamanitra, ary nanao ny sitrapon'Andriamanitra mandrakariva Izy" hoy i Neny nanazava. "Afaka mieritreritra momba ny zavatra nataon'i Jesôsy ve ianareo?"

"Eny! Tsara fanahy sy nanampy ny hafa mandrakariva Izy!" hoy i Kenny. "Nataony izay hahafaly ny olona! Naman'ny olona rehetra Izy, na dia ny vahiny aza, ny boka koa, ny ankizy ary ny olona malahelo sy manirery."

"Marina mihitsy izany, ry Kenny!" hoy i Dada nitsiky. "Sitrapon'Andriamanitra mandrakariva ny hahatonga antsika ho tsara fanahy sy tia ny hafa. Isaky ny manao zavatra mitory fahalemem-panahy isika, dia tsy manao ny sitrapon'Andriamanitra fotsiny fa manampy ny hafa hanandrana ny fitiavan'Andriamanitra koa!"

"Mahita hevitra aho!" hoy i Katie. "Tsy ho ela dia ho tonga ny tsingerin-taona nahaterahanay! Ho feno folo taona izahay! Nahoana moa raha mankalaza izany isika ka manao zavatra mitory fahalemem-panahy miisa folo ho an'ny olona malahelo sy manirery?"

Nanaiky i Kenny. "Eny! Andao hatao izany! Io no tsingerin-taona mahafinaritra indrindra!"

"Fomba iray mahafinaritra hanaovana ny sitrapon'Andriamanitra eto an-tany izany!" hoy i Neny. "Hampihatra ny Vavaka nampianarin'ny Tompo ianareo rehefa manao izany!"

## Fampiharana



- Isaky ny maneho fahalemem-panahy isika, dia manao ny sitrapon'Andriamanitra eto an-tany tahaka izay anaovana izany any an-danitra. Manaova zavatra mitory halemem-panahy amin'ny tsirairay ao amin'ny ankohonanao. Maneteza sary fo amin'ny taratasy ary soraty eo amin'ny tsirairay amin'izany ny hoe: "Nandalo teo ny hatsaram-panahy!". Mamelà fo misy hatsaram-panahy eny amin'ny toerana nanaovanao asa mitory hatsaram-panahy.
- Manolora tena hanampy olon-dehibe iray ao amin'ny fianakavianao mandritra ny 15 na 20 minitra. Henoy tsara ny toromariny ary ataovy am-pifaliana izay asainy ataonao.

## Hivavaka isika

- Tsy firesahana amin'Andriamanitra fotsiny ny vavaka fa fihainoana Azy koa. Miaraha manao ny Vavaka nampianarin'ny Tompo ary manokàna fotoana hanginana mba hihainoana izay tian'Andriamanitra hataonao anio.
- Miatoa kely ao anatin'ny tontolo andro mba hivavahana hoe: "Ampio aho hahalala ny Sitraponao sy ho tsara fanahy amin'ny hafa." Hanampy anao hanao safidy tsara Andriamanitra.



## Andro 6

# Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay

Ho avy tsy ho ela ny tsingerin-taona nahaterahan'i Katie sy i Kenny! Nanomana asa soa folo hatao ho an'ny hafa izy ireo. Avy eo, nanoratra lisitry ny fanomezana tiany ho an'ny tenany izy ireo. Nipetraka teo am-pofoan'ny dadany izy ireo, nampiseho azy ny drafitra hataony momba ilay fanehoana hatsaram-panahy amin'ny hafa, sy ny lisitry ny faniriany.

Nitsiky i Dada. "Oay, lisitra lava be! Andao hojerentsika … kilalao, kilalao indray, ary kilalao maro kokoa!" Novakiny mafy ilay lisitra. "Amin'ireo zavatra rehetra ireo, inona no tena ilainareo?" Nila famantaranandro vaovao i Kenny mba hahafantarany ny ora tokony hiverenany hody hisakafo hariva. Nila bisikileta vaovao i Katie satria efa kely loatra ho azy ilay taloha. Nanaiky i Dada. «Samy nanao safidy tsara ianareo dahy! Aleo ho hitantsika izay hitranga amin'ny tsingerin-taona nahaterahanareo!

"Fony aho mbola ankizy toa anareo izao dia nahantra dia nahantra ny fianakaviako» hoy i Neny. «Ny hany fanomezana azoko tamin'ny tsingerin-taona nahaterahako dia akanjo mafana. Diso fanantenana aho tamin'ny voalohany. Kanefa tena nangatsiaka tokoa tamin'io ririnina io, ary faly tokoa aho nanana akanjo mafana hoentina any an-tsekoly, satria afaka nilalao teny ivelany niaraka tamin'ny namako aho." Nosokafan'i Dada teo amin'ilay nisy ny Vavaka nampianarin'ny Tompo ny Baiboly. "Nampianarin'i Jesôsy isika hivavaka hoe: '*Omeo anay isan'andro izay hanina sahaza ho anay.*' – Lioka 11:3. Manome antsika izay rehetra ilaintsika mba ho velona sy ho salama Andriamanitra, isan'andro. Ary ampy izany. Efa fantany avokoa izay rehetra ilaintsika, ary ny fanomezana tsara rehetra azontsika dia avy Aminy, satria tia antsika Izy."

"Na dia ny bisikileta sy ny famantaranandro aza?" hoy i Kenny.

"Eny, ny zavatra rehetra omena anareo dia avy amin'Andriamanitra! Izy no manome ahy hery hiasa sy hahazo vola mba hikarakara anareo!" hoy i Dada sady nitsiky.

"Izany no antony isaorantsika an'Andriamanitra alohan'ny hihinanantsika ny sakafo" hoy i Neny nanampy. "Mampahatsiahy antsika izany fa mikarakara antsika isan'andro Andriamanitra." Nalainy ny boaty iray. "Iza no te hanampy ahy hameno ity boaty ity amin'ny sakafo ho an'ilay fianakaviana vaovao ao am-piangonantsika? Tsy mbola nahita asa ny dadan'izy ireo. Angamba isika no hitondra ny valim-bavaka ho azy ireo anio!"



## Fampiharana



- Manamboara lamban-databatra tsara tarehy, na karatra hatao fametrahana vilia eo amin'ny latabatra fisakafoanao. Soraty eo amboniny ny vavaka fisaorana tianao indrindra ho an'ny sakafo.
- Manomàna fonosana sakafo homena fianakaviana iray izay mety mila izany anio. Aoka ianao ho valim-bavaka ho azy, raha nangataka tamin'Andriamanitra hahazo sakafo sahaza izy anio.

## Hivavaka isika

- Fantaro ny vavaka fisaorana ho an'ny sakafo avy any amin'ny faritra rehetra eran'izao tontolo izao.
- Manaova lisitry ny zavatra rehetra nataon'Andriamanitra ho anao androany mba ho velona sy ho salama hatrany ianao. Eritrereto ny minitra tsirairay mandritra ny torimaso, ny fisefoana tsirairay, ary ny fitepon'ny fonao tsirairay. Avy eo, misaora Azy noho ny zavatra rehetra nataonao lisitra teo. Ny tsirairay amin'ireo zavatra ireo dia fanomezana avy amin'ny Raintsika any an-danitra, noho ny fitiavany.



### *Andro 7*

# *Mamelà ny helokay*

"Andao hanao fangalampiery!" hoy i Kenny nafana fo.

"Mahafinaritra izany!" hoy i Katie. Nanisa hatramin'ny 20 izy raha nandositra niafina kosa i Kenny. Hitan'i Katie niafina tao ambanin'ny fandrian'i Neny sy i Dada izy. Faly erỳ izy ka nitsambikina teo ambonin'ny fandriana. "Eh, Katie!" hoy i Kenny sorena. "Efa niteny tamintsika i Dada mba tsy hitsambikimbikina eo amin'ny fandriany. An'i Dadabe sy i Bebe ange io e, tadidinao ve?"

"Ka mahafinaritra be ange e!" hoy i Katie nihoraka. Nitsambikina teo ambonin'ny fandriana koa i Kenny. Nihomehy sy niara-nitsambikina izy ireo. Tampoka teo, nisy feo toa nipoaka, ary nifetsaka ilay fandriana. "Oay, Katie! Inona izao no hataontsika?"

Natahotra i Katie. "Andao hiafina!" Niditra tao ambanin'ny fandrian'i Kenny izy ireo.

"Katie! Kenny! Tonga aho! Aiza ianareo?" Niditra tao amin'ny efitranony i Dada mba hisolo akanjo. Niantso indray izy. "Katie! Kenny! Aiza ianareo?" Toa nitebiteby izy. Niditra tao amin'ny efitranon'izy ireo i Dada. Hitan'i Dada ny ankihiben-tongotr'i Katie nipoitra.

"Katie sy Kenny" hoy izy tamin'ny feo malefaka. "Azafady mba lazao ahy izay nitranga tamin'ny fandrianay." Nalefaka ny feon'i Dada.

Nivoaka moramora i Katie. Nisy ranomaso nikoriana tamin'ny takolany. "Mifona, Dada" hoy izy tamin'ny feo mitomany. "Nanao fangalampiery izahay. Faly be izahay, dia nitsambikimbikina teo amin'ny fandrianao. Tsy fantatray fa ho vaky ilay izy."

"Avia eto" hoy i Dada sady nitsiky malefaka. "Misaotra anao nilaza ny marina, Katie. Malahelo aho fa tsy nankatò ianareo. Tsy tiako hatahotra ianareo hilaza amiko rehefa misy zavatra tsy mety. Hamela heloka anareo hatrany izahay! Avia hanampy ahy hanamboatra ny fandriana. Haka ny fitaovako aho."

Tamin'io alina io dia niakatra teo am-pofoan'i Dada izy mianadahy kambana. "Fantatrareo ve, fa ny Raintsika any an-danitra dia vonona hamela heloka antsika hatrany rehefa tsy mankatò Azy isika?" hoy i Dada nanazava. "Tsy tiany isika handositra hiafina! Tiany isika hanatona Azy ary hahatsapa famelan-keloka sy fitiavana! Azontsika lazaina Aminy hatrany izay zavatra ratsy nataontsika, ary afaka mangataka famelan-keloka isika. Faly tokoa Izy mamafa ny fahadisoantsika rehetra mandrakizay!"

“Tena mahafinaritra izany!” hoy i Kenny. “Faly aho fa tsara fanahy sy mamindra fo ny Raintsika any an-danitra!”



## Fampiharana



- Mitsofa balaonina kely vita amin’ny roatran-tsavony. Jereo izy ireny rehefa mipoaka. Mbola hitanao ihany ve izy ireo? Azonao averina ao anatin’ny roatran-tsavony ve izy ireo? Tsia! Manjavona izy ireny, tahaka ny fahotantsika rehefa avelan’Andriamanitra ny helotsika!
- Asio fasika manify eo amin’ny lovia iray. Soraty ao anaty fasika ny zavatra ratsy nataonao. Ahetsiketseho moramora ny lovia rehefa mivavaka mangataka famelan-keloka ianao, ary jereo eo amin’ny lovia fa manjavona mandrakizay ny fahadisoanao.



## Hivavaka isika

- Mitadiava tanimanga fotsy na “pâte à modeler” fotsy, na manaova feta matevina amin’ny lafarinina, sira ary rano. Manamboara endrika iray izay mampahatsiahy anao ny zavatra ratsy nataonao. Tazony izany rehefa mivavaka mangataka famelan-keloka ianao. Avy eo, manaova endrika fo fotsy amin’ilay “pâte”. Efa namela heloka anao Andriamanitra ary nanadio ny fonao indray!



## *Andro 8*

# *Tahaka ny namelanay izay meloka taminay*

Nihazakazaka nanatona an’i Dada i Katie sy i Kenny. Nitomany i Katie ary toa nalahelo koa i Kenny. “Oadray! Inona no nitranga tany an-tsekoly androany?” Namihina azy ireo i Dada. “Andao isika hihinana gilasy hiresaka momba izany.”

Naka gilasy iray sotro mitafotafo i Katie. Nangatsiaka be ilay izy ka naharary azy! “Katie a, moramora!” hoy i Dada nihomehy. “Noana mafy angaha ianao?”

“Eny!” hoy i Katie namaly. “Tezitra mafy i Peter, dia natsipiny tamin’ny tany ny sakafoko!” Nandoatra gilasy indray i Katie fa nataony kely kokoa. “Izaho anefa tsy nanadala azy. Izaho fotsiny no teo akaikiny indrindra. Avy eo dia nomen-dRamatoa Peterson hohaniko ny paomany.”

“Oh, Katie kely! Mampalahelo ahy ianao fa simba ny sakafonao!” hoy i Dada nampionona azy. “Ny sakafo tianao indrindra no namboarin’i Neny ho an’ny rahariva! Ary ianao, Kenny? Inona no mampalahelo anao?”

"Nofinganin'i Peter aho! Nianjera aho ary naratra ny lohaliko!"

"Oh Kenny kely! Mampalahelo ahy ianao fa naratra ny lohalikao!"

"Dada ô, nahoana angaha i Peter no ratsy fanahy tokoa?" hoy i Katie nanontany. "Namanay ange izy e!"

"Mandalo fotoan-tsarotra i Peter" hoy i Dada nanazava. "Miasa any ivelany ny dadany ary malahelo azy izy. Ary ny renibeny, izay nanampy ny reniny, dia any amin'ny hôpitaly izao."

"Fa tsy tokony hanisy ratsy anay izy koa!" hoy i Kenny feno hatezerana.

"Fantatro izany" hoy i Dada. "Kanefa rehefa fantatsika ny fahoriana manjo azy, dia afaka mamela ny helony isika ary mitady fomba hampaherezana azy. Nivavaka i Jesôsy mba hahaizantsika mamela heloka ny hafa, tahaka ny famelan'ny Raintsika any an-danitra ny helotsika."


"Tianao holazaina ve hoe: tokony hamela heloka an'i Peter isika?" hoy i Katie nanontany.

"Ny famelan-keloka dia tsy voatery midika fa tokony ho mpinamana sy hiaraka mandrakariva amin'ilay olona isika. Raha mahatsiaro ho tandindomin-doza isika, dia tsara kokoa ny tsy manatona ilay olona" hoy i Dada. "Hiantso ny reniny aho ary hijery ny fomba ahafahantsika manampy azy. Asao izy hihinana gilasy rahampitso aorian'ny fianarana."

"Tsy fantatro fa hay mampalahelo tokoa i Peter" hoy i Kenny tamin'ny feo malefaka. "Andao hivavaka mba hanampian'Andriamanitra antsika hamela heloka azy sy ho tsara fanahy aminy."

## Fampiharana

- Mieritrereta olona iray izay nanao ratsy taminao. Angamba afaka misaintsaina fomba iray koa ianao hanehoana hatsaram-panahy aminy.
- Asio zava-mamy kely, toy ny mofomamy kely na biskitra, ao anaty harona taratasy iray, izay misy soratra hoe "Famelan-keloka". Mipetraha ary manaova faribolana. Omeo ny olona eo ankavianao ilay fanomezana "Famelan-keloka". Angataho izy hamoaka ny zava-mamy ao anatiny, ka hanome anao sombiny amin'izany. Avy eo, angataho izy hampita ilay fanomezana amin'ny olona manaraka eo ankaviany, ary handray sombiny avy amin'ilay olona. Tohizo izany mandra-pahazoan'ny tsirairay ny fanomezana "Famelan-keloka", ka hanomezany sombiny ho an'ny hafa ho setrin'izany. Manazava ny atao hoe famelan-keloka ity fampiasana ity; amin'ny fomba ahoana? Ifanakalozy hevitra ny amin'izany.



## Hivavaka isika

- Mivavaha ho an'ireo izay nanisy ratsy anao. Angataho Andriamanitra hitahy azy ireo, araka ny nampianarin'i Jesôsy antsika.
- Aza hadinoina fa tia azy ireo Andriamanitra tahaka ny itiavany anao koa!



## Andro 9

# Ary aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ny ratsy.

Nilalao baolina irery i Kenny. Tonga tampoka i Peter nihazakazaka, ary nanipy ny baolin'i Kenny tany anaty kirihitra! Efa nivavaka ho an'i Peter avokoa ny rehetra ny omalin'io alina. Te ho tsara fanahy taminy i Kenny, saingy mbola nanorisory azy indray i Peter. Nivavaka i Kenny: "Ampio re aho Andriamanitra ô, ho tsara fanahy amin'i Peter. Ampio aho ho tia azy ary tsy hanisy ratsy azy." Rehefa nitady ny baoliny i Kenny, ary hitany ihany ilay izy nony farany, i Katie kosa dia niresaka tamin'i Peter. Tsaroany ny tenin'i Jesôsy momba ny tokony hanehoantsika hatsaram-panahy amin'ireo izay manisy ratsy antsika. "Eh, Peter! Nitondra biskitra hozaraina aminao aho! Nieritreritra aho fa mety ho noana ianao." Nisalasala i Peter. Tsaroany fa ratsy fanahy tamin'i Katie sy i Kenny izy ny omalin'io. Tsy te hanisy ratsy azy ireo izy anefa, fa nikorontan-tsaina sy nalahelo fotsiny. Ary tena noana izy satria tsy nanampotoana hanamboarana sakafo maraina ny reniny. "Misaotra, Katie a!" hoy i Peter nandray biskitra iray. Nohaniny haingana izany, ary avy eo nomen'i Katie iray hafa indray izy. "Mifona aho ry Katie sy Kenny fa nanao ratsy taminareo omaly a. Azafady, mamelà ahy" hoy izy sady menatra.

"Mazava loatra fa mamela ny helokao izahay!" hoy i Katie namaly. "Malahelo izahay fa tsy maintsy nandeha ny dadanao ary marary ny renibenao. Mitebiteby momba anao izahay! Indraindray, mitondra anay hihinana gilasy i Dada aorian'ny fianarana. Te hiaraka aminay ve ianao anio?"

Nitsiky i Peter. "Eny, tiako izany!"

Nitsiky koa i Kenny. Nanampy azy ireo Andriamanitra ho tsara fanahy amin'i Peter sy tsy hanao ratsy. "Eh, Peter! Andao hilalao baolina miaraka aminay!" Faly i Katie sy i Kenny fa niaraka tamin'izy ireo nihinana gilasy i Peter. Nanampy ny renin'i Peter i Dada nanamboatra ny fiarany, ary i Neny kosa nanomana sakafo tao anaty boaty iray ho azy ireo.

Ny alin'iny dia nipetraka teo am-pofoan'i Dada izy mianadahy kambana, nandritra ny fotoampivavahana. Namaky ny tantaran'i Jesôsy nalain'i Satana fanahy i Dada. Nanohitra ny fakam-panahy hatrany i Jesôsy, ka ny fanaovana an'Andriamanitra ho lohalaharana sy ny fanambarana ny Soratra Masina no nentiny niady. Hoy i Dada avy eo: "Tena tsara ny nataonareo dahy rehefa tsy nanaiky ho resin'ny fakam-panahy hanao ratsy tamin'i Peter, sy rehefa nangataka tamin'Andriamanitra mba hanampy anareo ho tsara fanahy. Izany indrindra no tian'i Jesôsy holazaina rehefa nampianatra antsika hivavaka Izy!"



## Fampiharana



- Misafidiana andininy iray ao amin'ny Baiboly izay manampy anao hahatohitra ny fakam-panahy sy hahery miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra.
- Soraty amin'ny karatra kely iray io andininy io, ary haingoy. Tehirizo ho fahatsiarovana manokana izany rehefa mivavaka ianao.

## Hivavaka isika

- Sorito eo amin'ny taratasy iray ny sisin-tanan'ny olon-dehibe iray.
- Soraty eo amin'ilay sarin-tanana ny fakam-panahy mahazo anao. Alao sary an-tsaina hoe tanan'Andriamanitra izany. Azonao lazaina Aminy avokoa ny fakam-panahy rehetra mahazo anao, ary afaka mangataka Aminy ianao hanampy anao hahatohitra izany.
- Tsarovy fa afaka mivavaka amin'ny fotoana rehetra ianao. Alao sary an-tsaina hoe mitazona ny tanan'Andriamanitra ianao ary manampy anao amim-pitiavana Izy hanao ny safidy tsara.



## *Andro 10*

# *Ataoko koa ny vavaka nataon'i Jesôsy!*

Tian'i Katie sy i Kenny tokoa ny Zoma hariva. Fotoana manokana mandrakariva mantsy izany, iarahan'ny fianakaviana mivavaka. Nifandimby nanomana tsindrin-tsakafo niaraka tamin'i Neny izy ireo. Matetika no nanaingo ny latabatra izy ireo, indraindray tamin'ny voninkazo avy any an-jaridaina na tamin'ny zavakanto namboarina tany am-pianarana. Tsiky sy hehy, fifamihinana, fifampizarana vaovao mahafaly, fampaherezana raha misy alahelo, fiarahana amin'Andriamanitra; izany no mameno ny Zoma hariva. Sahirana i Dada tamin'io alina io, ... Nisy kofehy lava nitaritarika namakivaky ny efitrano hatrany an-jaridaina. Tsy nahatombina i Katie sy i Kenny, liana dia liana! Rehefa avy nisakafo hariva izy ireo, dia niara-nivory ho amin'ny fotoam-pivavahana.

"Efa hitantsika ireo lafiny samihafa tamin'ny vavaka nampianarin'i Jesôsy. Ankehitriny, andao isika hikaroka azy rehetra indray, toy ny mitady harena nafenina!" Tian'i Katie sy i Kenny izany kilalao mitady harena nafenina miaraka amin'i Dada izany! Nanome azy ireo ny kofehy i Dada mba harahina. Nitarika azy ireo hatreo amin'ny sezan'i Dada izany, dia namihina azy ireo izy! "Eritrereto hoe ny Raintsika any an-danitra no mamihina anareo!"

Avy eo, nahita peta-drindrina misy fo lehibe izy ireo. "Soraty eo ny fiantsoana an'Andriamanitra tianareo indrindra mba hahatsiarovanareo fa masina ny anarany", hoy i Neny. Nitarika azy ireo ho any amin'ny satro-boninahitra iray indray ilay kofehy, avy eo teo amin'ny Baiboly misy sarina fo eo amin'ny fonony, mba hampahatsiahy azy ireo ny fitiavan'Andriamanitra sy ny sitrapony ho antsika. Nanaraka ny lalana izy ireo ka tonga tao an-dakozia, izay nahitany mofo iray, ary avy eo nankany amin'ny siny tao an-jaridaina, izay nanasan'izy ireo vato maromaro feno fotaka, teo am-piresahana momba ny famelan-keloka.

Nandalo teo anoloan'ny biskitra maha-te hihinana izy ireo, izay misy takelaka milaza hoe "Aleo hajanona ho an'ny sakafo antoandro amin'ny Sabata ireto biskitra ireto!" Farany dia nahita fanalahidy nifatotra tamin'ilay kofehy izy ireo, ary vata kely fasiana harena tena izy! Rehefa nosokafana ilay vata dia diary anankiroa tsara tarehy no hitany tao, misy pejy azo lokoina sy anoratana vavaka!

Nampianatra fihetsika mahafinaritra azy ireo i Neny teo am-panaovana ny vavaka “Rainay Izay any an-danitra ...”, izay nianarany fony kely! Avy eo dia nifamihina mafy izy rehetra! “Faly tokoa aho fa nanome antsika vavaka manokana hatao i Jesôsy!” hoy i Kenny. “Izaho koa!” hoy i Katie. “Ary misaotra ry Neny sy Dada fa nahita fomba mahafinaritra ianareo hampianarana anay izany.”



## Fampiharana





- Mitadiava zavatra ao an-tranonao, izay maneho ireo andininy ao amin’ny Vavaka nampianarin’ny Tompo, tahaka ireo hitan’i Katie sy i Kenny. Alamino araka ny filaharany ireo, ary iaraho manao ilay vavaka.
- Manaova sary mba hanazavana ny andininy tsirairay ao amin’ilay Vavaka nampianarin’ny Tompo.
- Soraty amin’ny sombin-taratasy miendrika dian-tongotra ny andininy tsirairay. Ataovy amin’ny lalana iray ireo dian-tongotra ireo, ary mandehana eo amboniny. Avereno imbetsaka izany fihetsika izany; isaky ny mandeha dia avadiho ilay dian-tongotra mba hanakonana ny andininy voasoratra eo, sady miezaka mitadidy tsianjery izany ianao.

**Hivavaka isika**

• Mamoròna fihetsika hatao eo am-panaovana ny Vavaka nampianarin’ny Tompo (Youtube: The Lord’s Prayer) – ny fihetsika dia manampy ny atidohantsika hitadidy izany mora foana.

• Misafidiana feon-kira iray fantatrao, ary ataovy an-kira mahafinaritra ny Vavaka nampianarin’ny Tompo.

• Ampiasao ireo hevitra samihafa ao anatin’ny Vavaka nampianarin’ny Tompo, ary soraty amin’ny fiteninao manokana izany, araka ny fahatakaranao azy.



# *Ny vavaka nampianarin’ny Tompo*

**(Miaraka amin’ny fihetsika)**

Ampiasao ny fihetsika voalaza eto ambany rehefa manonona ireo teny ao amin’ny Vavaka nampianarin’ny Tompo ianao.

- **Rainay** (Atao manondro ny tratra ny tanana roa ary fihinina ny tena)
- **Izay any an-danitra** (Atao manondro any ambony ny tanana roa)
- **hohamasinina anie ny anaranao** (Akombona toy ny mivavaka ny tanana roa)



- **Ho tonga anie ny fanjakanao** (Atao toy ny misintona ny lanitra hidina ny tanana roa ary mampiditra izany ao an-tratra)
- **Hatao anie ny sitraponao** (Atao manaraka ny vatana ny kiho, kasihina amin'ny tanana roa ny soroka ka ny tanana havia mikasika ny soroka havia ary ny tanana havanana mikasika ny soroka havanana - rehefa izay, dia ampidinina ny tanana roa toy ny hoe atolotra, ary tsy mijanona raha tsy manao zoro mahitsy 90 degre amin'ny tena ny tanana)
- **ety an-tany** (Velarina ny tanana ary atao manondro ny tany)
- **tahaka ny any an-danitra** (Velarina ny tanana ary akarina any ambony mba hanondro ny lanitra)
- **Omeo anay anio** (Atomboka amin'ny tanana mitsotra toy ny mandray, avy eo sintonina hiditra izany ary miaraka akombona)
- **izay hanina sahaza ho anay** (Atao tahaka ny mofo ny tanana havia, ary akambana mba haneho ny fihetsika manosotra dibera amin'ny tanana havia ny fanondro havanana sy ny fanondro adala)
- **Ary mamelà ny helokay** (Ampiasaina ny tanana roa mba hanao fihetsika toy ny manilika zavatra iray hiala lavitra)
- **tahaka ny namelanay** (Tondroina amin'ny tanana roa ny tena ary averina ny fihetsika momba ny famelan-keloka etsy ambony)
- **izay meloka taminay** (Avonkona ny totohondry, ary atao mikapoka ny totohondry havia ny havanana, toy ny mamantsika izany indray mandeha)
- **Ary aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy** (Avonkona hatrany ny totohondry, ary atao mifanaingina miendrika vokovoko ny hatotanana)
- **fa manafaha anay amin'ny ratsy** (Sarahina toy ny hoe novahana ilay hatotanana toy ny nifamatotra teo)
- **fa Anao ny fanjakana** (Atao eo ambony loha ny tanana roa, ary manondro any ambony ny rantsan-tanana, toy ny manao sarina satroboninahitra)
- **sy ny hery** (Ampiasaina ny tanana roa hanehoana ny hozan-tsandry)
- **ary ny voninahitra** (Akarina miaraka ny tanana roa hankeo ambonin'ny loha, ary ampidinina miaraka mba hanao faribolana maneho voninahitra)
- **mandrakizay** (Velarina ny sandry ary avy eo ampidinina sy ampiakarina)
- **Amena** (Akombona toy ny hivavaka ny tanana roa).

**Karen Holford**
I Karen Holford no talen'ny Departemanta Miadidy ny Ankizy any amin'ny Diviziona Trans-Eorôpeanina. Tiany ny mivavaka sy manampy ny hafa mba hanandrana ny haben'ny fitiavan'Andriamanitra azy ireo!

## Fenoy ny banga

 ---------------- Izay any  -----------------------, hohamasinina anie ny anaranao.

Ho tonga anie ny  ---------------------.  ------------- anie ny sitraponao etỳ an  ---------- tahaka ny any  -----------------------. Omeo anay anio izay  ------------ sahaza ho anay. Ary  ------------ ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay. Ary aza  ---------------- anay ho amin'ny fakam-panahy, fa  ------------------ anay amin'ny ratsy.

Fa Anao ny  ----------------- sy ny  ---------- ary ny  ----------------------- mandrakizay. Amena.